

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2012

Liahona



**Manamafy Orina
ny Tokantrano sy
ny Fianakaviana,
pp. 4, 16, 20, 22**

**Maneho ny Heviny momba
ny Fahadiovam-pitondrantena
ny Mpitovo sy Mpivady vao
Herotrerony, p. 42**

**Soratra Masina Efatra Izay
Nanampy Anay, p. 54**

**Miroso amin' ny Dingana
Manaraka rehefa avy ao
amin' ny Kilonga, p. 58**



*I Jesoa Kristy tany Amerika,
nataon' i Jeffrey Hein*

*Rehefa namangy ny Nefita
tany Amerika i Kristy nitsangana tamin' ny maty dia,
"nalainy tsirairay ny ankizymadiny ary notsofiny rano
izy ireo, nivawahany ny Ray ho azy ireo.*

"Ary nony nanao izany Izy dia nitomany indray;

*"Ary niteny tamin' ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Jereo ny madinikareo"
(3 Nefia 17:21-23).*



Liahona, Ôktôbra 2012

HAFATRA

- 4 Hafatra avy amin' ny Fiadidiana Voalohany: Fanalahidy Iray Hananana Fianakaviana Sambatra**
Nataon' ny Filoha
Dieter F. Uchtdorf
- 8 Hafatra ho an' ny Famangiana Isan-tokantrano: Manaja ny Fanekempihavanantsika**

LAHATSORATRA MANOKANA

- 22 Manampy ny Zatovo Haina Zavatra Ara-panahy**
Nataon' i Melissa Merrill
- 28 Ny Bokin' i Almà: Lesona ho an' Izao Fotoana Izao**
Loholona Paul B. Pieper
- 34 Ahoana no Ahafahana Manohy Miaina Araka**

EO AMIN' NY FONONY
Sary nataon' i Cody Bell.

ny Tokony Ho Izy ao amin' ny Farity ny Fahavalô

Nataon' ny Filoha Boyd K. Packer
Jereo ao anatinao ny fomba ahafahan' ny Fanahy Masina ho hery mitarika sy miaro.

DEPARTEMANTA

9 Ry Tanora, Mahereza: Akanjo sy Bika aman' endrika

- 10 Fanamarihana manokana momba ny Fihaonamben' ny Fiangonana Volana Ôktôbra: Mandrindra ny Fandaharam-potoanantsika ho an' ny Fihaonambe**
Nataon' i Cheryl Burr

- 11 Manompo ao amin' ny Fiangonana: Valim-panontaniana ao amin' ny Sekoly Alahady**
Nataon' i Emma Addams

- 12 Ny Zavatra Inoantsika: Manomana Antsika amin' ny Hoavy ny Fiainana ao anatin' ny Fitsitsiana**

14 Zava-madinika sy Tsotra

- 16 Ny Tokantranantsika,
ny Fianakaviantsika: Mam-pianatra ny Fahadiovam-pitondrantena sy ny Hasina**
Nataon' i Matthew O. Richardson


- 20 Fianarana Filazantsara:
Mampianatra ny Fahamarinan-toetra
ao An-tokantrano**
Nataon' ny Loholona
Delbert L. Stapley

- 38 Ny Feon' ireo Olomasin'
ny Andro Farany**

74 Vaovaom-piangonana

- 79 Hevitra ho an' ny Takarivan'
ny Mpianakavy**

- 80 Mandrapihaonantsika
Indray: Mitohy ny Fahatongavan' ireo Zavatra Tsara**
Nataon' i Caitlin A. Rush

HO AN'NY TANORA	HO AN'NY ZATOVO	HO AN'NY ANKIZY
 42	<p>42 Fahadiovam-pitondrantena ao anatin' ilay Izao Tontolo Izao Maloto Ara-pitondrantena <i>Nifanakalo hevitra momba ny fomba hijanonana ho madio ara-pitondrantena ao anatin' ilay izao tontolo izao izay tsy manome lanja ny fahadiovam-pitondrantena ny tanora mpitovo valo.</i></p> <p><i>Jereo raha hitanao ilay Liahona nafennina ato amin' ity laharana ity. Fanorotroana: Moave Nampiasa Liahonà i Noa?</i></p>	<p>46 Fanontaniana sy Valiny <i>Inona no dikan' ny hoe manaja ny fisoronan' Andriamanitra?</i></p> <p>48 Aoka lanao ho Hendry ary ho Namana <i>Nataon' i Loholona Robert D. Hales Manamora ny fainana ny didy ny namana tsara.</i></p>
	<p>51 Miakanjo fa Handeha Handihy <i>Nataon' i Crystal Martin Nalaim-panahy hanao akanjo izay tsy nanarona ny soroko aho, saingy tsaroako ny tsodrano' ny patriarika nomena ahy.</i></p> <p>52 Ry Tanora, Mahereza: Akanjo sy Bika Aman' endrika—"Aoka ny Fanahy Masina Hitarika" <i>Nataon' i Mary N. Cook</i></p> <p>54 Nampahatanjahan' ny Teny <i>Zatovo efatra no miresaka mikasika ny fotoana nahatongavan' ny soratra masina iray tao an-tsain' izy ireo ary nanampian' izany azy ireo.</i></p> <p>57 Sary: Mahitsy sy Tery llay Lalana</p>	<p>58 Miroso amin' ny Dingana Manaraka rehefa avy ao amin' ny Kilonga <i>Ireto misy zavatra sasantsasany hiseho izay azonareo andran-draina rehefa ao amin' ny Zatovolahy na Zatovovavy.</i></p> <p>60 Ry Amiga Malala <i>Nataon' i Maribel Taratasy iray ho an' ny namana iray sahiran-tsaina handao ny Kilonga.</i></p> <p>61 Mitsena Vanim-potoana Vaovao eo amin' ny Fiainana <i>Nataon' i Marissa Widdison Miomana ny handray ny fisoronana i Noah, i Dylan, i Patrick, ary i Ben.</i></p> <p>62 Hira: Come, Lord Jesus</p> <p>63 Vavolombelona Manokana: Nahoana no zava-dehibe ny Fanarahako an' i Jesoa Kristy Amim-pahatokiana Na Aiza Na Aiza Misy Ahy? <i>Nataon' ny Loholona Dallin H. Oaks</i></p> <p>64 Mitondra ny Kilonga Mody: Afaka mahazo anjara amin' ireo fitahiana avy amin' ny fisoronana ny rehetra</p> <p>66 Fitahiana Roa Avo Heny <i>Nataon' i Richard M. Romney Fantaro i Sophie sy i Elodie, kambana 10 taona avy any Madagaskara.</i></p> <p>68 Moa Ve Aho Tsy Mba Azo Atao Batisa Koa? <i>Nataon' i Hilary Watkins Lemon Nientanentana mafy ny ho lasa mpikamban' ny Fiagonana i Paulo enin-taona.</i></p> <p>70 Ho an' ny Ankizy Madinika</p> <p>81 Olona voalaza ao amin' ny Soratra Masina Bokin' i Môrmôna</p>

Gazetiboky iraisam-pirenena an'ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'hy Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

Ny Kolejin'ny Apôstôly Roamainifolo: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

Mpanomanana ny fanontana: Craig A. Cardon

Mpanorohévitra: Shayne M. Bowen, Bradley D. Foster, Christoffel Golden Jr., Anthony D. Perkins

Tale mpitantanana: David T. Warner

Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana

sy ny Mpikambana:

Vincent A. Vaughn

Talen'ny Gazetibokin'ny Fianganona: Allan R. Loyborg

Mpitantana ny Fandrahahahaha: Garff Cannon

Mpitantana ny Fanontana: R. Val Johnson

Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:

LaRene Porter Gaunt

Mpanampy amin'ny Famoahana: Melissa Zenteno

Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:

Susan Barrett, Ryan Carr, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flinton, Mindy Raye Friedman, Hikari Loftus, Lia McClanahan, Michael R. Morris, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Julia Woodbury

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen

Talen'ny Hai-tao: Tadd R. Peterson

Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao: Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Kerry Lynn C. Herrin, Colleen Hinckley, Eric P. Johnson, Scott M. Mooy, Brad Teare

Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:

Collette Nebeker Aune

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters

Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana: Connie Bowthorpe Bridge, Howard G. Brown, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Ty Pilcher, Gayle Tate Rafferty

Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana: Jeff L. Martin

Talen'ny Fanaovana Printy: Craig K. Sedgwick

Talen'ny Fanaparahaana: Evan Larsen

Tompon' andraikirity ny fandikan-teny:

Ifano Rasolondraibe

Mpandika teny: Rakotondrasoa Ziva Lalarivelos, Rabemalanto Lucia, Raoelmananaina Barège

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelani' Etazonia sy Kanada dia manatona ny mpandraihana ny foibe fanaparahaana any amin'ny Fianganona eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Alefosa amin'ny ololan'ny internet ao amin'ny liahona.lids.org ireo zavatra nosoratana sy fanontaniana; na alefosa an-taratasy amin'izao adiresy izao Liahona, Rm. 2420, 50 N. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA; na alefosa e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.

Ny *Liahona* (teny avo amin'ny Bokin'i Môrmôna izay amba hoo "kompâ" na "mpitari-dalana") dia avaoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniania, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsy, Grika, Holändey, Hongoroa, Indoneziana, Silandey, Italia, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Korea, Kroasiana, Lativiana, Litoariana, Malagasy, Marisalyz, Mongoliania, Norveziana, Okireiana, Ordo, Pôloney, Portogey, Romanianiana, Rosiana, Samoa, Sebano, Sloveniana, Sinao, Sinao (notorsina), Soedoa, Tagalogiy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tsekry any Vietnamiana (Ny fitoahana'ny boky dia miaoava araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2012 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-pianganona na zo an-kotrantrao ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy adika raha misy famerana mikasika Iesoa ny amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ily sary. Ny fanontaniana momba ny fahaozan-dalana tamin'ny fandikanana dia alefosa amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

October 2012 Vol. 12 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.

Zavatra maro kokoa mahaliana ao amin' ny internet

Liahona.lds.org

HO AN'NY OLON-DEHIBE

Rehefa avy mamaky mikasika ny famelan-keloka ao amin' ny Hafatra avy amin' ny Fiadidiana Voalohany (pejy 4) dia afaka mamaky ny lahatenin' ny Filoha James E. Faust nandritra ny fihaonamben' ny Fianganana natrehiny farany ianao, "The Healing Power of Forgiveness" [Ny Hery Manasitran' ny Famelan-keloka] (Aprily 2007), ao amin' ny conference.lds.org.

HO AN'NY ZATOVO


Ao amin' ny pejy 52, i Mary N. Cook dia manazava ny ahafahan' ny fanajana tsapantsika ho an' ny tempoly mitarika ny fomba fiakanjontsika. Ao amin' ny youth.lds.org, ianao dia afaka mahita zavatra bebe kokoa mikasika ny "Akanjo sy ny Bika aman' endrika" ary afaka mahita ireo fitsipika avy ao amin' ny Jeunes Soyez Forts.

HO AN'NY ANKIZY

Afaka mamaky momba ireo kambana roa vavy, i Elodie sy i Sophie, avy any Madagasikara ianao ao amin' ny "Fitahiana Roa Avo Heny" (pejy 66) ary afaka mijery ny sarin' izy ireo mahafinaritra ao amin' ny liahona.lds.org.

ZAVATRA AMIN' NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan' ny Fianganana hafa dia misy amin' ny fiteny maro ao amin' ny www.languages.lds.org.



LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin' ilay lahatsoratra.

Akanjo, 9, 51, 52

Asa, 12

Asa fanompoana, 20, 39

Batisa, 68

Bokin' i Môrmôna, 28, 81

Fahadiovan-pitondrantena, 16, 42

Fahendrena, 48

Fahorianana, 28

Famelan-keloka, 4

Fampianarana, 16, 20

Fandalinana ny soratra masina, 11, 54

Fanekempihavanana, 8

Fankatoavana, 40, 57

Fianakaviana, 4, 16, 20, 22, 38, 66

Fihaonamben' ny

Fianganana, 10

Finoana, 39, 80

Fiomanana, 12

Fiovam-po, 39

Fisoronana, 46, 64

Fitarihana, 20

Fizakan-tena, 12

Hatsaram-panahy, 28

Jesoa Kristy, 62, 63

Maha-ray aman-dreny, 16, 20, 22

Mpaminany, 28

Namana, 48

Ohatra, 40

Sabata, 40

Tantaram-pianganana, 14

Tempoly, 8, 52

Vavaka, 38

Zatovolahy, 58, 61

Zatovovavy, 58, 60





FANALAHIDY IRAY HANANANA

Fianakaviana Sambatra

Ilay boky mifono tantara noforonina mitondra ny lo-hateny hoe *Anna Karenina* dia natombok' ilay mpanoratra Rosiana lehibe tamin' ireto teny ireto: "Mitovy daholo ny fianakaviana sambatra fa ny fianakaviana tsy sambatra dia samy manana ny lafiny manokana tsy mahasambatra azy."¹ Raha mbola tsy ananako ilay fahatokian' i Tolstoy hoe mitovy daholo ny fianakaviana sambatra, dia nahita zavatra iray kosa aho izay iombonan' ny ankamaroan' izy ireo: Manana fomba hamelana sy hanadinoana ny tsy fahalavorarian' ny hafa izy ireo ary fomba hitadiavana ilay tsara.

Ireo ao anatin' ny fianakaviana tsy sambatra kosa etsy ankilany dia matetika mahita zavatra tsy mety sy mihazona lolom-po ary toa tsy afaka ny hanadino izay zavatra nana-fintohina taloha.

"Eny e! saingy . . ." hoy ny fanombohan' ireo izay tsy sambatra azy. "Eny e! saingy raha mba fantatrao mantsy fa tena nanafintohina ahy izy," hoy ny filazan' ny anankiray. "Eny e! saingy raha mba fantatrao mantsy fa tena mahatsiravina izy iny." Hoy ny filazan' ny anankiray hafa.

Mety samy marina ny an' izy roa ireo na mety tsy marina koa.

Misy karazany maro ny halehiben' ny fanafintohinana. Misy karazany maro ny halehiben' ny ratram-po. Saingy nahatsikaritra aho fa matetika isika dia manamarina ny hatezerantsika ary manome fahafaham-po ny eritrerintsika amin' ny alalan' ny filazantsika tantara momba ny tanjon' ny hafa izay manameloka ny zavatra nataon' izy ireo ho toy ny tsy azo avela sy feno fitiavan-tena, ary ao anatin' izay fotoana izay koa dia ahindrahindrantsika ho toy ny madio sy tsy manan-tsiny ny tanjontsika manokana.

Ilay Alikan' ny Zanakalahin' ny Mpanjaka

Misy tantara fahiny iray niseho tany amin' ny Pays de Galles tamin' ny taonjato faha-13 mikasika ny zanakalahin' ny mpanjaka iray izay raha nody tany an-tranony dia nahita ny tarehim' ny alikany feno ra. Nihazakazaka niditra tao an-trano ilay lehilahy ary nivarahontsana rehefa nahita fa tsy teo ilay zanany lahy kely ary nihohoka ny fandrian-jaza nisy azy. Tao anatin' ny fahatezerana no namoahan' ilay zanakalahin' ny mpanjaka ny sabany ary namonoany ilay alikany. Fotoana fohy taorian' izay dia henony ny tomanin' ilay zanany lahy—velona ilay zazakely. Nisy amboadia nitsirara teo akaikin' ilay zazakely. Raha ny marina, ilay alika dia niaro an' ilay zazakelin' ny zanakalahin' ny mpanjaka teo anatrehan' ilay amboadia mpamono olona.

Na dia mampivarahontsanaaza izany tantara izany dia manasongadina lafin-javatra iray izany. Izany dia mety hanamarina fa ny tantara izay lazaintsika mikasika ny antony mahatonga ny hafa maneho fihetsika sasantsasany dia tsy voatery hifanaraka foana amin' ny zava-miseho—indraindray aza isika tsy te-hahafantatra ny zava-miseho akory. Fa aleontsika manamarin-tena ao anatin' ny hatezerantsika amin' ny alalan' ny fihazonana ny alahelo sy lolom-po. Mety maharitra amam-bolana na aman-taonany maro ireo lolom-po ireo indraindray. Mety maharitra mandritra ny fainana izany indraindray.

Fianakaviana Misaratsaraka

Nisy raim-pianakaviana iray tsy nety namela ny zanany lahy noho ny nandaozany an' ilay lalana nampianarina azy. Nanana namana izay tsy nankasitranan' ilay raim-pianakaviana ity tovolahy ity ary nanao zavatra maro izay

FAMPIANARANA AVY AMIN' ITY HAFATRA ITY

"Rehefa manomana ny lesona tsirairay ianao dia manontania tena hoe ahoana no mahatonga ilay fitsipika ho toy ny zavatra izay efa niainan' ny olona ao amin' ny fianakaviana teo amin' ny fiaainany manokana" (*Teaching, No Greater Call* [1999], 171). Manasà olona ao amin' ny fianakaviana mba hizara zavatra tsara niainany na hitany mikasika ny famelan-keloka. Ifanakalozy hevitra ireo zavatra niainana ka hamafiso ireo fitahiana avy amin' ny famelan-keloka. Farano amin' ny alalan' ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny maha-zava-dehibe ny fifamelana izany.

nifanohitra tamin' ny zavatra noeritreretin' ny rainy fa tokony hataony. Niteraka fisaraham-bazana teo amin' ilay ray sy ny zanany izany ary niala tao an-tranony ilay tovolahy vao afaka nanao izany, dia tsy niverina intsony. Mahalana vao nifampiresaka izy ireo.

Moa ve mahatsapa ho manana ny rariny ilay raim-pianakaviana? Angamba.

Moa ve mahatsapa ho manana ny rariny ilay tovolahy? Angamba.

Ny hany fantatro dia nisaratsaraka ilay fianakaviana ary tsy sambatra satria na ilay ray na ilay zanaka dia samy tsy afaka namela ilay anankiray hafa. Tsy mba afaka nanana fomba fiery nihoatra ireo fahatsiarovana nampala-helo mikasika azy izy ireo. Nofeno'in' izy ireo hatezerana ny fony fa tsy fitiavana sy famelan-keloka. Samy nanaisotra ilay fahafahana mba hitondra zavatra tsara eo amin' ny izy samy izy izy ireo. Toa tena lalina sy goavana ilay fisarahana nisy teo amin' izy ireo ka samy lasa gadra ara-panahy tao amin' ilay nosin' ny fihetseham-pony manokana izy ireo.

Soa ihany fa nanome fomba handresena izany lavaky ny avonavona izany ilay Raintsika any an-danitra izay be fitiavana sy hendry. Ilay Sorompanavotana lehibe sy tsy manam-petra dia fanehoana famelana sy fampihavanana faratampony. Tsy takatry ny saiko ny halehiben' ny heriny saingy mijoro ho vavolombelona amin' ny foko sy fanahiko iray mantolo aho fa misy sy faran' izay lehibe izany hery izany. Nanolotra ny tenany mba hanonerana ny fahotantsika ny Mpamony. Mahazo famelan-keloka isika amin' ny alalany.

Tsy misy Fianakaviana Tonga Lafatra

Tsy misy amintsika izay tsy manota. Mاناо fahadisoana isika tsirairay ary tafiditra ao anatin' izany izaho sy ianao. Efa samy voaratra isika rehetra. Efa samy nandratra ny hafa isika rehetra.

Amin' ny alalan' ny sorona nataon' ny Mpamony antsika no ahafahantsika mahazo fisandratana sy fiaianana mandrakizay. Rehefa manaiky ny fombany isika ary mandresy ny avonavontsika amin' ny alalan' ny fana-lefahana ny fontsika dia afaka mitondra ny fampihavanana sy ny famelana eo amin' ny fianakaviantsika sy ny fiaianantsika manokana. Andriamanitra dia hanampy antsika hahay hamela bebe kokoa, ho vonona kokoa han-deha maily iray, haneho fialan-tsiny voalohany na dia tsy fahadisoanao aza ilay izy, hanaiso-tra ireo lolom-po ary tsy hampihombo izany

intsony. Isaorana Andriamanitra izay nanome ny Zanany Lahitokana ary isaorana ny Zanaka izay nanome ny ainy ho antsika.

Afaka mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra isika isan' andro. Moa ve isika tsy tokony hanolotra zavatra kely bebe kokoa avy amin-tsika ho an' ireo namantsika araka ny nampianarin' ilay fihirana tena tsara "Seigneur j' ai tant reçu"² Nosokafan' ny Tompo ny varavarana mba hahazoantsika famelan-keloka. Moa ve tsy mba rariny raha toa ka esorintsika ny fitiavantenantsika sy ny avonavontsika ary atombontsika ny fanokafana ilay varavarana tena tsaran' ny famelana ho an' ireo olona manahirana antsika—indrindra ho an' ny fianakaviantsika manokana rehetra.

Farany, ny fahasambarana dia tsy tonga avy amin' ny fahalavorariana fa avy amin' ny fampiharana ireo fitsipika masina, na dia amin' ny alalan' ny fanaovana dingana kely maromaro aza. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambininfolo dia nanambara hoe: "Ny fahasambarana ao amin' ny fiaianam-pianakaviana dia ho tratra rehefa miorina amin' ny fampianaran' i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy kolokoloina araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, *ny famelan-keloka*, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly maha-soa ny tena sy ny fanahy.³

Ny famelan-keloka dia napetraka tena eo afovoan' ireo fahamarinana tsotra ireo izay miorina eo amin' ny drafity ny fahasambarana an' ny Raintsika any an-danitra. Noho ny famelan-keloka mampifandray ireo fitsipika dia mampifandray ny olona koa izany. Fanalahidy iray izany izay manokatra ireo varavarana mihidy. Fanombohan' ny fandraisana lalana marina izany ary iray amin' ireo fanantenana tsara indrindra ho an' ny fianakaviantsika.

Enga anie Andriamanitra hanampy antsika hahay hamela heloka kokoa eo amin' ny fianakaviantsika sy eo amintsika samy isika ary angamba hahay hamela heloka kokoa ny tenantsika mihitsy aza. Mivavaka aho mba hiaina ny famelan-keloka ho toy ny fomba tena tsara iray itovian' ny ankamaroan' ireo fianakaviana isika. ■

FANAMARIHANA

1. Leo Tolstoy, *Anna Karenina*, trans. Constance Garnett (2008), 2.
2. "Seigneur j' ai tant reçu," *Cantiques*, no. 139.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' izao tontolo izao," *Liahona*, Nov. 2010, 129; nampiana fanamasifana.

Vavaka sy Fiadanana

Nataon' i Lauren W.

Nifanditra tamin' ny reniko aho indray hariva ary nahatsapa ho tena tsy nahazo aina. Noho izany dia nanapa-kevitra aho fa hivavaka. Na dia sorena sy tsy te haneho "toetra arapanahy" aza aho dia fantattro fa hanampy ahy hahatsapa ho faly kokoa sy tsy hila sotasota ny vavaka. Rehefa nandao ilay efitrano ny reniko dia nanomboka nivavaka aho. "Ry Ray an-danitra ô, tonga mba hanatona Anao aho izao alina izao satria . . ." Tsia. Nosokafako ny masoko ary novahako ny tanako. Toa hafahafa izany ireo teny ireo. Namerina nanandrana indray aho. "Ry Ray any an-danitra, izaho dia mila . . ." Toa hafahafa ihany koa izany. Nahatsapa aho fa namporisika ahy mba hanajanona ny vavaka fangatahako fanampiana avy amin' ny Ray any an-danitra i Satana.

Tampoka teo nahazo bitsika aho fa tokony hisaotra! Dia nataoko izany ary nanomboka nivoaka tao an-tsaiko ireo zavatra rehetra azoko isaorana ny Raiko any an-danitra. Rehefa vitako ny fisaorana Azy dia niresaka momba ilay olana niseho tamin' izay aho.

Nahatsapa fiadanana tena tsara tao anatiko aho taorian' izay, fahatsapana ara-panahy tena tsara hoe fantattro fa tia ahy ny Raintsika any an-danitra sy ny ray aman-dreniko ary zanak' Andriamanitra aho. Afaka naneho fialan-tsiny tamin' ny reniko aho ary nanaiky ny fialan-tsiniko izy.

Mitondra Fifaliana ny Famelan-keloka

Ny Filoha Uchtdorf dia mampianatra fa tokony hamela ireo olona ao amin' ny fianakavantsika isika. Jereo ny fiantraikan' ny safidy nataon' i Joseph sy i Anna teo amin' ny fianakaviany.



Niaraka nilalao i Joseph sy ny zandriny vavikely Anna. Nalain' i Anna teny aminy ny kilalaon' i Joseph. Inona no tokony hataon' i Joseph?

Tezitra tamin' i Anna i Joseph.

Nitomany i Anna. Nobedesin' ny reniny i Joseph satria niady tamin' ny anabaviny. Nanenina i Joseph noho izy nanao safidy ratsy.

Namela an' i Anna i Joseph

ary nitady kilalao hafa nolalao-vina. Niara-nilalao tamim-pifaliana izy ireo. Faly ny renin' izy ireo fa naneho hatsaram-panahy tamin' ny anabaviny i Joseph ary nihazona ny filaminana teo amin' ny fianakaviana. Nahatsapa ho faly i Joseph noho ny fisafidianany mba hamela.



Taty aoriana dia nila nanampy ny reniny mba hanomana ny sakafotra aho. Nahatsapa ho faly i Joseph sy i Anna. Tsy nanampy i Joseph. Inona no tokony hataon' i Anna?

Nitaraina tamin-dreniny i Anna.

Nimenomenona i Anna fa hoe izy irery no manao ny asa. Nandritra ny fotoam-pisakafoanana dia samy tsy faly ny tsirairay noho ilay fifandirana.

Namela an' i Joseph i Anna ary

nanampy teo amin' ny fanaovana sakafotra aho. Nankasitraka ny fanampian' i Anna ny reniny. Nankafizin' ny fianakaviana ny fiarahana nandritra ny sakafotra aho. Nahazo aina i Anna fa nisafidy ny hamela.

Inona no fiantraikany entin' ny safidinao mba hamela eo amin' ny fifalian' ny fianakavianao?

Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin' ny rahavavy izay vangiana. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin' ny fainanao.




Manaja ny Fane-kempihavanantsika

Ny famangiana isan-tokantrano dia fanehoana ny maha-mpianatra antsika ary fomba iray hanajana ny fanekempihavanantsika rehefa mifanompo sy mifankahery isika. Ny fanekempihavanana dia fifanekena masina sy maharitra eo amin' Andriamanitra sy ireo Zanany. "Rehefa tsapantsika fa zanaky ny fanekempihavanana isika dia fantatsika hoe iza isika ary inona no antenain' Andriamanitra amintsika," hoy ny Loholona Russell M. Nelson avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo. "Voasoratra ao am-pontsika ny lalany. Andriamanitsika Izzy avahoakany isika."¹

Amin' ny maha-mpamangy isan-tokantrano antsika dia afaka mampatanjaka ireo izay vangiantsika isika eo amin' ny ezaka ataon' izy ireo amin' ny fihazony ny fanekempihavanany ho masina. Amin' ny alalan' ny fanaovana izany dia manampy azy ireo isika hiomana amin' ireo fitahiana mandrakizay. "Ny rahavavy rehetra ao amin' ny Fiagonana izay nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo dia manana andraikitra masina mba hamonjy fanahy, hitarika ny vehivavin' izao tontolo izao, hanamafy orina ireo tokantranon' i Ziona ary hanorina ny fanjakan' Andriamanitra,"² hoy ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo.

Rehefa manao sy mitandrina fanekepihavanana masina isika dia lasa fitavana eo am-pelatanan' Andriamanitra. Ho afaka mampiasa ny finoantsika isika ary hanamafy orina ny finoana ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy eo amin-tsika samy isika.



Avy amin' ny Soratra Masina

1 Nefia 14:14; Mosià 5:5–7; 18:8–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:78; 84:106

FANAMARIHANA

- Russell M. Nelson, "Covenants," *Liahona*, Nov. 2011, 88.
- M. Russell Ballard, "Women of Righteousness," *Liahona*, Des. 2002, 39.
- Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 133.

Inona no Azoko Atao?

- Ahoana no fomba hanatanjahan' ny fanekempihavanako ahy?
- Ahoana no fomba hanampiako an' ireo rahavaviko izay iandraiketako mba hitandrina ny fanekempihavanany?

Finoana,
Fianakaviana,
Fanampiana

Avy amin' ny Tantarantsika

Ny tempoly dia "toeran' ny fanati-pisaorana ho an' ny olomasina rehetra," hoy ny nambaran' ny Tompo tamin' ny Mpaminany Joseph Smith tamin' ny 1833. Izany dia "toeran' ny fianarana ho an' ireo rehetra izay nantsoina ho amin' ny asa fanompoana na amin' ireo antso sy anjara fanompoana maro ananany; mba hahazoana manao azy ho tanteraka amin' ny fahatkarana ny asa fanompoany, amin' ny foto-pisainana, amin' ny fitsipika ary amin' ny fotopampianarana, amin' ny zavatra rehetra mikasika ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany." (F&F 97:13–14).

Ireo rahavavin' ny Fikambanana Ifanampiana tany Nauvoo, Illinois tamin' ny taona 1840 dia nifanampy mba hiomana amin' ireo ôrdônsin' ny tempoly. Tao amin' ireo ôrdônsin' ny fisoronana ambony kokoa izay noraisin' ireo Olomasin' ny Andro Farany tany amin' ny Tempolin' i Nauvoo, dia "[n]iharihary ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra" (F&F 84:20). "Rehefa nitandrina ny fanekempihavanany ireo Olomasina, dia nampatanjaka sy nanohana azy ireo tao anatin' ireo andro sy taona maro taty aorianana izany.³

Ao amin' ny Fiagonana ankehitriny, ireo vehivavy sy lehilahy mahatoky manerana an' izao tontolo izao dia manompo any amin' ny tempoly ary manohy mahazo tanjaka ao anatin' ireo fitahiana izay tsy azo raha tsy amin' ny alalan' ny fanekempihavanana any amin' ny tempoly ihany.

AKANJO SY BIKA AMAN' ENDRIKA

Ao anatin' ity izao tontolo izao ity ankehitriny dia maro ireo tsy mahatakatra na tsy manaja ny maha-masina ny vatantsika. Miavaka ireo Olomasin' ny Andro Farany amin' ny alalan' ny fanaovana akanjo izay mampiseho fa fanta-tsika ny maha-sarobidy ny vatantsika (jereo ny *Jeunes Soyez Forts* [bokikely, 2011], 6-8). Miresaka momba izany fitsipika izany i Mary N. Cook, mpanolotsaina voalohany ao amin' ny fiadidian' ny Zatovovavy maneran-tany ao amin' ny pejy 52 ao amin' ity laharana ity:

"Rehefa aorina ny tempoly iray dia misy ny fikarakarana lehibe an' izany mba hahazoana antoka fa voaro sy voahaingo any anatin sy ivelany izany. Ny fanalahidin' ny fandrafetana ny tempoly dia ny fahatakanana fa ny tempoly dia *maneho* ny Tompo-Tranony izany. Isika dia *manaja* ny tempoly ho toy ny toerana masina izay ny olona mendrika ihany no afaka miditra ao. Isika dia *maneho fanajana lalina* ny tempoly satria ireo ôrdônsy sy fanekepihavanana izay andraisantsika anjara dia manao izay ahafantsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

"Ny vatanao dia sarobidy kokoa noho ny tempoly faran' izay tsara indrindra eto antany. Zanakalahy na zanakavavy malalan' Andriamanitra ianao! Ireo fitsipika ireo ihany koa—fanehoana, fanajana, fanomezam-boninahitria—dia tena miantefabebekokoa amin' izany mba hikarakarana sy hiarovana ny vatanao."

Ireto torohevitra manaraka ireto dia afaka manampy anao hampianatra ny zanakao ireo fitsipika marina mikasika ny akanjo sy ny bika aman' endrika. Tsarovy koa fa ny ohatra asehonao eo amin' ny fanaovanao akanjo maotina dia ham-pianatra ny zanakao ny maha-zava-dehibe ny fananana akanjo mifanaraka amin' ny tokony ho izy.

Sosokevitra momba ny Fomba Hampianarana ny Tanora

- Vakio miaraka amin' ny zatovonao ny fizarana mikasika ny akanjo sy ny bika aman' endrika ao amin' ny *Jeunes Soyez Forts*. Ny fanaovana izany dia hanome fahafahana anao hiresaka an'ireo fotopampianarana sy fitahiana ary fam-pitandremana mikasika ilay fitsipika sy hamaly izay mety ho fanontaniana ananan' ny zanakao lahy na vavy.
- Manao takarivan' ny mpianakavy izay miompana amin' ny maha-zava-dehibe ny fomba fiakanjo sy ny bika aman' endrika. Afaka manontany ny fianakavianao ianao hoe, raha toa ny Tompo ka miaraka aminao any am-piangonana, dia mba inona no akanjo tianao hanaovana. Amin' ny fomba ahoana no tianao hanehoana ny tenanao Aminy? Inona no tsapanao rehefa manao akanjo maotina ianao? Azonao atao koa ny mifankalo hevitra momba ny akanjo tokony hanaovana amin' ny fotoana hafa toy ny any an-tsekoly na any am-piasana na any amin' ny zava-miseho eo amin' ny fiaraha-monina.

Sosokevitra momba ny Fomba Hampianarana ny Ankizy

- Maneho ny zavatra manan-danja amin-tsika ny fomba fiakanjontsika. Mba hamelabelarana izany fitsipika izany dia manao takarivan' ny mpianakavy iray ka manao akanjo fanaovan' ny misionera ny tsirairay na manao ny akanjony tsara indrindra fitondrany Alahady.
- Na dia mbola kely aza ny ankizy dia afaka manomboka manao akanjo maotina. Avereno jerena miaraka amin' ny ankizy ireo torolalana hita ao amin' ny pejy 7 ao amin' ny *Jeunes Soyez Forts* ary mitadiava akanjo izay mifanaraka amin' ireo torolalana ireo. ■



SORATRA MASINA MIKASIKA NY FOMBA FIAKANJO SY NY BIKA AMAN' ENDRIKA

Genesisy 1:27;
1 Korintiana 6:19;
Almà 1:27

Fanamarihana manokana momba ny **Fihaonamben' ny Fiangonana Volana Ôktôbra**

"Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko, . . . na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany" (F&F 1:38).

Mandrindra ny Fandaharam-potoanantsika ho an' ny Fihaonambe

Nataon' i Cheryl Burr

Rehefa tsy voakorontan' ny zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra intsony ny fotoananay dia afaka nahatsapa bebe kokoa ny Fanahy izahay rehefa nihaino ny fihaonamben' ny Fiangonana.

Taona maro lasa izay raha mbola kely ireo zanakay enina dia nanapa-kevitra izahay fa te hanome lanja bebe kokoa ny fihaonamben' ny Fiangonana. Niresaka momba ny maha-zava-dehibe ny fijerena ny fihaonamben' ny Fiangonana miaraka amin' ny saina mazava sy vatana milamina izahay. Ny fihaonambe dia fotoana lehibe handraisana torolalana avy amin' ireo mpaminany amin' izao fotoana izao. Noho izany dia nametraka tanjona izahay mba tsy hanao zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra mandritra ny andro vitsivitsy alohan' ny fihaonambe na mandritra ilay faran' ny herinandro hanaovana ny fihaonambe. Nasianay marika ireo andro ireo teo amin' ny alimanakanay ary nanolotena izahay tsirairay avy fa tsy hanao zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra mandritra ireo andro ireo.

Raha misafidy ny hampiasa izany fomba izany koa ianao, dia hanana ny mampiavaka azy izany ho an' ny fianakaviana sy ny toe-javatra iainanareo, saingy ho an' ny fianakaviana ny hoe "zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra" dia faritanay ho toy ny fanatrehana ireo hetsika any am-pianarana, fanasana ireo ankizy mpifanolobodirindrina ho tonga ao an-trano, fandehanana manao zavatra miaraka amin' ny namana any ivelany, fanaovana fety na fisakafoanana miaraka amin' ny namana na ny fianakaviana, fanaovana asa na asa an-jaridaina eo anelanelan' ny fihaonambe na mandritra izany, tsy fanaovana ny enti-mody raha tsy amin' ny ora farany ary fanekena asa fanampiny avy any am-piasana.

Rehefa tonga ilay herinandro talohan' ny fihaonamben' ny Fiangonana dia mafy ny niteny hoe tsia teo anatrehan' ireo zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra ireo, saingy tao anatin' ny ankamaroan' ny fotoana dia nanao safidy tsara tamim-pifaliana mba hanatrarana ilay tanjonay

ny olona tao amin' ny fianakaviana. Hitanay fa te handray anjara amin' ny fihaonamben' ny Fiangonana ny zanakay kely indrindra. Mihevitra aho fa izany dia noho ny famerimberenanay ny firesahana ny maha-zava-dehibe ny fihaonambe nandritra ilay herinandro nialohan' izany.

Faly aho manao tatitra fa ny fanatsorana ny fandaharam-potoananay nandritra ireo andro talohan' ny fihaonamben' ny Fiangonana dia nanova tanteraka ny zavatra niainan' ny fianakaviana. Voaomana hiatrika ny fihaonambe ny fonay sy ny sainay. Tsy voakorontan' ny zavatra hafa ankoatra ny zavatra fanao mahazatra ny fotoananay ka dia afaka nahatsapa ny Fanahy izahay rehefa nipetraka sy nihaino ireo torohevitra avy amin' ireo mpitarika anay.

Nanohy ny tanjonay izahay isaky ny misy fihaonambe satria mameno fiadana ny tokantranonay izany. Na dia tsy mipetraka ao an-tranonay intsony aza ny ankamaroan' ny zanakay dia mamporisika azy ireo izahay mba mbola handrindra ny fandaharam-potoanany ao anatin' ireo andro vitsivitsy mialoha ny fihaonambe sy mandritra ny fihaonambe toy ny ataonay ao an-trano. Miezaka koa izahay ny manokana fotoana mba hiarahan' ny fianakaviana iray manontolo mijery favoriana irain' ny fihaonambe. Manantena aho fa rehefa manambady sy manan-janaka ny zanakay dia hanohy hanome lanjany lehibe ny fainany ny fihaonambe izy ireo amin' ny alalan' ny fandrin-drany ny fandaharam-potoanany. ■



ATAOVY HO LAHARAM-PAHAMEHANA NY FIHAONAMBE

"Manapaha hevitra dieny izao mba hanao ho lohalaharana ny fihaonamben' ny Fiangonana eo amin' ny fainanao. Manapaha hevitra ny hihaino tsara sy hanaraka ireo fampianarana izay nomena.

Ny Loholona Paul V. Johnson
avy ao amin' ny Fitopololahy
"The Blessings of General Conference," *Liahona*,
Nôv. 2005, 52.



VALIM-PANONTANIANA AO AMIN' NY SEKOLY ALAHADY

Nataon' i Emma Addams

Izaho dia manana fironana ny mba hahita valiny lehibe mikasika ireo olako—amin' ny fangatahana ny Tompo mba hanampy ahy hahita ilay zavatra iray izay handamina ny zava-drehetra. Nianatra aho fa mety vao mainka hanasaro-javatra izany fomba izany.

Raha nampianatra ny tao amin' ny kilasin' ny Fotopampianaran' ny Filazantsara tao amin' ny paroasiko aho dia vonona ny hametraka fanontaniana lalina izay hitaky fandinhana sy valiny lehibe sy vaovao ary mampitombo fahalalana. Amin' ny teny hafa dia te hisoroka ilay "valim-panontaniana ao amin' ny Sekoly Alahady" miverimberina foana sy vita tsianjery aho izay toa ambaran' ireo mpikambana ao amin' ny paroasy isan-kerinandro.

Rehefa nandinika ny Testamenta Vaovao aho tao anatin' ny fanomana, dia variana tamin' ny fampiasana ilay teny hoe *mitoetra*, izay toa niverimberina. Ohatra, ny Jaona 15:10 dia milaza hoe: "Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia *hitoetra* amin' ny fitiavako, tahaka ny nitan-dremako ny didin' ny Raiko sy *itoerako* amin' ny fitiavany" (nampiana fanamafisana).

Tao anatin' ilay Vavaka Nataony ho an' ny Mpianany dia nivavaka ho an' ny mpianany ny Mpamonjy hoe "mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko ary Izaho koa ao amino, mba ho ao amintsika koa izy" ary "Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy" (Jaona 17:21, 23).

hitoetra ao amin' ny fitiavany sy ahoana vokatr' izany no ahafahako manana faharetana fanampiny—faharetana izay tena nilaiko mafy mba hanovana ireo zavatra niainako izay nandreraka ahy amin' ireo zavatra izay namelombelona aina ahy sy nanamasina ahy.

Nahagaga fa rehefa sady nikaroka ny dikan' ny teny hoe *mitoetra* aho no nikaroka ny valin' ireo olana sarotra izay natrehako isan' andro dia voatarika ihany tamin' ny farany niverina tany amin' ireo valim-panontaniana mari-pototra ao amin' ny Sekoly Alahady izay efa nezahako nialana. Nahita ny valin' ireo olako aho tamin' ny alalan' ny famakiana ny soratra masina, fanaovana vavaka isan' andro, fanompoana ny fianakaviana sy ny hafa, ary fandehanana any amin' ny tempoly sy fanatrehana ireo favoriana Alahady. Nianatra aho fa ireo zavatra tsotra ireo dia maneho ny fahasamihafana misy eo amin' ny hoe maharitra sy ny hoe maharitra tsara sy amim-paharetana.

Ireo valim-panontaniana ao amin' ny Sekoly Alahady no valiny tena tsara. ■




MIKOLOKOLO NY FINOANTSINKA

"Ny fanompoana, ny fandalinana, ny fivavahana ary ny fitsaohana no zavatra efatra fotra eo amin' ny fanaovana izay hahatan-teraka 'ny tsy ampy amin' ny finoan[tsika].' (1 Tes. 3:10.) Lasa marefo isika raha vao mitsahatra tsy mikolokolo ny finoantsika amin' ny alalan' ireo zavatra efatra manokana ireo. . . .

"Ao anatin' ity izao tontolo izao izay mafy hatoka ity dia afaka misarika ny saintsika ny Tompo amin' ny alalan' ny fampiasana 'ny sabatry ny Fanahy izay tenin' Andriamanitra.' (Efe. 6:17; jereo koa ny Jarôma 1:12.) Kanefa ny fihainoana dia tsy maintsy 'miharo finoana' (Heb. 4:2) ary miaraka amin' ny fanompoana amin' ny maha-kristianina araka ny efa he-nontsika foana."

Ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Lest Ye Be Wearied and Faint in Your Minds," *Ensign*, Mey 1991, 88.



MAMPIASA IREO FITAOVANA NANKATOAVIN' NY FIANGONANA

Ireo mpampianatra sy ireo mpitarika dia mampiasa ny soratra masina sy ny fampianaran' ireo mpaminany amin' ny andro farany ary ireo fitaovana enti-mampianatra nankatoavina ao amin' ny fandaharam-pampianarana mba hampianarana sy hijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fotopampianaran' ny filazantsara. Ireo boky enti-mampianatra nankatoavina ao amin' ny fandaharam-pampianarana ho an' ny kilasy na kôlejy tsirairay dia voatanisa ao amin' ny *Torolalana ho an' ny Fandaharam-pampianarana*. Araka izay ilaina dia atevenin' ireo mpampianatra sy ireo mpitarika ny boky enti-mampianatra amin' ny alalan' ny gazetibokin' ny Fianganana, indrindra indrindra ny laharan' ny *Ensign* sy ny *Liahona* izay miompana amin' ny fihaonamben' ny Fianganana.

Manuel 2: Administration de l' Église (2010), 5.5.4.

MANOMANA ANTSIKA AMIN' NY HOAVY NY Fiaianana ao anatin' ny Fitsitsiana

Ny Olomasin' ny Andro Farany dia mino ny fiomanana sy ny fizakan-tena. Isika dia mino ny fiomanana ara-pianarana mba hahazoana asa, ny fiomanana ara-bola mba hiatrehana ny olana ara-bola, ny fiomanana ara-nofo mba hiatrehana ireo loza ara-boajanahary sy ireo olana hafa. Ny tena zava-dehibe dia mino ny fiomanana ara-panahy amin' ny Fiavian' i Jesoa Kristy Fanindroany isika sy amin' ny fiaianana miaraka amin' ny Raantsika any an-danitra indray. Izany fomba entina hiomanana izany dia antsoina hoe fiaianana ao anatin' ny fitsitsiana.

Ny fiaianana ao anatin' ny fitsitsiana dia mitaratra ilay tena toetrantsika mandrakizay: isika dia natao mba "[h]ihetsika ho azy fa tsy etsehina" (2 Nefia 2:26). Tian' ny Tompo mba ho tompon' andraikitra sy haha-leo tena isika (jereo ny F&F 78:14). Tiani isika mba hiaina ao anatin' ny fitsitsiana noho ireo toetra izay lasa ananantsika rehefa mizotra ao anatin' izany dingana izany: tompon' andraikitra, malala-tanana, matotra, tsara fanahy. Satria rehefa mizaka tena bebe kokoa isika dia afaka manampy tsara kokoa ny fianakavantsika sy ny hafa. Ahoana moa no ahafahantsika mahahaha ny noana raha toa isika aza noana? Ahoana moa no ahafahantsika

mizara fahalalana raha toa isika aza tsy manam-pahalalana? Ahoana moa no ahafahantsika manorina ny finoan' ny hafa raha toa isika aza tsy manam-pinoana?


Ny fitsipiky ny fiaianana ao anatin' ny fitsitsiana dia ahitana ireto manaraka ireto:

- Fiomanana "Miomana ianareo, miomana ianareo ho amin' izay ho avy, fa efa akaiky ny Tompo" (F&F 1:11-12).
- Fahazotoana. "Tsy hidonanaha-poana ianao (F&F 42:42).
- "Katsahonareo ny fianarana amin' ny alalan' ny fandinihana ary koa amin' ny alalan' ny finoana" (F&F 88:118).

Rehefa manao izay vitany ny mpikamban' ny Fianganana nefo mbola tsy manana ireo zavatra fotora ilainy ihany, dia voalohany indrindra mitodika any amin' ny fianakaviansy aloha izy ireo mba hitady fanampiana. Raha toa ka tsy ampy izany dia afaka manampy ny Fianganana. Ny eveka sy ny filohan' ny sampana dia afaka mampiasa ireo loharano avy ao amin' ny "trano fitehirizan' ny Tompo" mba hanampiana ny mpikambana (jereo ny F&F 82:18-19). Izay fanampiana rehetra avy amin' ny

Fiangonana dia natao mba hanampiany ny mpikambana hanampy ny tenany ary hamporisihana azy ireo hiasa eo amin' ny fiaianany. ■

Ho fanampim-pahalalana dia jereo ny Genesisy 41; F&F 38:30.



"Isika rehetra dia tompon' andraikitra amin' ny fanomezana izay ilaintsika sy izay ilain' ny fianakavantsika amin' ny alalan' ireo fomba roa ireo dia ara-nofo sy ara-panahy izany. Mba hivelomana ao anatin' ny fitsitsiana dia tsy maintsy mampihatra ireo fitsipika ny fiaianana ao anatin' ny fitsitsiana isika: miaina amimpifaliana miaraka amin' ny eo am-pelatanana, mifaly amin' izay ananana, misoroka ny trosa tafahoatra, mazoto manao tahiry sy miomana amin' ireo fotoam-pahasahiranana tampoka."

Loholona Robert D. Hales ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstoly Roambinifolo, "Becoming Provident Providers Temporally and Spiritually," *Liahona*, Mey 2009, 8.

Afaka miasa mba ho
laza mizaka tena isika ao
anatin' ireto lafin-javatra
manaraka ireto:


Tanjaka ara-panahy
Matokia ny Tompo;
tandremo ny didy; miavaha
ary halalino ny soratra
masina; manompoa ny hafa.



Tanjaka ara-batana:
Hajao ny Tenin' ny
Fahendrena; manaova
fampiasam-batana; matoria
araka ny tokony ho izy;
manàna fitaovam-pidiovana
manara-penitra ary
fahadiovana tsara.



Fampianarana: Aoka
ianao hahay hamaky teny
sy manoratra; mianara
fahaiza-manao arak' asa;
halalino ireo "boky tsara
indrindra" (F&F 88:118).



Asa: Miasa mba
hanomezana izay ilain' ny
tenanao sy ny fianakaviana.

Fitehirizan-tsakafo:
Mitehiriza rano fisotro
madio ary manangona
tsikelikely karazan-tsakafo
izay haninao tsy tapaka
ary karazan-tsakafo azo
tehirizina maharitra ela
toy ny varimbazaha sy
tsaramaso.

Lafiny ara-bola: Aloavy
ny fahafolonkarena sy ny
fanomezana avy amin' ny
fifadian-kanina; sorohy ny
fanaovana trosa tsy ilaina;
manaova tahiry tsikelikely.

FANONTIANA SY VALINY

Mety misy olona sasany
manontany hoe, sao dia
manangona sy manafina
sakafo ny Olomasin' ny
Andro Farany. Raha ny
marina dia mitahiry sakafo
sy rano isika ho an' ireo fo-
toana izay mety tsy hampisy
na tsy hahafahana mahazo
sakafo na rehefa tena
manify ny vola eo am-
pelatanan' ny fiana-
kaviana. Ao anatin' ny
voina tampoka dia ha-
hatsapa ho voaro kokoa
ireo izay nitahiry sakafo
ary hanana fahafahana
hanampy ny fianakaviany
sy ny mpifanolobodirin-
drina aminy mandritra ny
fotoam-pahasahiranana.

Zava-madinika & Tsotra

"Amin' ny alalan' ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe" (Almà 37:6).

FAHATSIAROVANA IREO OLONA NANANA NY NAHA-IZY AZY

Newel K. Whitney (1795–1850)

Etsy ambany, eo amin' ny zorony ankavia: sarin' i Newel vita sokitra. Etsy ambany, eo amin' ny zorony ankavanana: ilay ambony rihana tao amin' ny trano fivarotan'i Newel K. Whitney tany Kirtland, Ohio, izay nanatanterahana ny Sekolin' ny Mpaminany sy ireo fivoriam-piagonana. Farany ambany: Ny Trano fivarotan-dry Whitney.

I Newel Kimball Whitney dia teraka tany Vermont, Etazonia, tamin' ny 5 Febroary 1795. Izy dia lehilahy mpandraharaaha nanan-talenta ary nanomboka ninamana tamin' i Sidney Gilbert sy niara-niasa taminy teo amin' ny lafiny fandraharaaha. Nanao dia matetika izy ireo tamin' ny fiantombohan' ny asa fandraharaahana nataony. Nandritra ny iray tamin' ireo dia fandraharaahana ireo no nifankahitan'i Newel tamin' i Elizabeth Ann Smith tany Kirtland, Ohio. Nifanerasera nandritra ny telo taona izy ireo ary nivady tamin' ny 1823.

Samy nitady ny fahamarinana i Newel sy i Ann ary nisy fotoana nandray anjara tao amin' ny

antokom-pivavahana Campbellite izay nitory fa izy ireo no namerina tamin' ny laoniny ny fomba Kristiana fahiny. Indray alina i Newel sy i Ann dia nivavaka "mba hahafantarana avy amin' ny Tompo ny fomba ahafahan' [izy ireo] mahazo ny fanomezana ny Fanahy Mäsina." Toy izao no namaritan' i Ann ny fahitana izay azon' izy ireo ho valin' ny vavaka nataony: "Nitoetra teo aminay ny Fanahy ary nisy rahona nanarona ny trano. . . Dia naheno feo avy tao amin' ilay rahona izahay nanao hoe: 'Miomana handray ny tenin' ny Tompo fa ho avy izany.'"¹


Fotoana fohy taorian' izany valim-bavaka izany, tamin' ny

Ôktôbra 1830, dia tonga tao Kirtland ireo misiônera Olomasin' ny Andro Farany. Natao batisa i Newel sy i Ann ny volana Nôvambra. Volana vitsivitsy monja taty aoriana no tonga nandondona ny varavarân-dry Whitney i Joseph sy Emma Smith. Rehefa niarahaba an' i Newel tamin' ny anaranry i Joseph dia tsy afaka nilaza i Newel hoe efa nahafantatra ny anaran' ny Mpaminany, noho izany dia namaly i Joseph hoe: "Izaho no Joseph ilay Mpaminany. Nivavaka momba ahy ianareo taty ka dia inona no ilainareo ahy ankehitriny."² Dia nampiantranoan-dry Whitney mivady nandritra ny herinandro maro ry Smith mivady ary nanolotra trano ho azy ireo ny volana Septambra 1832.

Ankoatry ny fanomezana toe-rana hipetrahana ho an-dry Smith mivady, dia navelan' i Newel ho ampiasain' ny Fiagonana tanteraka koa ny rihana tany ambony tao amin' ny trano fivarotany. Tao amin' ny trano fivarotan-dry Whitney no notanterahan' ireo mpitarika tao amin' ny Fiagonana ireo fivoriana sy ny Sekolin' ny Mpaminany.

Tamin' ny desambra 1831 dia voantso ho eveka faharoa tao amin' ny Fiagonana i Newel ary taty aoriana dia lasa mpitantana ny fandehan' ny volan' ny Fiagonana ary nanampy ny Fiagonana hitantana ny tahirim-bolany sy hiala amin' ny trosa. Ny fararanon' ny taona 1838 dia nifindra tany Far West, Missouri, ry Whitney ka voantso ho eveka indray izy ary 10 taona taty aoriana dia namakivaky ireo lohasaha nankany Salt Lake City izy sy ny fianakaviany ary lasa Eveka Mpiahy tao amin' ny Fiagonana izy tany.

Maty tamin' ny 24 Septambra



1850 tany Salt Lake City i Newel noho ny aretin' ny taova-pisefoana.

FANAMARIHANA

1. Elizabeth Ann Whitney, voalaza tao amin' ny Edward Tullidge, *The Women of Mormondom* (1877), 41–42.
2. Joseph Smith, voalaza tao amin' ny Elizabeth Ann Whitney, "A Leaf from an Autobiography," *Woman's Exponent*, Aug. 15, 1878, 51.

Dan Jones (1810–62)

Misiônera mihoatra ny iray tapitsira no efa nantsoina hatramin' ny nanorenana ny Fiagonana, saingy mihoatra noho ny hoe iray fotsiny ao anatin' ilay iray tapitsira i Dan Jones. Raha niresaka momba ilay misiônera avy any amin' ny Pays de Galles ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) dia hoy izy hoe: "Raha eo amin' ny lafin' ny isan' ny olona niova fo, i Dan Jones dia tena azo antoka fa tafiditra ao anatin' ny ireo misiônera enina na any ho any izay nitondra vokatra be indrindra teo amin' ny tantaran' ny Fiagonana."¹


Talohan' ny naha-misiônera azy dia niala tany Pays de Galles i Dan ary nifindra monina ho any Etazônia, dia niasa tany amin' ny Reniranon' i Mississippi ka kapitenin' ny sambo sitimo iray nantsoina hoe *Maid of Iowa*, izay nitondra Olomasin' ny Andro Farany maro ho any Nauvoo, Illinois. Niditra ho mpikamban' ny Fiagonana izy tamin' ny 1843 ary lasa namana akaikin' ny Mpaminany Joseph Smith.

Ireo asa fitoriana nataon' i Dan dia nahatanteraka ny faminanian' i Joseph Smith voarakitra farany. Ny alina talohan' ny namonoana ny Mpaminany Joseph Smith, dia nandre poa-basy tany ivelan' ny varavrankelin' ny Fonjan' i Carthage izy,

ka dia nisafidy ny hatory teo amin' ny tany. Teo akaikiny i Dan Jones. Nanontanian' ny Mpaminany i Dan raha toa ka matahotra ny ho faty. Namaly izy hoe: "Tonga angaha izany fotoana izany araka ny eritre-tritao? Rehefa nirotsaka tao anatin' izao asa manan-danja toy izao aho dia heveriko fa tsy hampatahotra firy ny fahafatesana." Dia naminany i Joseph hoe: "Mbola hahita an' i Pays de Galles ianao ary hanatanterraka ny asa fitoriana asaina ataonao alohan' ny hahafatesanao."²

Tanteraka ny fampanantenan' ny Mpaminany tamin' ny 1845 rehefa voantso hanompo tany Pays de Galles i Dan sy i Jane vadiny. Nampiasa ny fananany talenta teo amin' ny fahaizana miresaka i Dan mba hampianarana ny filazantsara amim-pinoana lehibe. Nahay niteny tsara ny teny Galoà sy ny teny Anglisy izy ary ireo tavolombe-lona nanatri-maso dia nirakitra fa tena maharevo ny fomba firesany ka afaka nisarika ny sain' ny mpnatrika nandritra ny ora maro izy tamin' ireo fiteny roa samihafa ireo.

Rehefa tany Pays de Galles i Dan dia namoaka gazety mivoaka isaky ny fotoana voafetra, taratasy kely fampielezan-kevitra ary boky an' ny Olomasin' ny Andro Farany tamin' ny fiteny Galoà. Ireo misiônera tany Pays de Galles dia nanorina



sampana 29 teo ambany fitarihan' i Dan Jones ary nanao batisa olona 1000 isan-taona tao amin' ilay asa nanirahana azy voalohany. Voantso hanao asa fitoriana fanindroany tany Pays de Galles izy tamin' ny 1852, ary na dia teo aza ny fitomboan' ny fanenjehana ny Fiagonana dia nisy olona teo amin' ny 2000 teo no vita batisa tao anatin' ny efa-taona.

Rehefa niverina tany Utah i Dan dia nanampy tamin' ny fitondrana olona Galoà niova fo maro ho any Utah. Rehefa maty teo amin' ny faha-51 taonany izy dia notombantombanana fa olona teo amin' ny 5000 teo no nampiany handeha ho any amin' ny faritra andrefan' i Etazonia.

FANAMARIHANA

1. Gordon B. Hinckley, "The Thing of Most Worth," *Tambuli*, Mar. 1994, 8; *Ensign*, Sept. 1993, 7.
2. Joseph Smith, ao amin' ny *History of the Church*, 6:601.



Avy eo ankavia: Sarin' i Dan Jones, ilay misiônera avy any Pays de Galles. Sambo sitima iray, izay toa an' ilay notarihan' i Dan Jones, manatona ny fiantsonana ao Nauvoo, Illinois. Manampy ireo mpifindra monina avy any Pays de Galles i Dan Jones.

Mampianatra

NY FAHADIOVAM-PITONDRAENTENA SY NY HASINA

Izaho dia nanana fahafahana nihaona tamin' ireo zatovo sy tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony noho ny asa amandrahahako ary tany amin' ireo toerana manerana an' izao tontolo izao. Indray mandeha aho dia niresaka tamin' ny vondron-jatovo iray izay niavaka manokana mikasika ny hatsaran-toetra, ny fahadiovam-pitondrantena ary ny fainana ao anatin' ny fitsipi-pitondrantena. Rehefa avy nilaza tamin' izy ireo aho hoe tena nahavariana ahy ny fanehoan-kevitr' izy ireo sy ny fahatokian-tenany ary ny bika aman' endrin sy ny fitondran-tenany, dia nanontany aho hoe: "Ahoana no nahatonga anareo ho lasa mahay maneho hevitra sy matoky tena amin' ny valinteny omenareo ary tena mahazo aina amin' ny firesahana zavatra somary manahirana toy izao? Nisy zatovovavy iray nilaza tsy tamimpahambavana hoe: "Manana ray amandreny izay mampianatra ahy aho." Ny hafa kosa dia nanetsika ny lohany ho fanehoana fa miombon-kevitra amin' izany koa izy ireo. Izany zava-niseho tsotra nefalalina izany dia manamafy ny hery ananan' ny ray aman-dreny hitarihana ny fainan' ireo zanany—indrindra fa ao anatin' ilay anjara asan' izy ireo eo amin' ny fampianarana ny hasina, ny fahadiovam-pitondrantena, ary ny anjara asan' ny taovam-panahan' ny lahy sy ny vavy sy ny fiarohana mifanaraka amin' ny tokony ho izy.

Indrisy anefa fa maro ireo ray aman-dreny izay mety tsy mampianatra ny zanany momba ireo toe-javatra mikasika ny firaiana ara-nofo araka izay vitany. Ohatra, rehefa nanadihady tanora tokan-tena Olomasin' ny Andro Farany izay mazoto teo amin' ny 200 mahery teo aho dia nahita fa ny 15 isan-jato ihany no mihevitra ny ray aman-dreny ho loharano voalohany ahazoana fampahalalana momba ny toe-javatra mikasika ny resaka firaiana ara-nofo. Ireo tanora mpikambana ireo dia nilaza fa ny nianarany voalohany mikasika an' izany lohahevitra manan-danja izany dia avy tamin' ny namana na mpiara-mianatra amin' izy ireo, na ny Internet, na ny fampitam-baovao, na ny fialamboly, na boky, na fianakaviana lavitra na ireo mpitarika ao amin' ny Fianganana.

Mazava ho azy fa tsy mora ny mampianatra izany lohahevitra izany. Saingy izaho dia mino fa ny ray aman-dreny no mpampianatra tsara indrindra afaka mampita fitsipika masina toy izany. Ireto tetik' ady manaraka ireto dia hanampy anao hamoaka fitsipika sy fomba fampiharana tsotra sy mahomby ary maharitra izay miteraka fianarana sy fampianarana mahomby—indrindra eo amin' ny fampianarana ny zanakao ny fomba tokony hananana fainana ao anatin' ny fahamasinana sy fahadiovam-pitondrantena.

Tokony hanomboka aloha ny fampianarana sy ny fianarana. Ny ray aman-dreny izay mampianatra amim-pahombiazana ny zanany momba ny lohahevitra mikasika ny mahalahy sy ny mahavavy dia mahatakatra fa ny ankanaroan' ny ankizy dia tojo ireo lohahevitra ireo any amin' ny salan-taona aloha lavitra noho ny antenain' ny ray aman-dreny sy ny faniran' ny ray aman-dreny. Maro ireo ankizy no mahita ny votoatin-javatra mikasika ny firaiana ara-nofo ao amin' ny Internet raha vao mbola 11 taona ary ny sasany aza mbola kely noho izany. Ireo toerana fialana voly, ireo hetsika arapanatanjahantena, ny dokam-barotra ary na dia ireo fampitam-baovao ara-tsôsiyal aza dia tototry ny sary mamoafady sy ny fanisihan-kevitra.

Rariny loatra raha misy ray aman-dreny sasany izay manontany hoe: "Rahoviana aho no tokony hanomboka hiresaka momba ireo toe-javatra mikasika ny firaiana ara-nofo?" Miankina amin' ny taona sy ny fahamatoran' ilay ankizy izany ary izay toe-javatra miseho manokana. Ho tonga ny fitarihana ara-panahy rehefa mandinika ombam-bavaka sy amimpitandremana ny fihetsiky ny zanany izy ireo ary mihaino tsara ny zanany sy manokana fotoana handinihana sy hisafidianana izay fotoana hampianarana sy izay zavatra hampianarana. Ohatra, tsaroako ny zanako lahy nametraka fanontaniana tamiko mikasika ny rafibatana tamin' izy vao dimy taona monja. Na dia somary nahasorena aza izany dia nazava ho azy fa tonga ilay fotoana tsara hiresahana. Kanefa rehefa nieritreritra mikasika ny fomba entina mamaly aho dia toa nazava fa tsy mbola tamin'



Nataon' i
Matthew O.
Richardson

Mpanolotsaina Faharoa
ao amin' ny Fiadian'
ny Sekoly Alahady
Maneran-tany

Afaka mampiasa ireto tetik' ady enina ireto ny ray aman-dreny mba hampianarana ny zanany mikasika ny anjara asan' ny taovam-panahan' ny lahy sy ny vavy.



io fotoana io no fotoana tsara hiresahana amin' ilay zanako lahy mikasika ny zavatra rehetra tafiditra ao anatin' ny lohahevitra mikasika ny firaisansa ara-nofo.

Tokony hiseho matetika ny fampianarana sy ny fianarana. Ny fianarana dia fizoran-javatra fa tsy zavatra miseho indray mandeha monja. Rehefa tonga ilay fampianarana ny ankizy mikasika ny anjara asan' ny taovam-pananahan' ny lahy sy ny vavy na ireo lohahevitra hafa mifandray amin' izany, dia matetika ny olona miantso izany hoe "ilay tena resaka." Na tiana na tsy tiana, izany andian-teny izany dia mifono hoe ampiarin' ny ray aman-dreny ao anatin' ny fifampiresahana indray mandeha izany lohahevitra izany. Tsy izay anefa no fomba mahomby indrindra mba hianaran' ny ankizy iray. Nampianatra ny Mpampony fa isika dia mianatra "andalan-tsortra anampy andalan-tsortra, fitsipika anampy fitsipika." Hahita fahombiazana bebe kokoa isika rehefa mamerina mandinika ilay lohahevitra miaraka amin' ny zanatsika rehefa mihalehibe sy matotra. Ny ray aman-dreny izay mahatakatra izany fitsipika izany dia miomana ara-tsaina, ara-pihetsehampo ary ara-panahy mba hampianatra ny zanany mikasika ireo lohahevitra mifandray amin' ny toe-javatra mikasika ny firaisansa ara-nofo mandritra

ny fahazazan' ny zanany sy ny fahatanorany.

Ny fianarana sy fampianarana mahomby dia miankina amin' ny fifandraisan' ny mpampianatra sy ny mpianatra. Rehefa tonga eo amin' ilay fampianarana ny zanaka mikasika ny lohahevitra mifandray amin' ny toe-javatra mikasika ny firaisansa ara-nofo dia saika miahayah tanteraka amin' ny hoe *inona* no tokony hola-zainy, ny ray aman-dreny. Noho ny maha-zava-dehibe izany dia mihoatra lavitra ny firesahana sy filazana ny votoatin' izany fotsiny ny fampianarana sy fianarana mahomby. Raha ny marina ny *fomba* entin' ny ray aman-dreny mampianatra ny zanany dia ho manan-danja bebe kokoa noho izay mety ho lazainy. Ny fikarohana dia manohana ilay fehinkevitra hoe, ireo ray aman-dreny izay tena mitarika ny zanany rehefa miatrika ireo toe-javatra mikasika ny firaisansa ara-nofo, dia ireo izay mifandray malalaka sy maneho fitiavana sy fahiana ary mandray anjara mavitrika eo amin' ny fainan' ireo zanany.¹

Ny fanehoan-kevitra avy amin' ny fanadihdiana tsotsotra nataoko tamin' ireo tanora Olomasin' ny Andro Farany dia niverimberina niompana tamin' ny fanirian' izy ireo ny mba hampisokatra bebe kokoa ny ray aman-dreniny sy ny hahavonona azy ireo hiresaka momba ireo lohahevitra

Ny ray aman-dreny izay tena mitarika ny zanany rehefa miatrika ireo toe-javatra mikasika ny firaisansa ara-nofo, dia ireo izay mifandray malalaka sy maneho fitiavana sy fahiana ary mandray anjara mavitrika eo amin' ny fainan' ireo zanany.

mifandray amin' ny toe-javatra mikasika ny firaiana aranofo. Ireo tanora mpitovo ireo dia naneho fa tsy hoe maniry fotsiny ny handraisan' ireo ray aman-dreniny anjara ao amin' ilay dingana arahana izy ireo, fa koa maniry ny mba "hifampiresahan' ny ray aman-dreniny *amin'* izy ireo fa tsy hoe mba *hanaovan'* ny ray aman-dreniny resaka aminy." Naniry ny hanana fifampiresahanana "tsotra", "mandeha ho azy", "mampahazo aina," ary tsy mba "hafahafa" izany mihitsy izy ireo. Izany dia tokony hamporisika ny ray aman-dreny hiasa mafy kokoa mba ho mora hatonina sy hanam-potoana ary tsotra sy tony eo anatrehan' ny lohahevitra na toe-javatra iray na eo amin' ny fandrindram-potoana mihitsy aza. Raha toa ka misy ny sarany tsy maintsy aloan' ny ray aman-dreny mba hahombiazana eo amin' ny fampianarana ny zanany izay zavatra tena manan-danja indrindra, dia adidin' ny ray aman-dreny ny maneho fomba izay hanampy ny zanany hahazo aina sy hilamintsaina rehefa miresaka mikasika ny lohahevitra rehetra—indrindra fa ireo izay mikasika ny tena manokana bebe kokoa.

Tena mahomby ny fampianarana sy fianarana rehefa manan-danja sy tena

misy ilay lohahevitra. Ny fampianarana mikasika ny ny anjara asan' ny taovam-pananahan' ny lahy sy ny vavy dia mety ho hafahafa, na toy ny hoe tsy mahalala ny zavamisy, na tsy mandaitra, na mety toy ny mandresy lahatra fotsiny, fa miankina amin' izay fomba itondrantsika azy izany. Ny fanalahidin' ny fahombiazana dia ny fahatsapana fa ny ankamaroan' ireo fanontaniana sy olana ananan' ny ankizy dia fihetsika vokatry ny toe-javatra tena misy marina eo amin' ny fainana sy ny fandinhana ny fainana. Rehefa maneho fitiavana, mihaino ary mandinika ny zanatsika isika dia hahafantatra ny zavatra tokony hampianarintsika.

Ohatra, manome fahafahana maro hiresahana momba ny fitsipi-pitondrantena ny sarimihetsika, na ny fomba faina sy fihetsika, na ny hevitra malaza ironan' ny be sy ny maro, na ireo fandaharan' ny fahitalavitra, na ireo tonon-kira. Ho tonga ireo fahafahana hafa manao izany rehefa mandinika ny fifandraisana sy ny fifaneraseran' ny zanatsika amin' ny hafa isika, ary ny fomba fiakanjony sy ny an' ireo namany mitovy taona aminy, ny fomba fiteny ampiasainy, ny halehiben' ny fiateherany amin' ny lehilahy raha vehivavy izy na amin' ny vehivavy raha lehilahy izy, ary koa ireo fandikana isan-karazany eo anivon' ny fiafaha-monina ny atao hoe fahadiovam-pitondrantena sy ny fitsipi-pitondrantena. Maro dia maro ny fahafahana tena azo tsapain-tanana mba hiresahana *amin'* ny zanaka ny momba ny fitsipi-pitondrantena sy ny hatsaran-toetra.

Angamba ny lafiny manan-danja indrindra eo amin' ny fampianarana ny zava-misy marina eo amin' ny fainana dia tanteraka rehefa maneho fahadiovam-pitondrantena sy fahamaotinana ary hatsaran-toetra eo amin' ny fainany manokana ny ray aman-dreny. Hihaino sy hanaraka mora foana ny torohevitra ny ray amand-dreniny ny ankizy rehefa mifototra amin' ny ohatra tsara asehon' ny ray

aman-dreniny izany torohevitra izany.

Marina koa ny mifanohitra amin' izay. Hoy ny Loholona Robert D. Hales avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fihetsika asehontsika amin' olona dia misy fiantraikany lehibe kokoa noho izay lazaintsika, amin' ny fomba maro." Nampianatra ny Filoha Brigham Young (1801–77) hoe: "Tokony haneho ohatra izay tian' ny [zana-tsika] ho alain-tahaka isika. Moa ve tsapantsika izany? Impiry

moa isika no mahita ray aman-dreny mangata amin' ny zanaka iray na amin' ny zanaka maro ny mba hankatoavany, hanehoany fihetsika tsara, hitenenany teny tsara, hananany fijery tsara, hitenenany amin' ny feo malefaka ary hananany endrika mahafinaritra, nefo izy ireo amin' io dia feno lolom-po sy fahasiahana. Tena mifanohitra sy tsy maneho fahendrena izany! 'Ho tsikaritry ny zanatsika izany fifa-noherana misy eo amintsika izany ary mety hahita zavatra hanamarinan-tena izy rehefa manao zavatra mitovy amin' izany'.²

Ny mpianatra dia tena hianatra zavatra rehefa mahatakatra ny zavatra ampiarin' ny mpampianatra. Maro loatra ireo zatovo sy Tanora Mpitovo sy Mpivady vao

izay maneho fahasorenana satria ny ray aman-dreny na ireo mpitarika ao amin' ny Fiagonana aza dia mirona amin' ny fampiasana "teny tsy dia mazava" ary hafatra mifono hevitra hafa izay raha ny marina dia miteraka fanontaniana bebe kokoa fa tsy valiny ary fifandirana fa tsy fahamaivanana. Tena marina izany rehefa miresaka ny lohahevitra mikasika ny firaiana ara-nofo.

Fony aho evekan' ny paroasin' ny tanora tokan-tena iray dia anontaniana matetika ahy foana ny dikan' ny hoe "misafosofo". Ireo mpikambana mahatoky ao amin' ny paroasiko dia nampianarina fa tsy tokony handray anjara amin' ny fisafosofoana izy ireo saingy raha ny marina dia tsy nampianarina azy ireo velively ny dikan' ny hoe misafosofo. Sarotra ho azy ireo ny nandray torolalana izay tsy takany.

Ny Filoha Marion G. Romney (1897–1988), Mpanolotsaina Voalohany tao amin' ny Fiadidiana Voalohany, dia nanazava fa tsy ampy ny fampianarana amin' ny fomba iray izay ahafahan' ny sasany mahatakatra, fa isika koa dia tokony hampianatra amin' ny fomba iray izay ahitana fa tsy misy na iza na iza diso fandray.³ Hahita fahombiazana bebe kokoa isika raha toa ka mampiisa teny mazava sy mifanaraka amin' ny tokony ho izy toy izay hampiisa teny tsy mazava loatra na fiteny mirefarefa amin' ny tany mihitsy aza. Izany dia mampisy fahatakarana sy miteraka fanajana.

Diniho ny fomba nampianaran' ny Loholona Richard G. Scott avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo tamim-pahombiazana ny mikasika ireo fitsipika arapitondrantena. Hoy izy hoe: "Izay mety ho firaiana eo amin' ny lahy sy ny vavy any ivelan' ny fatotry ny fanambadiana—Ny tiako holazaina dia izay fifampikasohana iniana atao amin' ny faritra masin' ny taovam-pananahan' ny olona iray hafa na misy akanjo io na tsy misy—dia fahotana sy raran' Andriamanitra. Fandikan-dalana ihany koa ny mampitsiry

*Rehefa maneho
fitiavana,
mihaino ary
mandinika ny
zanatsika isika
dia hahafanta-
tra ny zavatra
tokony hampia-
narintsika.*



amim-panahy iniana ireo fiontanam-po ireo ao anatin' ny vatanao manokana.”⁴

Mba hampianarana amim-pahombiazana dia tsy maintsy maka antoka isika fa mahataktatra ilay hafatra ireo izay ampianarintsika. Ireo fanontaniana tsotra toy ny hoe: “Moa ve mamaly ny fanontanianao izany?” na “Nohazavaiko tsara ve ilay izy?” na “Moa ve ianao manana fanontaniana hafa?” dia tena manampy.

Miova fo ireo mpianatra rehefa mampi-fandray an’ ilay hafatra amin’ ireo fitsipika maharitra mandrakizay ny mpampianatra.

Raha tokony hifantoka fotsiny amin’ ireo “fisehoan-javatra eo amin’ ny fainana” izay manan-danja ireo isika, dia miseho kosa anefa ny fahombiazana eo amin’ ny fampianarana ny filazantsara raha toa ka ampifandraisintsika amin’ ireo fisehoan-javatra ireo ny “fisehoan-javatra any amin’ ny fainana mandrakizay.”

Rehefa miresaka momba ny vatantsika isika ohabatra, dia afaka miresaka momba ilay Ray any andanitra izay nahary ny vatantsika ary momba ny tokony hifandraisantsika amin’ ireo zavatra no-hariana amim-panajana sy araka izay antenainy.

Na dia tafalatsaka ao anatin’ ny tsy fahadiovam-pitondrantena aza izao tontolo izao, dia mbola misy fanantenana ho an’ ny taranaka ho avy. Izany fanantenana izany dia mifototra any amin’

ny ray aman-dreny izay manao ny ezaka tsara indrindra avy aminy mba hampianarana an’ ilay taranaka vao misondrotra ho tsara toetra sy madio fitondrantena. Ireo ray aman-dreny izay mampianatra ny zanany mba hanana fainana ao anatin’ ny hatsaran-toetra sy ny fahadiovam-pitondrantena dia miezaka ny hampitombo ny fahatakaran’ izy ireo sy hampivoatra ireo fahaiza-manaony eo amin’ ny lafin’ ny fampianarana. Rehefa manao izany izy ireo dia hahafantatra fa “ny Tompo dia hampitombo ny fahaiza-manaon’ [izy ireo] rehefa mampianatra araka ny fomba nandidiana azy [izy ireo].” Raha fehezina dia “asam-pitiavana ity—fahafahana iray hanampiana ny hafa hampihatra ny fahafahany misafidy araka ny tokony ho izy, sy hanatona an’ i Kristy ary han-dray ireo fitahian’ ny fainana mandrakizay.”⁵ ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Bonita F. Stanton and James Burns, “Sustaining and Broadening Intervention Effect: Social Norms, Core Values, and Parents,” ao amin’ ny *Reducing Adolescent Risk: Toward an Integrated Approach*, navoakan’ i Daniel Romer (2003), 193–200.
2. Robert D. Hales, “Our Parental Duty to God and to the Rising Generation,” *Liahona*, Aug. 2010, 74.
3. Jereo ny Jacob de Jager, “Let There Be No Misunderstanding,” *Ensign*, Nôv. 1978, 67.
4. Richard G. Scott, “Serious Questions, Serious Answers,” *Liahona*, Sept. 1997, 31.
5. *Teaching, No Greater Call* (1999), 4.

**Angamba ny
lafiny manan-danja
indrindra eo amin’
ny fampianarana ny
zava-misy marina
eo amin’ ny fainana
dia tanteraka
rehefa maneho
fahadiovam-
pitondrantena sy
fahamaotinana ary
hatsaran-toetra eo
amin’ ny fainany
manokana ny ray
aman-dreny.**

Mampianatra

NY FAHAMARINAN-TOETRA AO AN-TOKANTRANO

*Andraikitra no sady fitahiana
ho an' ny ray aman-dreny
ny mampianatra sy manofana
ny zanany mba hiaina
amim-pahamarinana.*



Nataon' ny Loholona
Delbert L. Stapley
(1896–1978)

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

I Delbert L. Stapley dia teraka tamin' ny 11 Desambra 1896 tany Arizona, Etazonia. Izy dia natokana ho mpikambana iray ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo tamin' ny 5 Oktôbra 1950 ary nanompo tao amin' izany kôlejy izany mandrapahafatiny tamin' ny 19 Aogôsitra 1978. Ity lahateny tao anatin' ny fotoam-pivavahana iray ity dia nomena tao amin' ny Universiten'i Brigham Young tamin' ny 1 Febrero 1977. Ny lahatsoratra iray manontolon' ity lahateny ity amin' ny teny Anglisy dia azo jerena ao amin' ny speeches.byu.edu.

Ny Ray aman-dreny dia manana fahafhana hampianatra sy hamolavola ny toetran' ny zanany alohan' ny hananan i Satana fahefana haka fanahy azy ireo ary alohan' ny hahafeno valo taona azy ireo izay hahatonga azy ho tompon' andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra amin' izay fotoana izay. . . Nomen' ny Tompo an' ireo ray aman-dreny ireo taona sarobidy ireo, dia ireo taona voalohany eo amin' ny fainan' ny ankizy iray izany, rehefa mbola tsy tompon' andraikitra eo amin' ny zavatra izay lazainy na ataony izy ireo. Andraikitra no sady fitahiana ho an' ny ray aman-dreny ny mampianatra sy manofana ny zanany mba hiaina amim-pahamarinana.

Ny fomba tena mahomby indrindra mba hampianarana ny fahamarinan-toetra sy ny finoana ao an-tokantrano dia amin' ny alalan' ny ohatra. Antenaina fa ny ray aman-dreny dia nanao izay hahatsara sy hampadio ny

fainany manokana ary amin' izay izy ireo dia hanana fahafhana tsara hampiasa ny ohatra ny fainany ao anatin' ny fampianarana sy fanofanana ny zanany manokana. [Nampianatra ny Filoha David O. McKay (1873–1970) hoe:] "Raha hampianatra ny finoana an' Andriamanitra ianao dia asehoz azy aloha ny finoanao Azy. Raha hampianatra momba ny vavaka ianao dia mivavaha aloha. . . . Raha tianao ho tony izy ireo dia ianao mihtsy aloha no tokony hijanona tsy hihotakotaka. Raha tianao banana fainana feno hatsarantoeatra sy fifehezan-tena ary zavatra tsara ny zanakao dia manehoa ohatra mendrika aminy aloha mikasika ireo zavatra rehetra ireo.¹ Mba hanaovana izany dia ataovy mahaliana ireo fampianarana ireo ary rehefa mahazo fitarihana toy izany avy amin' ny ray aman-dreny izy ireo dia afaka miaro ny tenany amin' ireo fakam-panahin' i Satana izay ny hamotika ny fainan' izy ireo no tanjony rehefa tonga eo amin' ny taona maha-tompon' andraikitra izy ireo. Ny ray aman-dreny dia manana andraikitra ny ho lasa tahaka ilay olona izay tiandy hatongavan' ny zanany eo amin' ny lafin' ny fahalalam-pomba, fahitsim-po, fahalalana onony ary herim-po hanao ny tsara amin' ny fotoana rehetra. Ny ohatra dia mahery vaika kokoa noho ny fampianarana.

Ny fainan-tokantrano isan' andro dia tokony hifanaraka amin' ireo fitsipiky ny Fiangonana. Ny asa fandraharahana ataontsika dia tokony hifanaraka amin' ny finoantsika. Mora mahatsikaritra ny tsy fahitsim-po ny ankizy. I John Milton dia nilaza fa ny fihatsarambelatsihy no hany fahotana izay tsy misy mahita afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Ny ankizy anefa dia mora mahatsapa ny zavatra tsy mety ary tezitra rehefa misy tsy fahitsim-po sy fahamatin-kambo. Fantatsika fa ny ankizy dia voasarika lavitra kokoa amin' ireo toriteny iainantsika noho ny toriteny zaraintsika. Tokony ho marin-toetra amin' ny zanany ny ray aman-dreny ary mitazona ireo fampanantenana nataon' izy ireo tamin' ny zanany ary milaza ny marina foana. Ny ray aman-dreny tsy mba miovaova no ahatokisan' ny zanany. Rehefa mahatsapa ny



zanaka fa manaja ny fahatokiany anao ianao ary matoky azy koa ianao dia tsy hanimba izany izy na koa handoto ny anaranao. . . .

Tsy tokony hiady velively eo anatrehan' ny zanany ny ray aman-dreny. Indraindray ny ady dia miseho noho ny fiezahana manitsy na mibedy ny zanaka iray. Mitsikera ny ray na ny reny dia manohitra izany ny hafa. Ary ilay hery mitarika izay mampiray ao anatin' ny tokantrano raha ho an' ilay zanaka dia tsy manan-kery intsony. Ny ray aman-dreny dia tokony hiray hina eo amin' ny famantaranay lalana tian' izy ireo handehanan' ny zanany. Raha tsy izany dia mety handeha any amin' ny lalana tsy izy izy noho ny fisafoto-fotoana. Hoy i Richard L. Evans hoe: "Ny tsy fitovian-kevitry ny ray aman-dreny dia tsy rariny ary mampisafotofoto sy mamparefo ny fototra iorenан' ny fianakaviana. Ireo olona tokony hitadiavan' ny zanaka iray fitarihana dia tsy maintsy miray saina ao anatin' ilay fitarihana omen' izy ireo."² Fantatsika fa ny zanaka dia mora mahafantatra ny toe-tsaina amam-panahin' ny fianakaviana sy ny zavatra tsapany. Izy ireo dia afaka mahatsapa ny fisian' ny fifandirana sy ny tsy fitovian-kevitra izay tsy voatery takatr' izy ireo na voafaritr' izy ireo foana. . . .

Ny zanaka iray dia manana zo hahatsapa fa ao amin' ilay tranony dia manana toerana hialofana izy, toerana misy fierovana amin' ireo loza sy ratsy eo amin' izao tontolo izao any ivelany. Ny firaisan-kina sy ny fahamarinan-toetra eo amin' ny fianakaviana dia

fahamarinan-toetra eo amin' ny fianakaviana dia ilaina mba hanomezana izany zavatra ilaina izany. Tsy misy toerana hafa ankoatra ny tokantrano izay ahitana fa ny fifaliana marina sy maharitra mety ho azo eto amin' ity fainana ity. Azo atao ny manao ny tokantrano ho toy ny lanitra. Izaho dia tena maka sary an-tsaina ny lanitra ho toy ny fitohizan' ilay fainantokantrano tena tsara eto an-tany.³ . . .


Ny filazantsara rehefa ampianarintsika dia marina. Velona i Kristy, velona Andriamanitra ary misy lapa lehibe nomanina any ambony any ho an' ireo zanany rehetra izay mahatoky sy be fanoloran-tena. Arafeto dieny izao ny karazana tokantrano sy fianakaviana irianao ary ny fomba hanomezanao ireo zavatra ilain' ny zanakao mba hihazonana azy eo amin' ny lalana marina izay hitondra ny fianakaviana any amin' ny fainana mandrakizay ao amin' ilay trano fonenana celestially. Andriamanitra anie hitahy anareo rehetra ry rahalahy sy anabavy. Mihevitra aho fa takatrareo hoe ny ankamaroan' ny zavatra nolazaina dia mikasika anareo. Ary ny fandrindrana sy ny fikolokoana ny tokantrononareo amin' ny fomba masina dia tena zava-dehibe ho an' ny tanora izay tonga mba hitahy ny fainanareo. ■

Nampitoviana ny endriky ny sorabaventy ary ny endriky ny fijanonan-tsoratra.

FANAMARIHANA

1. David O. McKay, *Secrets of a Happy Life*, comp. Llewelyn R. McKay (1967), 11.
2. *Richard Evans' Quote Book* (1975), 23.
3. Jereo ny David O. McKay, *Gospel Ideals* (1953), 490.

Ny zanaka iray dia manana zo hahatsapa fa ao amin' ilay tranony dia manana toerana hialofana izy, toerana misy fierovana amin' ireo loza sy ratsy eo amin' izao tontolo izao izay any ivelany. Ny firaisan-kina sy ny fahamarinan-toetra eo amin' ny fianakaviana dia ilaina mba hanomezana izany zavatra ilaina izany.



MANAMPY NY ZATOVO HAINA ZAVATRA ARA-PANAHY

Tsy misy na iza na iza afaka manery ny zatovo haina zavatra ara-panahy, saingy nahita ireto ray aman-dreny sy mpitarika ireto fa maro be ireo fomba ahafahana miaina zavatra izay mitondra any amin' ny fiovam-po.


Rehefa nanomboka nianatra momba ny Fiagonana i Vyacheslav sy Zoya Gulko avy any Ukraine dia tsy dia faly loatra momba izany ny zanak' izy ireo vavimatoa izay 13 taona. Nanda tsy handray anjara amin' ireo lesona ampianarin' ny misiônera izy ary rehefa fantany fa ho avy ao an-trano ireo elders dia tsaroan' ny reniny izy "nampiseho ny tao am-pony tamin' ny alalan' ny fanakatonana ny varavarana' ny efiranony."

Nanana eritreritra Rahalahy sy Rahavavy Gulko, izay nanapa-kevitra ny ho lasa mpi-kamban' ny Fiagonana, fa raha toa izy ireo ka afaka manome fahafahana an' i Kira mba hahatsapa ny Fanahy, dia mety ho voakasika ny fony. Satria ny fijoroana ho vavolobelondrahavavy Gulko manokana dia nanomboka tamin' ny fotoana iray nanatrehany ny batisan' olona iray hafa dia nangataka an' i Kira izy mba hanatrika ny batisa *ny*—mba hanampy azy fotsiny hisolo akanjo maina aorian' izany. Taitra Rahavavy Gulko fa nanaiky i Kira.

"Nitrange ilay izy!" Hoy Rahavavy Gulko nahatsiaro izany. "Niasa tamin' ny fomba tena mahagaga ny Ray any an-danitra." *Tena* nahatsapa ny Fanahy i Kira ary herinandro taorian' ny nanaovana batisa ny ray aman-dreniny dia nanaiky ny hihaona amin' ny misiônera izy. Nanomboka namaky ny Bokin' i Môrmôna izy. Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia nahatsikaritra taratasy nihantona teo amin' ny latabatr' i Kira Rahavavy Gulko. Nisoratra teo amin' izany ireo teny hita ao amin' ny 2 Nefia 2:25. Roa volana sy tapany taorian' ny batisany dia nanatrika ny batisan' ny zanany vavy ry Gulko mivady. Ankehitriny, 20 taona aty aoriana dia manambady i Kira. Nofehezina tany amin' ny tempoly izy sy ny i Dave vadiny ary mitaiza ny zanany roa lahy ao anatin' ny filazantsara izy ireo. Nanompo tamim-pahatokiana tao anatin' ireo antso maro izy ary nitoetra ho mazoto tao amin' ny Fiagonana.

Tamin' ny alalan' izany zavatra niainana izany dia nilaza i Zoya fa nianatra lesona lehibe izy izay azon' ny ray aman-dreny mpikamban' ny Fiagonana nandritra ny fiainany ampiharina toy ny niseho taminy sy ny vadiny fony izy ireo mpikambana vaovao: Tsy afaka manery ny zanany hanaraka ny filazantsara ny ray aman-dreny sy ny mpitarika, saingy *afaka* manasa azy ireo kosa ho any amin' ny toerana izay ahafahan' ny zatovo miaina zavatra ara-panahy manokana na afaka mamorona toe-javatra ahafahan' izy ireo miaina izany manokana koa. Ireo zavatra niainana ireo avy eo dia afaka

Ampifandraiso amin' ny tenin' Andriamanitra sy amin' ny fainan' ny zatovo ireo ohatra hita amin' izao fotoana izao.



mitondra any amin' ny fiovam-po.

Saingy inona fotsiny no fomba

tena tsara indrindra entina hamoronana ireo karazan-javatra iainana ireo? Mizara ny zavatra nandairtra taminy ireo ray aman-dreny sy mpitarika maneran-tany.

Omeo Fahafahana Hanompo ny Zatovo

Ambony ny taham-pahavitrihan' ireo zatovolahy ao amin' ny Paroasin' i Granja Viana ao amin' ny Tsatôkan' i Cotia São Paulo Brésil. Saingy nahatsikaritra ny mpitarika azy ireo fa ny sasany amin' izy ireo dia miatrika olana manokana ary manana olana eo amin' ny fanatanterahany ireo andraikiny ao amin' ny fisoronana.

Rehefa niara-nifampidinika ny episkôpâ sy ireo mpitarika ao amin' ny Zatovolahy dia nanapakevitra fa hampifantoka bebe kokoa ny fiaraha-mientan' izy ireo amin' ny asa fanompoana ary hatao vitsy ny fialamboly. Izany dia nahitana ny famangiana ireo mpikambana malaina tao amin' ny kôlejy, ny fandraisana anjara tamin' ny fitoriany ny filazantsara niaraka tamin' ireo misionera manompo amin' ny fotoana maharitra ary fikarakarana ny fanasan' ny Tompo ho an' ireo mpikambana izay tsy afa-miala ao an-trano. Ireo

fiaraha-mientana ireo dia nanome fahafahana ny zatovolahy mba hanao zavatra araka ireo fitsipika izay ianarany ao amin' ny seminar sy isan' Alahady (jereo ny 2 Nefia 2:26).

Rehefa nandeha ny fotoana dia "nisy fiantraikany tsara tokoa ireo fiaraha-mientana ara-panahy ireo," hoy ny tatity ny mpitarika ao amin' ny fisoronana iray.

"Variana izahay nandritra ny Alahady iray fifadian-kanina fa nijoro ho vavolombelona daholo ny zatovolahinay," hoy izy. "Rehefa nanao izany izy ireo dia maro tamin' izy ireo no nitantara tao anatin' ny ranomaso ilay fahahy tsara izay tsapan' izy ireo tao anatin' ireo fotoana ireo. Ny zatovolahy iray dia nizara ny zavatra niainany rehefa nizara ny fanasan' ny Tompo ho an' ny mpikambana iray efa zokin-jokiny tao amin' ny paroasinay izy izay narary tsy afa-niala teo am-pandriana nandritra ny telo taona. Nandray tamim-pifaliana sy tao anatin' ny fanantenana an' ireo zatovolahinay ny vadiny izay rahavavy mahatoky iray. Tao-ran' ilay ôrdônanisy dia nozarainy tamin' izy ireo ny hafaliana tsapany teo amin' ny fainany noho ny filazantsara na dia teo aza ireo olana sy fanamby lehibe izay natrehany. Nahatsapa ny Fanahy izy ireo ary nahita ny fiantraikan' ny filazantsara eo amin' ny fainan' ny olona. Tena nahery vaika izany zavatra niainana izany ka dia hotsaroan' izy ireo foana izany mandritra ireo taona maro ho avy—ary an-gamba mandritra ny fainany iray manontolo."

Nahatsikaritra izy fa tsy mbola nahita velively karazam-baliny toy izany avy amin' ny fanaovana "lalao baolina kitra na fiaraha-mientana ifampizarana izay mampifalifaly." Nilaza kosa izy fa izany zavatra niainana izany dia nampianatra azy ny maha-zava-dehibe ny fanomezantoeana ny karazan-javatra iainana toy izany izay ahafahan' ny zatovo mahatsapa ny Fanahy.

"Manan-danja ireo fiaraha-mientana arapiaraha-monina," hoy izy nanoxy. "Saingy ny zavatra iainana ara-panahy dia tena zava-dehibe eo amin' ny fanampiana ny zatovo hanorina ny fijoroany ho vavolombelona manokana."

Isaky ny Alahady ao amin' ny Paroasin' i Rennes ao amin' ny Tsatôkan' i Angers France, dia mizara karatra kely ho an' ny zatovovavy tsirairay izay miangona Rahavavy Delphine Letort, izay filohan' ny Zatovovavy ary mangataka azy tsirairay mba hifidy zatovovavy iray izay tsy niangona ary manoratra any aminy. Nanoratra mikasika ny lesona tamin' izay herinandro izay ireo zatovovavy—ny zavatra nianarany na ny zavatra nanentana ny fanahiny—ary nanoratra koa teny manokana maneho fitiavnamana. Dia alefan-drahavavy Letort na ny iray

amin' ireo mpanolotsainy any amin' ny paositra ireo karatra ireo ho an' ireo izay tsy niangona.

Tsotra ilay fiaraha-mientana nefà nahomby hoy izy. Tsy hoe fomba iray fotosiny izany ho an' ireo izay tsy niangona mba hahafantarany fa misy mahatsiaro izy fa koa fomba iray ho an' ireo izay nanoratra ilay teny fohy mba hifampiahy.

"Amin' ny alalan' ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe," hoy izy (jereo ny Almà 37:6). Hitanay ny fisehoan' izany. Namporishana ny zatovovavy ary izany zavatra nianana izany dia lasa nampitombo ny fijoroany ho vavolombelona."

Ampifandraiso amin' ny Tenin' Andriamanitra ny Zatovo

Nampianatra i Almà fa ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra dia misy fiantraikany mahery vaika (jereo ny Almà 31:5). I David Elmer, mpitarika ny Zatovolahy any Texas, Etazonia, dia nahafantatra izany ary naniry ny hampiaina zavatra manan-danja ho an' ireo zatovolahy izay notarihiny tao anatin' ny dia nataon' ny Skoto izay mifono kisendrendra maro, ka hanomana azy ireo amin' ny hoavy izany.

Nieritreritra ombam-bavaka ny zavatra azony zaraina Rahalahy Elmer ary nahatsapa ho voatarika tany amin' ilay lahateny nataon' ny Loholona Neil L. Andersen avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo. Nampianatra avy tamin' izany hafatra izany Rahalahy Elmer nandritra ilay dia, ka tafiditra tao anatin' izany ilay tantara nozaraïn' ny Loholona Andersen mikasika an' i Sidney Going, mpilalao rugby malaza tany Nouvelle Zélande izay nampihantona ny fanaovany fanatanjahan-tena mba hanaovana asa fitoriana. "Ny asa fitorianao dia ho tombontsoa masina hitondrana ny hafa hanatona an' i Kristy ary hiomanana amin' ny Fiavian' ny Mpamony Fanindroany," hoy ny Loholona Andersen.¹

Nahery vaika ny zavatra niseho hoy Rahalahy Elmer satria nampianatra avy amin' ny tenin' ny mpaminany iray izy. Tany amin' ny faran' ilay fotoam-pivavahana dia nanoratra ny anarany teo amin' ny baolina fanaovana rugby daholo ny zatovolahy sy ireo mpitarika mba ho toy ny fampanantenana fa hanao asa fitoriana ary ho toy ny mpampahatsiahy azo tsapain-tanana mikasika izay zavatra nianaran' izy ireo sy tsapan' izy ireo. Tsy natory ny anka-maroan' ireo ray sy mpitarika tamin' izany alina izany fa niresaka tamin' ireo zatovolahy mikasika ny fiantraikan' ny asa fitoriana nataony teo amin' ny fianinay.

"Andriamaniry ny tena manokana ny anay. Mahafantatra ny zatovony Izy," hoy Rahalahy Elmer. "Fantany ny fiainan' izy ireo sy ny olan' izy ireo ary ny zavatra miseho eo amin' ireo ankizy ireo. Tsy fantatralo velively ny fomba niasany teo amin' ny fiainan' izy ireo. Noho izany amin' ny maha-mpitarika anay dia manomana sy manolotra tontolo hahatsapan' izy ireo ny Fanahy izahay. Afaka manao izany amin' ny alalan' ny soratra masina ianao sy amin' ny alalan' ny tenin' ireo mpaminany, saingy ny Tompo fa tsy isika no miasa ao am-pony."

Aoka mba Hanao ilay Zavatra Tsy Tapaka

Nilaza Rahalahy Elmer fa tiany ireo zatovolahy mba hatsiaro zavatra hafa mikasika ilay dia: Tsy tapaka mihitsy

Ampiasao ny tenin' ny fiainanary ary ny tenin' ireo mpaminany fahiny.



ny fandalinan' izy ireo ny filazantsara.

"Nahatsapa aho fa tafiditra tao anatin' ny andraikitro ny mampiaina azy ireo zavatra izay ahatsapan' izy ireo ny Fanahy ary raha tiako hitranga izany dia tsy maintsy manao ny anjarako aho mba handrafetana izany," hoy izy. "Ny Loholona David A. Bednar dia nampianatra mikasika ny famoronana lamina ara-panahy eo amin' ny fiainantsika, lamina toy ny fandalinana ny soratra masina ny vavaka ary ny takarivan' ny mpianakavy.² Ary rehefa nandeha izahay tao anatin' izany herinandro izany dia notazoninay ilay fanka-tahaka ara-panahy. Nanao vavaka tamin' ny naha-vondrona anay izahay. Nanendry zatovolahy izahay mba hizara vatsim-panahy mandritra ny 10 minitra amin' ny maraina ary nanomana vatsim-panahy ho an' ny hariva kosa ny mpitarika azy ireo sy ny rain' izy ireo.

"Ny tanjon' izany dia na dia lavity ny trano fonenanay aza izahay ary na dia samy hafa aza ny zavatra nataonay tany sy ny zavatra fanaonay mahazatra, dia tsy natsahatra ny fanarahanay ny laminay ara-panahy. Mety nahatsiaro na tsy nahatsiaro lesona manokana ny zatovolahy, saingy manantena aho fa hatsiaro ilay lamin' ny fanaovana vatsim-panahy sy vavaka ary fandalinana ny soratra masina izay notazoninay izy ireo."

I Myra Bocobo Garcia avy any Philippines koa dia mahafantatra ny lanjan' ny fanaovana zavatra tsy tapaka ary mahafantatra fa manomboka any an-trano ny

Mitadiava fotoana tsotra hampianarana ao anatin' ireo zavatra atao isan' andro.



fampianarana izany. Rahavavy Garcia sy i Edwin vadiny dia manan-janaka lahy telo ary zanaka vavy enina izay 8 taona ka hatramin' ny 22 taona. Samy manana zavatra tsara atao samihafa izy tsirairay ireo. Na dia midika aza izany hoe olona maro no mandeha mankany amin' ny toerana samihafa, dia miezaka mafy nianakaviana mba hanaovana izay hiarhana misakafo hariva.

"Ny fandrahoana sakafo sy ny fanomana amim-pifaliana ny sakafo ary ny fiarahana misakafo dia iray amin' ireo fomba tena tsara hanangonanay ny zanakay," hoy Rahavavy Garcia. Nanamarika izy fa ny fotoam-pisakafoanana dia fotoana hamelombelomanana ny aina sy hifandraisana ary hankistrohana an' ireo fitahian' ny Tompo.

Ampiasao ireo Fahafahana Misy mba Hampianarana sy Hihainoana

I Jocelyn Fielden avy any Nova Scotia, Canada, dia milaza fa ny lesona faran' izay lehibe nianarany avy amin' ny fitaizana zanaka enina izay ankehitriny eo amin' ny 20 taona ka hatramin' ny 30 taona, dia tsy hoe avy amin' ny fampianarana mivantana fotsiny fa koa

tamin' ny alalan' ny "famoronana tontolo izay ahafahan' ny ankizy mianatra ny fahamarinana ho an' ny tenany manokana."

"Aza maika loatra hanatanteraka ny fanapanahon-kevitry izy ireo rehetra na hamaly ny fanontanian' izy ireo," hoy izy. Fa nanoro hevitra kosa izy ny mba hitarihana ny zanaka "any amin' ny soratra masina na any amin' ny torohevitra avy amin' ny mpaminanintsika mba hahazoana fitarihana sy valiny." Nanampy izy hoe: "Ary aoka ianao ho vonona ny ifanakalo hevitra momba ny zavatra hitany." Ankoatra izany, rehefa mahazo fanontaniana avy amin' ny zanany izy dia matetika izy no mamaly izany amin' ny alalan' ny fametrahana fanontaniana avy aminy: "Inona no tokony hataonao araka ny eritreritrap?"

"Manana fahatokiana fa hanao safidy tsara izy ireo," hoy izy. "Rehefa manampy ny zanatsika hianatra hamantatra ny Fanahy eo amin' ny fainany isika mandritra ireo fotoana hampianarana iarahantsika amin' izy ireo isan' andro ary rehefa fantatr' izy ireo hoe manao ahoana izany mahatsapa ny Fanahy izany, dia ho toy ny mpandrisikoto ho azy ireo izany mba hitady traikefa ara-panahy bebe kokoa, ary noho izany dia hatanjaka ny fijoroan' izy ireo ho vavolombelona momba ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy. Hitohitohy ny fiantraikan' izany: rehefa mahatsapa bebe kokoa ny hazavana sy ny fanka-herezana entin' ny Fanahy izy ireo dia haniry bebe kokoa ny banana izany sy hiezaka ny hanao ireo zavatra izay hahatonga ny Fanahy hirotsaka bebe kokoa eo amin' ny fainany."

Mailaka mihtisy izy nanamafy fa ireo fitsipika izay nahomby teo amin' ny fainan' ny fianakaviany raha ho azy dia ireo izay nave-rimberin' ny mpitarika ao amin' ny Fianganana ny fampianarana azy. Ohatra, nilaza izy fa raha toa ka miseho mandritra ny fotoana ifanakalozan-kevitra efa voaomana ny fampianarana sasany toy ny amin' ny takarivan' ny mpianakavy, sy ny fandalinan' ny fianakaviana ny soratra masina, ary ny vavaky ny mpianakavy, dia afaka ny ho tarihin' ny Fanahy kosa ireo ray aman-dreny ahita fotoana hafa fampianarana.³

"Mandeha an-tongotra, ao anaty fiara handeha hamonjy fiaraha-mientana, mampiditra baolina [milalao basketball], miaraka misakafo amin' ny fotoam-pisakafoanan' ny fianakaviana, miara-miasa, mihira ary manompo ny hafa dia vitsivitsy amin' ireo zavatra atao izay nisehoan' ny fampianarana ny filazantsara teo amin' ny fianakavianay," hoy izy. "Mandeha ho azy matetika ny firesahana momba ireo

Ny Fomba Nijanonako ho Matanjaka tao amin' ny Filazantsara

Nataon' i Tua Rogers

12taona no natao batisa ary izaho irery no hany mpikamban' ny Fiagonana tao amin' ny fianakaviako nandritra ny taona maro. Tsy mora foana anefa izany, saingy soa ihany fa nanana mpitarika tsara aho izay nanampy ahy tao anatin' ilay diako nianatra ireo fotopampianaran' ny filazantsara sy nampiasta ireo fotopampianarana ireo mba hanamafy orina sy hanatsara ny fainako. Noho ny fanapahan-kevitro hijoro amin' ny zavatra inoako, dia nahita fitahiana maro tonga teo amin' ny fainako aho ary taty aoriana teo amin' ny fainan' ny olona tao amin' ny fianakaviako koa.

Ireto ny zavatra sasany izay nanampy ahy hitoetra ho matanjaka.

- Manakaikeza ny Ray any andanitra amin' ny alalan' ny fanaovana zavatra toy ny vavaka ary ny fandalinana ny soratra masina. Fantany ny toe-javatra atrehintsika. Ny fanakaikezana Azy dia nanampy ahy hahatsiaro hoe iza moa aho.
- Araho ny torohevitr' ireo mpitarika ao amin' ny Fiagonana. Hitako teo amin' ny fainako manokana ny fahamarinan' ny torohevitra avy amin' ireo mpaminany sy apôstôly.
- Fantaro fa ny fainana ny filazantsara dia miteraka fainana tsara ankehitriny sy mandrakizay.

Nanampy ahy hihazona ireo fitsipiko sy ny finoako izany. Namporisika ahy handeha ho any amin' ny tempoly ireo mpitarika, izay nanampy ahy hahazo sary an-tsaina ny fainana mandrakizay.

- Manana namana tsara izay manaraka ny fitsipika arahinao. Nanana namana tsara izay namanora ny fandraisako fanapahankevitra sy ny fihazonako ny finoako aho.
- Manakaikeza ny fianakavianao. Tiako ny fianakaviako ary naniy ny hanorina fifandraisana mafy orina tamin' izy ireo aho.
- Iaino ilay fainana. Araho ny fitsipika ary mandraisa anjara amin' ireo fandaharan' asan' ny Fiagonana. Hanampy anao haneho ny finoana sy hanao safidy tsara izany. Ny safidy tsara dia matetika manamora kokoa ny fainana ary mitondra fifaliana kokoa foana eo amin' ny fainana.

lohahevitra mikasika ny filazantsara rehefa mirotsaka manao zavatra hafa isika."

Miaraha Miasa Hanatratra Tanjona Iray

Fotoana fohy taorian' ny nahazoany mari-pahaizana tao amin' ny Oniversiten' i Brigham Young-Hawai, dia niverina nody tany Hong Kong i KaYan Danise Mok ary nahazo antso mba ho filohan' ny Zatovovavy. Rehefa niezaka nanazatra ny tenany tamin' ny fainana tany aminy indray izy sy nanomboka niasa ary nanohy fianarana ambony dia nivavaka mafy izy mba hahazo fanentanam-panahy entina hanampiana ny zatovovavy izay niandraiketany mba hanana fijoroana ho vavolombelona mba hanomanana azy amin' ny hoavy.

Indray Alahady rehefa nampianatra momba ny fainana tanjona mandrakizay izy dia nahatsapa bitsika nanosika azy hiaraka hamaky ny Bokin' i Môrmôna amin' ny zatovovavy iray manokana Rahavavy Mok, ary io zatovovavy io irery ihany no tany am-pianganana tamin' izay andro izay.

"Nandray andraikitra haingana izaho sy ilay mpanolotsaiko tamin' ny alalan' ny fametrahana tanjona ny hamita ny Bokin' i Môrmôna izay iarohana amin' ilay zatovovavy ka ho toy ny vondrona iray," hoy Rahavavy Mok. "Nanaiky tsy tamim-pihambahambana ilay fanamby izy satria hiaraka hanatanteraka ilay tanjona izahay."

Nanomboka tamin' izay fotoana izay, dia nanorina

"rafitry ny mpinamana" tao amin' ny facebook izy ireo ary nifandefla hafatra entina hifampahatsiahivana mikasika ilay famakiana sy hifampizarana mikasika ny zavatra nianaranay.

Nilaza Rahavavy Mok fa nahita porofon' ny fiovana miavaka teo amin' ny fainan' ilay zatovovavy izy vokatry ny fandalinana ny soratra masina. Ary rehefa namaky ny soratra masina nandritra ny fotoana nivezivezeny isan' andro tao anaty fiaran-dalamby izy, dia nahazo fitahiana ho an' ny tenany koa. "Izaho koa dia nahatsapa ny Fanahy ary nahazo ny valin' ireo vavaka nataoko rehefa nanohy nandroso teo amin' ny fainana aho," hoy izy.

"Raha araka ny zavatra niainako dia misy zatovo sasany izay miahayah sy tsy matoky tena loatra hoe afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona sy afaka manana traikefa arapanahy toy ny ananan' ny hafa izy ireo," hoy izy nanohy izany. "Amin' ny alalan' ny fiarahana miasa dia manome antoka azy ireo isika miaraka amin' ny asa ataontsika fa mandaitra izany ary eo isika mba hanohana azy ireo amin' ny dingana rehetra atao eny amin' ilay lalana." ■

FANAMARIHANA

1. Neil L. Andersen, "Preparing the World for the Second Coming," *Liahona*, Mey 2011, 50.
2. Jerey ny David A. Bednar, "More Diligent and Concerned at Home," *Liahona*, Nôv. 2009, 17–20.
3. Jerey ohatra ny Robert D. Hales, "Our Duty to God: The Mission of Parents and Leaders to the Rising Generation," *Liahona*, Mey 2010, 95–98; David A. Bednar, "More Diligent and Concerned at Home," *Liahona*, Nôv. 2009, 17–20.



Nataon'
ny Loholona
Paul B. Pieper

Ao amin' ny Fitopololahy

NY BOKIN' I ALMÀ: LESONA HO

AN' IZAO FOTOANA IZAO

Niaritra tamim-pahatokiana ireo fitsapana niseho tamin' ny androny ireo Nefita ary vavolombelona ny amin' ny hoe ny Tompo dia hanome fitahiana sy fiarovana izay ilaintsika mba hiatrehana amim-pahombiazana ireo fanambin' ny androntsika.

Tany amin' ny fiafaran' ny fanjakany, ny Mpanjaka Môsià dia nanolo-kevitra ny mba hanoloana ny fanjakatokana amin' ny rafitra entin' ny mpitsara izay fidian' ny vahoaka. Ilay rafi-pitondrana natolotra dia nifototra tamin' ireo lalàna nomen' Andriamantitra izay ampiharin' ireo mpitsara izay ny vahoaka nifidy azy.

Ny fitsipiky ny fahafahana misafidy no fototr' izany rafi-pitondrana naroso izany—olona manokana fa tsy mpanjaka izany no hanaiky adidy sy andraikitra hiasa mifanaraka amin' ilay lalàna. Satria “tsy fahita izany feon’ ny vahoaka maniry zavatra mifanohitra amin’ izay rariny izany” (Mosiah 29:26), ity rafi-pitondrana ity dia hiaro bebe kokoa ny zon’ ny olona tsirairay ary ny fahamarinana iombonan’ ny fiaraha-monina.

Teo anatrehan’ izany tolo-kevitr’ i Môsià izany dia “nanjary dodona fatratra tokoa ny hananan’ ny olona tsirairay zara mitovy eran’ ny tany manontolo [ny olona]; eny, ary ny olona tsirairay dia samy naneho ny fahavonanay hiant soroka ny fahotany avy” (Mosiah 29:38).

Ny bokin’ i Almà dia ahitana ny tantaran’ ny vahoaka nandritra ny 40 taona taorian’ ny naneken’ ny vahoaka ilay rafi-pitondrana naroso. Ireo toko farany ao amin’ ny rakisoratr’ i Almà, toko 43 ka hatramin’ ny 62, dia mitantara ilay vanim-potoana nisian’ ireo olana sy fisedrana mahery vaika. Nandritra io vanim-potoana fohy naharitra 19 taona io dia niatrika olana ara-pôlitika anatiny sy fampitahorana avy any ivelany ny vahoaka ary saika fifandirana tsy tapaka niaraka tamin’ ny fampiasan-kery.

Niharan’ ny fanozongozonana anatiny indroa ilay rafi-pitondrana izay nataon’ ireo lehilahy nikasa ny hametraka ny tenany ho mpanjaka ary tsy hanome ny vahoaka ilay zo hisafidy ny mpitarika azy sy hivavaka malalaka. Tao anatin’ izany fotoana izany koa ny vahoaka dia tsy maintsy niaro ny tenany tamin’ ireo fanafihana maro avy any ivelany nataon’ ny Lamanita izay vonona ny hamotika ny fitondram-panjakana Nefita ary hamabobo ireo Nefita.

Ny korontana ara-toekarena naterak’ ireo olana ireo na dia tsy voalaza mazava aza izany



*Tao anatin' ireo
olana rehetra na-
trehany, ireo Nefita
marin-toetra dia
afaka nahazo hery
avy tamin' ilay hoe
nanao zavatra
mifanaraka amin'
ny foto-kevitra
ijoroany izy ireo.
Ny hany tanjon'
izy ireo dia ny
"hiaro ny tenany,
ny fianakaviany,
ny taniny, ny fire-
neny, ary ny zony
sy ny fivavahany."*

dia tena olana lehibe ho an' ny vahoaka. Rehefa nandrafitra ilay rakitsoratra masina i Môrmôna dia nahatsapa ho voatosika mba hanome ny antsipirian' ny zava-nitranga tao anatin' izany vanim-potoana izany. Raha ny marina, raha toa izy ka nanome ny antsipirian' ny zava-nitranga mitovy amin' izany mikasika ny ambin' ny tantaran' ny Nefita tao anatin' ny 1.000 taona, dia mety ho 2.500 pejy ny Bokin' i Môrmôna!

Nampianatra ny Filoha Taft Benson (1899–1994) hoe:

“Nosoratana ho an’ izao andrantsika izao . . . ny Bokin’ i Môrmôna. Tsy nanana izany boky izany na oviana na oviana ny Nefita, na koa ireo Lamanita tamin’ ny fahiny. Natao ho antsika izany. Nanambatra ireo rakitsoratra tao anatin’ ny taonjato maro i [Môrmôna], nisafidy ireo tantara, lahateny ary zava-nitranga izay hanampy antsika bebe ko-ko, teo ambanin’ ny fanentanam-panahin’ Andriamanitra, izay mahita ny zava-drehetra hatrany am-piandohana. . . .

Tokony hanontany tena tsy tapaka isika hoe: ‘Inona no antony nanentanan’ ny Tompo ny fanahin’ i Môrmôna (na Môrônia na Almà) hampiditra izany ao amin’ ny rakitsorany? Inona no lesona azoko ianarana avy amin’ izany izay hanampy ahy eo amin’ ny fiainako amin’ izao andro izao sy amin’ izao vanim-potoana izao?’”¹

Ireo Olomasin’ ny Andro Farany manerana an’ izao tontolo izao ankehitriny dia miatrika ny ankamaroan’ ireo olana natrehan’ ny Nefita ireo nandritra io vanim-potoana iray tao anatin’ ny tantarany io, ka tafiditra ao anatin’ izany ny ezaka atao mba tsy hanomezana ny mpikambana ny zony mba hivavaka sy haneho hevitra mikasika ireo olana lehibe eo amin’ ny fiaraha-monina iainantsika. Ny Olomasin’ ny Andro Farany sasany dia niharan’ ny fampi-tahorana avy any ivelany ny hisian’ ny fanafihana sy ady ho ataon’ ireo hery vonona ny hamotika ny fireneny sy ny fahafahany.

Soa ihany fa ny Nefita dia afaka nandresy ny olany tamin’ ny alalan’ ny ezaka sy fanaovana sorona ary fannampiana faran’ izay lehibe avy amin’ ny Tompo. Mety afaka manome antsika fitarihana sy herim-po hiatrehana ireo olantsika ankehitriny ny lesona vitsivitsy mikasika ny fomba niatrehany tamim-pahombiazana ny olany.

Mifikira amin’ ny faniriana sy foto-kevitra ijoroana ara-drariny.

Tao anatin’ ireo olana natrehany dia afaka nahazo hery avy tamin’ ny fanaovana zavatra mifanaraka amin’ ny foto-kevitra ijoroany ny Nefita. Ny hany tanjon’ izy ireo dia ny “hiaro ny tenany sy ny ankohonany ary ny taniny, ny faritaniny sy ny zony ary ny fivavahany” (Almà 43:47). Ny faniriany dia ny hiaro ny fahafahan’ izy ireo misafidy—ilay zo hanao zavatra ao anatin’ ny fahamarinana sy ho tompon’ andraikitra amin’ ny fitondrantenany—toy izay

hanana mpanjaka hilaza ny fihetsika tokony hataon’ izy ireo. Ny foto-kevitra ijoroan’ izy ireo dia ny hiaro ny fitoviana eo ambany lalâna, izay raha faritana manokana dia ny fahafahany hitsaoka an’ Andriamanitra sy hihazona ny fiangonany (jereo ny Almà 43:9, 45).

Misy ary hisy foana eo amin’ ny fiaraha-monina ireo hery izay mikatsaka ny hilalao ny hevity ny sarambaben’ olona mba hahazoana fahefana ho tombontsoan’ ny tena manokana. Misy ny fakam-panahy te hanaraka ny foto-kevitra ijoroan’ izy ireo ary hamadika ilay fifandirana ho lasa ady ahazoana fahefana. Ny fomban’ ny Tompo dia ny tsy hanao zavatra raha tsy mifototra amin’ ny faniriana sy foto-kevitra ijoroana madio ihany, toy ny nataon’ ireo Nefita. Ny fanaovana izany dia nanome fahafahana azy ireo mba hampiasa ny herin’ ny lanitra mba handresena ireo olany “amin’ ny herin’ ny Tompo” (Almà 46:20; jereo koa ny Almà 60:16; 61:18).

Toy izany koa rehefa miatrika ireo olana miseho amin-tsika ankehitriny isika dia tsy maintsy mizaha tsy tapaka ny fontsika mba hahazoana antoka fa madio ny faniriana-sika sy ny foto-kevitra ijoroantsika ary mifototra amin’ ireo fitsipiky filazantsara. Raha toa isika ka manao zavatra (na milalao olona mba hanao zavatra ho antsika) noho ny fitiavan-tena, na hahazoana tombontsoa manokana na hanambaniana ny hafa, dia tsy hanana ilay fanampiana ilaina avy any an-danitra isika mba hiatrehana ireo olantsika.

2. Aoka ianao ho tsara fanahy sy halala-tanana amin’ ireo izay sahirana.

Rehefa niharan’ ny fandringanana ny Antia-Nefia-Lehia dia nisafidy ny hanome azy ireo toerana hipetrahana ny Nefita mba hanorina fiainana vaovao ary hanome azy ireo fiarovana (jereo ny Almà 27:21–22; 43:11–12). Noho ny Antia-Nefia-Lehia izay nanao voady fa tsy handray ny fadiany intsony dia nanome kosa “ampahany be tamin’ ny fananany hanohbanana” (Almà 43:13) ny miaramila Nefita nandritra ireo fotoan-tsarotra izy ireo. Na dia izany aza dia tsy misy rakitsoratra milaza fa ny Nefita dia naneho fihetsika hafa ankoatra ny fanajana sy fitiavana tamin’ ireo mpifindra monina ireo, na dia mety ho toy ny remby mora azo arapolitika aza izy ireo ho an’ ireo izay nitetika korontana.

Ny fikarakarana tsara nataon’ ny Nefita tamin’ ny vahakan’ i Amôna, izay anarana niantsoana azy, dia nifamaly ary tamin’ ny farany dia niteraka an’ ilay fivoronan’ ny andia-miaramila tena manentana indrindra ny fanahy tao anatin’ ny tantara voarakitra hattrizay—ireo zatovolahy mahery fo 2.000. Ny mahavarana dia ny asa fanompoana nataon’ ireo zatovolahy ireo no mety ho fanalahidin’ ny fiarovana ny fiaraha-monina Nefita tamin’ ny fandringanana mialoha.



*Ny fahavononana
mba ho tsara
fanahy sy halala-
tanana amin'
ireo izay sahi-
rana dia lafiny
manan-danja
teo amin' ny
fiarovana ny
firenena Nefita
ary nanome an'
ireo Nefita ireo
fitahian' ny la-
nitra tao anatin'
ny fotoana tena
sarotra. Ny fika-
rakarana tsara
nataon' ny Nefita
tamin' ny vaho-
kan' i Amôna
dia nifamaly ary
tamin' ny farany
dia niteraka ny
fiforonan' ny za-
tovolahy miara-
mila 2.000.*

Ao anatin' ny fotoana hisian' ny korontana anatiny sy fanafhiana avy any ivelany ary olana ara-toekarena dia misy ny fironana amin' ny fieritreretana zavatra ratsy mikasika ar' ireo olona izay "tsy mitovy amintsika." Lasa mora ny mitsikera sy mitsara azy ireo. Misy olona mety miahiahy ny amin' ny fahitsim-po aman-tsainy sy ny lanjany eo amin' ny fiaraha-monina ary ny fiantraikany entin' izy ireo eo amin' ny lafiny ara-toekarentsika. Ireo fihetsika ireo dia tsy mifanaraka amin' ilay didin' ny Mpamony mba hitiavantsika ny namantsika tahaka ny tenantsika ary miteraka fampifantohana ny saina amin-javatra iray izany sy ady ary fiolonolona. Raha toa ka tsy nampiantranoana tao amin' ny fiaraha-monina Nefita ny vahoakan' i Amôna dia angamba mety ho niteraka lolom-po teo amin' ny taranaka vao misondrotra izany. Raha tokony ho namokatra miaramila mahatoky 2.000, dia mety ho lasa nandevozina ilay taranaka vao misondrotra ary niaraka tamin' ny Lamanita.

Ny fahavononana ho tsara fanahy sy ho malala-tanana teo anatrehan' ny sahirana dia zavatra iray manan-danja tao anatin' ny fiarovana ny firenena Nefita ary nitondra ireo fitahian' ny lanitra ho an' ny Nefita ao anatin' ny fotoan-tsarotra lehibe nolalovany. Mila fitahiana toy izany ny vahoakan' Andriamanitra.

Henoy sy araho ireo mpitarika notaomim-panahy.

Ny Tompo dia nahafantatra ireo olona izay ho atrehan' ny Nefita ary namoaka mpitarika nentanim-panahy izy ireo mba hanampy azy ireo hiatrica ireo olana ireo. Ny Kapiteny Môrônîa dia miaramila saingy nentanin' ny fanahy mba hanomana saron-tratra sy ampingan-tsandry ary ampinga fiaro loha sy fitafiana matevina hiarovana ny vahoakany (jereo ny Almà 43:19). Vokatr' izany, ny Nefita dia nahomby bebe kokoa tao anatin' ny ady noho ny Lamanita (jereo ny Almà 43:37–38). Taty aoriana dia nasain' i Môrônîa nanangana ampiantany nanodidina ny tananany ny vahoaka ary teo an-tampon'ireo fefy tany ireo dia nasaina nasiana vatan-kazo sy rafi-batan-kazo (jereo ny Almà 50:1–3). Ireo fiomanana azo tamin' ny fanentanam-panahy ireo dia nanampy tamin' ny fiarovana ny Nefita tsy ho ringana.

Raha niomana ny hiady i Môrônîa dia nitory ny tenin' Andriamanitra kosa i Helamàna sy ny rahalahiny ary namporisika ny olona hanao ny marina mba hahafahan' ny Fanahin' ny Tompo hitarika sy hiaro azy ireo. Voaro ny Nefita tamin' ny alalan' ny fitahiana ara-nofo sy arapanahy avy amin' ireo mpitarika nentanim-panahy. Tamin' ny fotoana nisehoan' ny fifanolanana anatiny sy ny fandavan' ny olona hanaraka ireo fampitendramana avy amin' ny fanentanam-panahy ihany vao nisy ny fahavoazana sy ny fijaliana.

Voatahy isika fa miaina ao anatin' ny fotoana iray izy niantsoan' ny Tompo mpaminany, mpahita ary mpanambara mba hampitandrina sy hitarika antsika mba hiomana amin' ireo olan' ny fotoana ankehitriny. Tamin' ny 1998 ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) dia nanome torolalana tena tsara ary fampitandremana ho an' ireo mpikambana ao amin' ny Fianganana:

"Tonga ny fotoana handaminana ny tranontsika.

"Tena maro ny olontsika no mila tsy ho velona amin' ny vola miditra aminy. Raha ny marina dia miaina amin' ny findramam-bola ny sasany. . . .

"Zavatra marefo ny lafiny ara-bola. . . . Misy ny fambara fa hisy oram-baratra ho avy izay tokony efa nohenointsika."²

Vao haingana aho no niresaka tamin' ny lehilahy iray izay naheno ny tenin' ny Filoha Hinckley ary ny bitsiky ny Fanahy. Nanapa-kevitra izy sy ny vadiny fa hivarotra ny zavatra nametrahany harena, hamerina ny vola vidin-tranony ary hanefa ny trosa.

Ankehitriny dia mizaka tena izany lehilahy izany. Ny fihenan' ny vola teo am-pelatanana taorian' izany dia zara raha nisy fiantraikany teo amin' ny fainan' ny fianakaviani. Raha ny marina dia nahafahan' izy sy ny vadiny nanao asa fitoriana ny fananany fizakan-tena.

Navoaka ho an' izao androntsika izao ny Filoha Thomas S. Monson. Ny fainany sy ny fampianarany dia hafatra nalefan' Andriamanitra mba hiarovana sy hitahiana antsika ankehitriny. Indraindray rehefa miahiahy mikasika ny zavatra tsy ananany ny olona maro dia mampianatra antsika ny Filoha Monson mba ho feno fankasirahana noho ireo fitahiana maro nomen' ny Tompo antsika. Ary indraindray rehefa mifantoka amin' ny olany manokana ny olona maro dia mamporisika antsika mba hanampy sy hamonjy ny Filoha Monson, ka hanadino ny tenantsika hitahiana ny hafa. Ny fihainoana ny fitarihan' ny Filoha Monson dia hanome ny fianakavantsika fiarovana arapanahy sy fitahiana ilaina ho an' izao androntsika izao.

Feno fankasirahana aho fa miaina ao anatin' ny andro iray izay namerenana tamin' ny laoniny ny filazantsara. Feno fankasirahana aho noho ny fanomanan' ny Tompo ny Bokin' i Môrmôna ho an' izao androntsika izao. Niatrika tamim-pahatokiana ny fitsapana nandritra ny androny ny Nefita ary izy ireo dia vavolombelona fa ny Tompo dia hanome fitahiana sy fiarovana mba hiatrehana amimpahombiazana ny androntsika. ■

FANAMARIHANA

- Ezra Taft Benson, "Ny Bokin' i Môrmôna—Vato Ifaharan' ny Fivavahantsika," *Ensign*, Nov. 1986, 6.
- Gordon B. Hinckley, "To the Boys and to the Men," *Ensign*, Nov. 1998, 53.



Voaro ireo Nefita
tamin' ny alalan'
ny fihainoana
ny torolalana
ara-nofo sy
ara-panahy avy
amin' ireo mpi-
tarika nentanim-
panahy toa an' i
Môrônîa. Tamin'
ny fotoana ni-
sian' ny disadisa
tao anatiny sy
ny fandavan' ny
vahoaka han-
raka ny fam-
pitandremana
azo avy amin'
ny fanentanam-
panahy ihany
vao nitranga ireo
zavatra ratsy sy
fijaliana.



AHOANA NO AHAFAHANA MANOHY MIAINA ARAKA NY TOKONY HO IZY

AHOANA NO
AHAFAHANA MANOHY MIAINA
ARAKA NY TOKONY HO IZY
AO AMIN' NY
FARITRY NY
FAHAVALO



Nataon' ny Filoha
Boyd K. Packer

Filohan' ny Kôlejin' ny
Apôstôly Roambinifolo

Mankalaza ny faha-100 taonan' ny seminera ny Fiangonana. Mihazona kofehy izay miverina mankany amin' ireo andro tany am-piandohana aho raha zara raha nisy ireo loharano ho an' izany fandaharan' asa izany.

Raha nanomboka tamin' ny fomba tsotsotra isika dia ankehitriny manana mpianatra miisa 375.008 ao amin' ny kilasin' ny seminera any amin' ny firenena 143 miaraka amin' ireo mpampianatra manao asa an-tsitraro sy mpampianatra amin' ny fotoana feno. Mametraka ny fitokianay ao amin' ireo zatovo izahay. Fantatray ny fanananareo lanja sy hery anaty.

**Hanampy Anareo Handresy
ny Fahavalو ny Fahendrena**

Izaho dia miresaka toy ny olona efa nahita ny lasa ary hanomana anareo amin' ny hoavy.

Mitombo ao anatin' ny faritry ny fahavalо ianareo. Rehefa lasa matotra ara-panahy ianareo dia hahatakatra ny fomba nisovohan' ny fahavalо tao amin' ilay tontolo manodidina anareo. Izy dia hita any amin' ireo tokantrano, fialamboly, fampitam-baovao, fiteny—ao amin' ny zavatra rehetra manodidina anareo. Raha ny ankamaroan'

ny zava-miseho dia tsy hita ny fanatrehany eo.

Te hilaza aminareo an' ilay zavatra tena manan-danja sy mampitsiriritra indrindra aho. Milaza ny soratra masina hoe: "Ny voaloham-pahendrena dia izao: Mahazoa fahendrena," ary ampiako an' izao izany: "Mandrosoa miaraka amin' ireo zavatra rehetra azo [nareo!]" (Ohabolana 4:7). Tsy manana fotoana ho lanilaniana fotsiny aho ary toy izany koa ianareo. Noho izany dia henoy!

Tena nazava tato an-tsaiko ilay fotoana nanapahako hevitra ho mpampianatra. Vao 20 taona mahery kely aho nandritra ny Ady Lehibe Faharoa ary mpanamory fiaramnidina tao amin' ny Tafika An-habakabaka. Napetraka tao amin' ny nosy kelin' i Ie Shima aho. Io nosy io izay kely sy mitokana ary mitovy halehibe amin' ny hajian' ny paositra dia any amin' ny afovoan-dranomasina akaikin' ny lohany avaratr' i Okinawa.

Indray harivam-pahavaratra raha irery aho dia nipetraka teo amin' ny harambato iray mba hijery ny filentehan' ny masoandro. Nieritreritra ny zavatra hataoko eo amin' ny fainako aho aorian' ny ady raha toa ka tsara vintana aho hoe velona soa aman-tsara. Te ho inona aho? Tamin' izay alina izay no nanapahako hevitra fa te ho mpampianatra aho. Nieritreritra aho fa ny mpampianatra dia mianatra foana. Ny fianarana no tanjona fototry ny fainana.

Tamin' ny 1949 tao Brigham City no nampianarako volohany ny seminera. Mpianatra tao amin' izany seminera izany aho fony mpianatra tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa.

Taranja telo tany am-piandohana no nampianarina tao amin' ny seminera: Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao ary Tantaran' ny Fiagonana. Nanana fahafahana nanampy kilasy iray vao maraina mba hampianarana ny Bokin' i Môrmôna aho. Izaho dia niverina avy tany amin' ny ady niaraka tamin' ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin' i Môrmôna sy ny fahatkarana ny fiasan' ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Hiaro Anao ao amin' ny Faritry ny Fahavalonay Fanomezana ny Fanahy Masina

Nampianarina nandritra ny fainanao mikasika ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao, saingy mety hijanona hatreto ihany ny fampianarana izany. Ianao dia afaka ary raha ny marina dia tsy maintsy mandeha irery eo amin' ilay lalana sisa mba hahitana ao anatinao hoe ahoana no ahafahan' ny Fanahy Masina ho hery mitarika sy miaro.

Mitovy ny dingana arahana ho an' ny zatovolahy sy zatovovavy. Zavatra katsahana mandritra ny fainana ny fanaovana izay ahitana ny fomba fiasan' ny Fanahy Masina. Raha vao hitanao izany dia afaka miaina ao anatin' ny faritry ny fahavalonay ianao ary tsy ho voafitaka na ho ringana. Tsy misy mpikambana ato amin' ity Fiangonana ity—ary midika izany hoe tsy misy aminareo tsirairay ireo—izay hoe nanao hadisoana lehibe ka tsy

nampitandremin' ny bitsiky ny Fanahy Masina aloha.

Indraindray rehefa nanao hadisoana ianao dia mety niteny an' izao taorian' izany hoe: "Efa fantattro fa tsy tokony nanao an' iny aho." Tsy nety ilay izy," na angamba hoe: "Fantattro fa *tokony* ho nataoko izany. Tsy nanana ny herim-po hanaovana azy fotsiny aho!" Ireo zavatra tsapa ireo dia tsy inona fa ny Fanahy Masina izay miezaka ny mitarika anao any amin' ny tsara na mampitandrina anao mba tsy ho tra-pahavoazana.

Misy zavatra vitsivitsy tsy azonao atao raha tiana hijanona hisokatra ny lalam-pifandraisana. Tsy afaka ny hoe handainga na hametsifetsy na hangalatra na haneho fahalotoam-pitondrantena ianao dia hihevitra ny hihazona an' ireo ambaratongam-pifandraisana ireo tsy ho trtran' ny fikorontanana. Aza mandeha any amin' ny faritra izay manohitra ny fifandraisana ara-panahy.

Tsy maintsy mianatra mikatsaka ilay hery sy fitarihana izay omena anao ianao, dia manaraka izany lalana izany na inona na inona mitranga.

Apetraho voalohany ao amin' ny lisitroa misy ny "zavatra tokony hatao" ny teny hoe *vavaka*. Vavaka mangina no hataonao ao anatin' ny ankamaroan' ny fotoana. Afaka mieritreritra vavaka iray ianao.

Afaka manana taribim-pifandraisana mivantana amin' ny Rainao any an-danitra foana ianao. Aza avela mandresy lahatra anao ny fahavalonay tsy misy mihaino eny amin' ny lohany ilany. Heno foana ny vavaka ataonao. Tsy Irery Ianao!

Karakarao ny vatanao. Aoka ianao hadio. "Tsy fantattrova fa tempolin' Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahy Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?" (1 Korintiana 3:16).

Vakio tsara ireo fampanantenana hita ao amin' ny fizara 89 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Ny Tenin' ny Fahendrena dia tsy mampanantenafahasalamana tanteraka fa hoe lasa hatanjaka ny fitaovampandray ara-panahy ao anatinao.

Halaviro ny tombokavatsa ary ireo zavatra mitovy amin' izany izay mandoto ny vatanao. Nohariana araka ny endrik' Andriamanitra ny vatanao.

Mampianatra Izay Zavatra Marina ny Torohevitra avy amin' ny Mpaminany

Izao aho dia te hiresaka amin' ny fomba fanaovan-dresaka mivantana mikasika ny lafin-javatra iray hafa.

Fantatsika fa ny hoe mahalahy sy mahavavy dia efa napetraka tany amin' ny tontolo talohan' ny nahaterahana.¹ "Ny fanahy sy ny vatana no atao hoe olona velona" (F&F 88:15). Lasa mampiahiahy be tokoa an' ireo Rahalahy io resaka mahalavy sy mahavavy io toy ireo lafin-javatra rehetra mikasika ny fitsipi-pitondrantena.

Ny sasantsasany aminareo dia mety nahatsapa na nolazaina fa teraka tao anatin' ny fahatsapan-javatra mikoron-tandrotana ary tsy meloka raha toa ka mirotsaka ao anatin'

ireo fakam-panahy ireo. Fantatsika ara-potopampianarana fa raha marina izany dia ho nesorina ny fahafahantsika misafidy saingy tsy hitranga anefa izany. Manana safidy ny hanaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina foana ianao ary hanana fiainana madio ara-pitondrantena izay feno hatsarana.

Nanambara an' izao manaraka izao ny Filoha Gordon B. Hinckley nandritra ny fihaonamben' ny Fiagonana: "Manontany ny fihevitsika ny olona mikasika an' ireo izay mandray ny tenany ho . . . lehilahy mirona amin' ny fitiavana lehilahy na vehivavy mirona amin' ny fitiavana vehivavy. Ny valinteniko dia hoe tiantsika izy ireo amin' ny maha-zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra azy ireo. Mety manana karazana fironana sasantsasany izay mahery vaika sy mety ho sarotra fehezina izy ireo. Ny ankamaroan' ny olona dia manana karazana fironana iray na anankiray hafa amin' ny fotoana samihafa. Rehefa tsy manao fihetsika manaraka izany fironana izany izy ireo dia afaka ny handroso toy ireo mpikambana hafa rehetra ao amin' ny Fiagonana. Raha mandika ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena sy ireo fenitra arapitondrantenan' ny Fiagonana izy ireo dia iharan' ny fitsipi-pifehezan' ny Fiagonana tsisy hafa amin' ireo olon-kafa.

"Te hanampy ireny olona ireny izahay ary hampahery sy hanampy azy ireo amin' ireo olana ananany sy hanampy azy amin' ny zava-tsarotra lalovany. Nefy tsy afaka ny hijery fotsiny isika raha toa izy ireo manao fihetsika mifanohitra amin' ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena sy raha miezaka izy ireo ny hanohana sy hiaro ary hiaina an' ilay lazaina hoe fanambadian' ny lehilahy samy lehilahy na fanambadian' ny vehivavy samy vehivavy. Raha omena vahana ny zavatra toy izany dia ho toy manamaivan-danja ilay fototra tena manan-danja sy masin' ny fanambadiana nankatoavin' Andriamanitra ary ny tena tanjony, dia ny manorina fianakaviana.²

Niteny ho an' ny Fiagonana ny Filoha Hinckley.

Ampiasao ny Fahafahanao Misafidy mba Hijanonana na Hiverenana ao amin' ny Faritra Azo Antoka

Ny fanomezana voalohany azon' i Adama sy i Eva dia ny fahafahana misafidy: "Mahazo mifidy ho an' ny tenanao ianao, satria omena anao izany" (Moses 3:17).

Manana izany fahafahana misafidy izany koa ianao. Ampiasao amim-pahendrena izany mba handavana ny hananova zavatra avy amin' ny fihetsehampo tsy hay tohaina izay maloto na handavana fakam-panahy ratsy izay mety tonga ao an-tsainao. Aza mandeha any fotsiny, ary raha toa efa any ianao dia mialà tao ary miverena. "[Lavo] ny toetra tsy araka an' Andriamanitra" (Môrônîa 10:32).

Aza kitikitihana irery na miaraka amin' ny lehilahy na vehivavy ny herin' ny fananahana ao anatin' ny vatanao. Izay no fitsipiky ny Fiagonana ary tsy hiova izany. Rehefa mihamatotra ianao dia misy ny fakam-panahy te

hanandrana na hamantatra zavatra mifono fahalotoana ara-pitondrantena. Aza manao izany!

Ilay teny manan-danja dia hoe *fifehezana*—fifehezan-tena. Aoka ianao ho mpanara-dia ny Mpamonjy ary dia ho voaro ianao.

Mety hieritreritra ny iray na roa aminareo hoe: "Efa meloka noho ity na iry hadisoana lehibe iry aho. Efa taro loatra aho." Tsy misy an' izany hoe efa taro izany.

Nampianarina momba ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ianao tany an-tokantrano sy tao amin' ny seminera. Toy ny gaoma ny Sorompanavotana. Afaka mamafa ny fahatsapana ho meloka izany sy ny vokatr' izay zavatra nahatonga anao hahatsapa ho meloka.

Fanaintanana ara-panahy ny fahatsapana ho meloka. Aza mizaka fanaintanana mafy. Esory izany. Vitao ny momba izany. Mibebaha ary raha ilaina dia mibebaha indray dia ataovy foana izany mandrapahatonganao—fa tsy ny fahavaloo—ho tompon' andraikirity ny tenanao.

Tonga avy amin' ny Fibebahaha Matetika ny Fiadanana Maharitra

Hita fa lasa fitohitohizan' ny fitsapana sy hadisoana ny fainana. Ampio hoe "mibebaka matetika" ny lisitry ny zavatra tokony hataonao. Hitondra fiadanana maharitra ho anao izany izay tsy voavidin' ny vola eto an-tany. Ny fahatakarana ny Sorompanavotana dia mety fahamarinana tena manan-danja iray azonao ianarana mandritra ny fahatanoranao.

Raha toa ianao ka miarakaraka amin' ny olona hafa izay mampirefarefa anao amin' ny tany fa tsy mampivoatra anao dia ajanony izany ary miòvà namana. Mety ho irery ianao ary maniry indraindray. Ny fanontaniana manan-danja mety hapetraka amin' izay dia ny hoe: "Rehefa irery ianao, moa ve miaraka amin' ny namana tsara toetra?"

Ny fanajanonana ny fahazarana iray izay navelanao hamatotra anao dia mety ho sarotra. Saingy ao anatinao ilay hery. Aza kivy. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra hoe "ny olona rehetra izay manana vatana dia manana hery eo amin' ireo izay tsy manana."³ Afaka manohitra ny fakam-panahy ianao!

Tsy hoe tena hihaona manokana amin' ilay fahavaloo akory ianao. Tsy maneho ny tenany toy izany izy. Saingy na dia tonga manokana eo aminao aza izy mba hisedra sy haka fanahy anao dia manana tombony ianao. Afaka mampiasa ny fahafahanao misafidy ianao ary dia tsy hanelingelina anao izy.

Araraoty ireo Fitahiana avy amin' ny Seminera

Tsy olona tsotra ianao. Tena miavaka ianao. Tena tsy mana-tsahala ianao. Ahoana no ahafantarako izany? Fannatroy izany satria ianao dia teraka tao anatin' ny fotoana sy toerana izay ahafahan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy

ho tonga eo amin' ny fainanao amin' ny alalan' ireo fampianarana sy zavatra atao ao an-tranonao sy ao amin' ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Izany araka ny nilazan' ny Tompo tenany azy no "ilay hany fiagonana marina sy velona eto ambonin' ny tany manontolo" (F&F 1:30).

Misy zavatra hafa azontsika ampidirina ao amin' ilay lisitra, saingy fantatrao ny tokony hataonao sy ny tsy tokony hataonao eo amin' ny fainanao. Fantatrao ny mety sy ny tsy mety ary tsy mila baikoina amin' ny zava-drehetra ianao.

Aza simbasimbaina fotsiny ireo taonan' ny fianarana seminera. Araraoty ilay fitahiana lehibe anananao ianarana ireo fotopampianaran' ny Fiagonana ary ireo fampianaran' ny mpaminany. Ianaro izay zavatra tena manan-danja. Hitahy anao sy ny taranakao maro ho avy izany.

Afaka taona vitsivitsy dia hanambady sy hanan-janaka ianao, fanambadiana izay tokony hofehezina any amin' ny tempoly. Ny vavaka ataonay dia ny mba hahafantaranareo ny tenanareo sy ny zavatra tianareo hataeo ary ny hitoera-nareo soa aman-tsara ao amin' ny fianakavian' ny paroasy na sampana.

Mandrosoa Amim-panantenana sy Amim-pinoana

Aza matahotra ny hoavy. Mandrosoa amim-panantenana sy amim-pinoana. Tsarovy ilay fanomezana ny Fanahy Masina izay avy an-danitra. Mianara mba hanaiky ho am-pianarin' izany. Mianara mikatsaka izany. Mianara miaina amin' ny alalan' izany. Mianara mivavaka foana amin' ny anaran' i Jesoa Kristy (jereo ny 3 Nefia 18:19–20). Ny Fana-hin' ny Tompo dia hanampy anareo ary hitahy anareo.

Manana finoana Lalina anareo izahay.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho—fijoroana ho vavolombelona izay azoko fony aho mbola zatovo. Ary tsy samy hafa na amin' iza na amin' iza na amiko aza ianareo. Manana zo be dia be hahazo izany fijoroana ho vavolombelona izany toy ny hafa ianareo. Ho tonga aminao izany rehefa ataonao izay ahazoana azy. Omeko anareo ny tsodranon' ny Tompo—tsodrano mba hahatongavan' izany fijoroana ho vavolombelona izany eo amin' ny fainanareo mba hitarika anareo rehefa manomana hoavy feno hasam-barana ianareo. ■

Avy amin' ny lahateny natao tamin' ny 22 Janoary 2012 nandritra ny fampitana ny sahazato taonan' ny seminera.

FANAMARIHANA

1. Jereo "Family: A Proclamation to the World," *Liahona*, Nôv. 2010, 129; jereo koa ny Mosesy 3:5; Abrahama 3:22–23.
2. Gordon B. Hinckley, "What Are People Asking about Us?" *Ensign*, Nôv. 1998, 71.
3. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 211.




Jereo ny Adiresy Feno

Jereo na henoy ny lahateny iray manontolon' ny Filoha Packer ao amin' ny seminary.lds.org/history/centennial.



Aza simbasimbaina fotsiny ireo taonan' ny fianarana seminera. Araraoty ilay fitahiana lehibe anananao ianarana ireo fotopampianaran' ny Fiagonana ary ireo fampianaran' ny mpaminany. Ianaro izay zavatra tena manan-danja.



NIVAVAKA MBA HAHAZO HERIMPO AHO

Mpikamban' ny Fiagonana ny ray aman-dreniko, saingy tsy dia mazoto izy ireo. Lasa miteraka disadsa izany indraindray satria izy ireo dia mihevitra fa ny fotoana natokana ho an' ny fianakaviana no mandeha alohan' ny zavatra hafa rehetra—alohan' ny fandehanana miangona, fanatanterahana ny antsoko, ary ny fanaovana zavatra hafa.

Noho izaho mpitarika ao amin' ny Kilonga sy mpikambana ao amin' ny amboarampeon' ny paroasiko dia indraindray mifanindry amin' ny andraikitro eo amin' ny fianakaviako izany. Indray andro rehefa niomana ny handeha hanatrika ny fampitana ny fihaonamben' ny Fiagonana tany amin' ny trano favorianay ao Antananarivo aho, dia nampahatsiay ahy ny ray aman-dreniko fa hanambahiny izahay.

"Tsy maintsy misafidy ianao, na ny fianakaviana na ny Fiagonana," hoy ny reniko tamiko. "Na ianao miaraka mijanona aminay eto dia tsy mijery ny fihaonambe na ianao mandeha mijery ny fihaonambe ary hahazo sazy."

Nanapa-kevitra ny tsy hifandritra tamin' ny reniko aho. Fa kosa naka fotoana kely nangatahana ny Ray any an-danitra mba hanome ahy herimpo sy tanjaka. Nangataka azy koa aho mba hanampy ahy hahafantatra ny tokony hatao. Tokony hijanona ato an-trano miaraka amin' ny fianakaviako ve aho sa handeha ho any am-piagonana hihaino ny feon' ny mpaminany?

Raha vao vita ny vavaka nataoko dia afaka nahatsapa ny Fanahy Masina aho. Afaka nahatsapa ny Fanahy

aho izay namporisika ahy hiteny tamin' ny reniko fa tena zava-dehibe ho ahy ny mandeha any sy mihaino ny mpaminany. Nahatsapa aho fa tokony hiteny aminy hoe hahazo torohevitra tsara aho tsy ho an' ny fainako ankehitriny fotsiny fa ho an' ny hoaviko koa.

Afaka manao zavatra mahagaga Andriamanitra ary nanalefaka ny fon' ny ray aman-dreniko izy mba hamela ahy handeha hijery ny fihaonamben' ny Fiagonana ka tsy hanasazy ahy. Zavatra niainana niavaka teo amin' ny fainako izany. Izany dia nanamafy tamiko ny

fahamarinan' ilay soratra masina milaza hoe: "Amin' ny herin' ny Fanahy masina dia azon[tsika] fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra" (Môrônia 10:5).

Fantattro fa raha mampifotora ny zavatra ataontsika amin' ireo fitsipiky ny filazantsara isika ary mihaino ny Fanahy dia afaka ny ho faly foana amin' ireo safidy ataontsika. Izany zavatra niainana izany dia nanamafy orina ny fijoroako ho vavolombelona fa eo Andriamanitra ho antsika ary manampy antsika eo amin' ny fainantsika ny Fanahy Masina. ■

Fy Tianarivelo, Madagasikara

*Raha vao vita ny
vavaka nataoko dia
afaka nahatsapa
ny Fanahy aho
namporisika ahy
hiteny tamin' ny
reniko fa tena
zava-dehibe ho
ahy ny mandeha
any sy mihaino
ny mpaminany.*



ILAY TOERANA TOKONY HISY AHY

Talohan' ny naha-mpikamban' ny Fiagonana ahy dia feno fahorianana ny fainako. Taorian' ny nisarahan' ny ray aman-dreniko fony aho fito taona, dia nigadra ny raiko. Mpisotro toaka be ny reniko ary namoy ny zava-drehetra izay nanan-danja taminy. Nalefa nipetraka tany amin' ny fianakaviana mpandray ankizy aho.

Noho ireo zavatra ireo dia lasa lehibe haingana kokoa noho ny ankamarooan' ireo izay mitovy taona tamiko aho. Tsy mba tena nahatsapa velively aho hoe afaka nahita ny toerana tokony hisy ahy ary noho izany dia nanana toetra mpikomy foana. Fony aho tena mbola ankizy dia nanomboka nifoka sigara sy nanao zavatra hafa izay takatro ankehitriny fa mifanohitra amin' ny Tenin' ny Fahren-drena. Azoko antoka fa natao ho tsy hahomby aho eo amin' ny fainana.

Ny zavatra iray nahitako fifaliana dia tao anatin' ny fanampiana olona—na izany manadio miaraka amin' izy ireo na mihaino ny tantaram-piaiany. Naniry mafy aho ny mba hahafataran' ny olona fa afaka miantehitra amiko izy ireo. Indray taona izay nandeha nanao fialan-tsasatra aho ary nihaona tamin' ny vehivavy iray efa lehibe ka dia nanapa-kevitra ny hanompo amin' ny alalan' ny fihainoako azy. Kristiana izy ary nanomboka niresaka momba ny finoana tamiko.

Tsy mba tena nino an' Andriamanitra velively aho. Nisy fotoana rehefa nieritreritra aho fa *mety* misy Izy, dia nanome tsiny Azy aho noho ireo zavatra sarotra niainako. Saingy rehefa nanomboka namaritra tamiko ny lanjan' ny fananana finoana an' Andriamanitra ity vehivavy ity, dia hitako fa lasa eritreritra aho. Talohan' ny nandehanako dia nilaza zavatra izay tena nahaliana izy: "Manaraka ny didin' Andriamanitra ny Môrmôna."

Mbola tsy nahare mikasika ny Môrmôna velively aho, ka dia nandeha nody sy nampiasa internet ary nanao fikarohana. Tonga teo amin'

ny Mormon.org aho ary nanafatra tahadika irain' ny Bokin' i Môrmôna izay maimaim-poana. Naterin' ny misiônera izany andro vitsivitsy taty aoriana.

Tsy natoky aho afaka manomboka mino an' Andriamanitra, saingy ny misiônera dia nanampy ahy hahita fa tsy hoe afaka mino Azy fotisny aho fa afaka mahafantatra Azy koa. Rehefa nanomboka nivavaka sy nandalina ny Bokin' i Môrmôna aho, dia nahita ny tenako tao anatin' ny dia mahafanitra iray izay mitondra any amin' ny fitadiavana fifaliana. Niala sigara aho. Natsahatroy ny fanomezan-tsiny an' Andriamanitra ary nanomboka nisaostra Azy aho noho ireo zavatra tsara teo amin' ny fainako. Lasa nahafantatra aho fa ny Zanakalahiny dia nijaly ho an' ny fahotako sy ny fanaintaina rehefa nihatra tamiko hatrizay. Natao batisa tao amin' ny Fiagonana aho tamin' ny 28 Óktôbra 2007.

Raha tsy niaina manokana mihitsy an' ilay fiovana avy eo amin' ny hadisoam-panantenana nankany amin' ny fifaliana aho, dia tsy ho nino aho hoe ho tanteraka izany.

Nilaza zavatra izay tena nahaliana izy: "Manaraka ny didin' Andriamanitra ny Môrmôna."

Ankehitriny dia tiako ny antsoko ao amin' ny Kilonga ary feno fankasitrahana aho noho ny fananako fahafahana manampy amin' ny famolavolana tetik' asa fanompoana iray mandritra ny fihaonamben' ny tanora tokan-tena ao Pologne. Ny fananana fahafahana nanampy tsy tapaka ny hafa tamin' ny alalan' ny asa fanompoana tao amin' ny Fiagonana dia nampitombo ilay fifaliana izay hitako tao amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Ny zavatra rehetra ataoko ankehitriny dia ataoko amin' ny fitiavana madio noho i Jesoa Kristy. Izaho dia mino fa tsara ny fainana ary na dia amin' ny fotoana ananantsika olana aza, rehefa manaraka ny Mpamonjy isika dia tsy ho very.

Marina ny an' ilay vehivavy nihaona tamiko: ny fananana finoana an' Andriamanitra *dia* zava-dehibe. Tsy mahita ny toerantsika eto amin' ity izao tontolo izao ity isika raha tsy mahafantatra Azy. Feno fankasitrahana aho noho ny fananako toerana tao amin' ilay tokony hisy ahy ihany tamin' ny farany. ■

Dorota Musiał, Pologne



LAZALAZAO ANAY NY MOMBA NY FIANGONANAO

Raha nanao dia hamangy ny ana-dahiko aho, dia nipetraka tany amin' ny sezan' ny fiaramanidina tany aoriania izay nipetrahan' ireo mpiasa mikarakara ny mpandeha ao anaty fiaramanidina. Mifanatrika ireo laharan-tseza roa tao amin' izany faritra izany.

Nampahfantatra ny tenako tamin' ireo olona nipetraka nanodidina ahy aho, dia nilaza fa handeha hianatra ao amin' ny Oniversiten' i Brigham Young. Nilaza ilay lehilahy nipetraka teo am-pitako fa ny zanany vavy dia nanana namana akaiky azy izay vao nandeha nanao asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra. Nahafantatra kely momba ny Fiagonana ny zanany vavy saingy izy dia tsy nahalala na inona na inona. Tonga dia nanambara ilay mpiasa mikarakara ny mpandeha ao anaty fiaramanidina fa tsy te ho mpikamban' izany "fiangonana" izany izy satria tsy manome toerana ho an' ny vehivavy izany. Nilaza ilay lehilahy fa naheno zavatra mitovy amin' izany koa izy—hoe ny vehivavy Olomasin' ny Andro Farany dia raisina ho ambany kokoa noho ny lehilahy ary tsy afaka mihazona ny fisoronana na miahys favoriana ary anjakan' ny lehilahy ny Fiagonana.

Dia nitodika tany amiko izy ary nanontany hoe: "Inona no hevi *trao* mikasika izany?" Nitodika tany amiko daholo ireo olona fito ary niandry.

Nanomboka nidoboboboka ny foko. Fony aho ankizy dia nianatra tsianjery ny Fanekem-pinoana mba ho an' ny fihaonana aman' olona toy izany ary rehefa lasa zatovo sy tanora mpitovo aho dia nanao fanazaran-tena njoro ho vavolombelona momba ny fahitan' i Joseph Smith sy ny Bokin' i Môrmôna. Saingy tsy nanana hevitra na dia kely aza mba hamaliana ny fanontanian' ilay lehilahy. Nivavaka tamim-pahanginana tamin' ny Ray any an-danitra aho mba hitarika ahy.

Dia nolazaiko ny teny voalohany tonga tao an-tsaiko: "Tsy fantatrareo

fotsiny ny momba ny Fikambanana Ifanampiana." Ny fijerin' izy ireo dia naneho fa tsy nahafantatra momba izany izy ireo.

"Ny fisoronana dia miasa amin' ny alalan' ny fifandraisany amin' ny vehivavy, izay mpikambana ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana daho," hoy aho nanazava. "Manana vehivavy iray filohan' ny Fikambanana Ifanampiana izahay izay mitarika ireo fiaraha-mientana ataon' ny vehivavy ao amin' ny Fiagonana manerana an' izao tontolo izao. Ny andraikiry ny vehivavy dia ny maneho fitiavana sy fiantrana eo amin' ny fainan' ireo mpikambana ary indrindra eo amin' ny fainan' ireo fianakavany."

Nihaino ahy tsara ireo olona nanodidina ahy.

"Miaina ao anatin' ny fotoana ha-fahafa iray isika izay ahitana vehivavy sasantsasany te hanao fihetsika sy te

hieritreritra toy ny lehilahy. Saingy mino izahay fa mizara andraikitra Andriamanitra. Izahay dia manantena ny vehivavy ho mpitarika eo anivon' ireo vehivavy ary vehivavy mifampizara andraikitra amin' ny hafa ao amin' ny tokantranony. Miankina be dia be aminay ny lehilahy mba hahazo hevitra mikasika ireo lafin-javatra ireo. Fifandanjana ara-drarinny izany. Miteraka fahombiazana eo amin' ireo rafitry ny Fiagonanay izany ary eo amin' ny tokantranony. Ary izahay dia mino marina fa tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy, ary tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy ao amin' ny Tompo (jereo ny 1 Korintiana 11:11). Izahay dia mino fa tsy feno izahay raha tsy eo ny andaniny sy ny ankilany. Izahay dia tsy mino fa nohariana mba hifandinana isika fa mba hifameno."

Nahatsiaro ho voatahy aho rehefa nahavita niteny an' izany. Fantatro fa

Nolazaiko ny teny voalohany tonga tao an-tsaiko: "Tsy fantatrareo fotsiny ny momba ny Fikambanana Ifanampiana."



ireo teny izay nolazaiko dia avy amin' ny Fanahy. Toa samy afa-po tamin' ny fanazavako daholo ny olona tsirairay. Dia nilaza ilay lehilahy hoe: "Lazala-zao aminay bebe kokoa ny momba ny fiangonanao."

Dia nanana fahafahana nahafinatra niresahana momba ny Famerenana tamin' ny laoniny, sy namaliana fanontaniana ary njoroana ho vavolombelona momba ilay filazantsara izay tiako aho tao anatin' ny adiny roa manaraka. ■

Shauna Moore, Virginie, Etazonia

HISAFIDY NY ASA VE AHO SA NY FIANGONANA?

Nivady tao amin' ny Tempolin' i Tokyo Japon izaho sy ny vadiko tamin' ny 1981. Tsy mora tamin' ny voalohany ny fiainanay taorian' ny fanambadiana. Feno fankasitrahana aho noho ny fananako asa saingy sahirana izahay nanenjika ny vola ilainay. Nangetaka fanampiana tamin' ny Ray any an-danitra izahay ary nanao izay vitanay mba hivelomana amin'

izay eo am-pelatanana sy handoavana ny fahafolokarena.

Fantatray fa raha matoky ny Tompo izahay dia hanome izay ilainay Izy.

Tao anatin' ny herinandro anankiray dia samy nitondra zavatra kely nohetezana avy tao amin' ny gazety ny vadiko sy ny namako. Tolotr' asa iray mitady mpampianatra Anglisy mandritra ny fotoana feno izany.

Nandefau curriculum vitae tany amin' ilay orinasa aho ary nangata-hany mba ho tonga hanao tafa sy dinika. Tany amin' ny faran' ilay tafa sy dinika dia nilaza ilay mpanao tafa sy dinika hoe: "Nosoratanao tato amin' ny curriculum vitae momba anao fa nanao asa an-tsitrano mba ho misiôneran' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ianao. Midika izany fa miangona ianao isaky ny alahady sa tsy izany? Raha toa ka mila manapa-kevitra ianao hoe hiangona sa hiasa isaky ny alahady dia inona no hofidiana?"

Fanontaniana sarotra izany satria nila asa tsara kokoa aho. Saingy tao-rian' ny fisaintsainana kely dia namaly aho hoe: "Handeha hiangona aho."

Hoy ilay mpanao tafa sy dinika niaraka tamin' ny tsiky hafahafa hoe: "Hay! azoko." Dia nalefany aho niaraka tamin' ny fampantanenana fa handray fanapahan-kevitra ny ori-nasany ny harivan' iny ary tokony hiantso aho hahafantarana ny vokany. Rehefa nandao an' ilay efitrano aho dia nieritreritra hoe tsy nahomby.

Rehefa harivariva tamin' izay dia tonga ilay fotoana iantsoana. Niantso tamim-pahatahorana lehibe ny nome-raon' ilay orinasa aho.

"Nanao ahoana ny valin' ilay tafa sy dinika?" Hoy aho nanontany an' ilay sekretera. "Tsy nahomby aho sa tsy izany?"

Gaga aho nefafaly tamin' ilay valinteniny.

"Te hangataka anao hiasa ho anay izahay," hoy izy.

Iray volana teo ho eo taty aorianana dia fantatroy ny antony nahazoako ilay asa. Nanazava ilay sekretera fa ilay mpanao tafa sy dinika dia nipetraka tany akaikin' ireo misiônera Olomasin' ny Andro Farany manao asa fitoriana amin' ny fotoana feno. Matetika izy no mahita ireo misiônera mandeha hain-gana rehefa mitaingina ny bisikiletany hamony ny asany amin' ny maraina.

"Nino izy fa noho ianao



Nanontanian' ilay mpanao tafa sy dinika aho hoe: "Raha toa ka mila manapa-kevitra ianao hoe hiangona sa hiasa isaky ny alahady dia inona no hofidiana?"

mpikambana ao amin' izany fiangonana izany, dia hiasa mafy ho anay toy ny fiasan' ireo misiônera ho an' ny fiangonany," hoy izy. "Tsara vintana ianao!"

Nanomboka tamin' izay dia nanana izay nilainay foana ny fianakavianay.

Isaky ny mieritreritra an' izany zavatra miavaka niainana izany aho dia mahazo famporisihana sy fanka-herezana. Fantatroy fa matetika Andriamanitra mampiasa olona hafa mba hitahiana ny zanany. Tena mbola tsy ampy ny fanehoako fankasitrahana ny vadiko sy ny namako noho ny fanentanam-panahy azon' izy ireo mba hitondra ilay gazety misy tolotr' asa tany amiko, ary fankasitrahana an' ireo misiônera miasa mafy sy ny ohatra asehony, ary fankasitrahana an' ilay Raitsika any an-danitra be famindram-po sy fitiavana ary feno fikarakarana, izay manana hery mahagaga hanolorana ireo toe-javatra iainantsika mbaahasoa antsika. ■

Kenya Ishii, Japana

Fahadiovam-pitondrantena

AO ANATIN' ILAY IZAO TONTOLO
IZAO MALOTO ARA-PITONDRACTENA

Nihaona tamin' ny vondron' ny tanora mpitovo sy mpi-vady vao avy amin' ny faritra samihafa eto amin' izao tontolo izao ny gazetibokin' ny Fianganana mba hisanakalo hevitra momba ireo olana sy fitahiana avy amin' ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena ao anatin' ilay izao tontolo izay tsy manome lanja—ary manarabiraby ny fahadiovam-pitondrantena mihitsy aza. Hitanay fa nanome hery sy nanentana ny fanahy ny fisanakalozankivitra izay malalaka sy ara-drariny sy tamin-kitsimpo nataon' izy ireo ary manantena izahay fa ianareo koa dia mba hahita avy amin' ireo fanehoan-keviny zavatra izay hanampy anareo hanome lanja ny fahamasinan' ny fanambadiana sy ny firaiana ara-no.

Inona avy ireo fahamarinan' ny filazantsara izay manampy hitoetra ho madio ara-pitondrantena eo anatrehan' ireo olona maro izay miezaka manamarina ny fahalotoam-pitondrantena.

Martin Isaksen, Norvège: Ny soratra masina dia milaza hoe tokony hadio ara-pitondrantena. Izay dia ampy ahy.

Lizzie Jenkins, Californie, Etazonia: Fahadiovam-pitondrantena. Miaina mifanaraka amin' izany ianao. Fomba fainana izany.

Liz West, Angleterre: Ny fahatakarana hoe iza moa aho ary ny fahatakarana hoe misy zavatra hafa bebe kokoa eo amin' ny fainana noho izao ankehitriny izao ary noho iny indray alina iny fotsiny, dia nanampy ahy be tokoa. Ny draftry ny famonjena—dia tena manampy—na dia tsy afaka nanazava izany mazava tsara aza aho fony mbola zatovo. Zavatra tena tsara ilay foto-kevitra ijoroan' ny fanambadiana mandrakizay. Rehefa takatry ny

olona izany fanoloran-tena izany dia tsapany fa tena mahagaga ilay hoe napetrak' Andriamanitra ho ao anatin' ny fianakaviana isika ary nomeny didy isika tsy hoe mba hiarovana antsika fotsiny fa mbaahasambatra antsika koa. Rehefa miaina ireo fitsipika ireo aho ary mizara izany amin' ny namako amin' ny alalan' ny filazana hoe: "Tsy hisotro aho" na "tsy handeha ho any amin' izany fety izany aho" na "tsy hanao izany zavatra izay aho", dia hajain' izy ireo. Farany dia lasa miaro ahy indray izy ireo. Hery lehibe ny fahatakarana fa manan-danja aho amin' ny maha zanak' Andriamanitra ahy ary ny Ray any an-danitra dia mahafanta tra hoe iza aho ary mikarakara ahy izy raha ny marina.

Anna (Anya) Vlasova, Russie: Manampy be dia be ahy ny fieritre-retana fa tadifitra ao anatin' ny fianakavian' ny lanitra iray aho. Tiako ary hajaiko Andriamanitra ary tsy tiako ho menatra Izy noho ireo safidy izay ataoko.

Kaylie Whittemore, Floride,

Etazonia: Izaho dia mihevitra tanteraka fa ny fahatakarana ny mahamasina ny fianakaviana dia nanome ahy fahavononana hiaina ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena. Ny zavatra anankiray hafa dia ny fahatsapana fa rehefa mandika didy iray isika dia misy vokany ratsy izay tsy tiako hiainana.

Falande (Fae) Thomas, Haïti:

Izaho dia nieritreritra mafy ilay zavatra lazain' ny olona manao hoe: "Nahoana ianao no hiandry rehefa afaka mahazo ny zava-drehetra ankehitriny?" Saingy nanontany tena aho hoe hafiriana moa ny faharetan' izany karazana fifaliana izany. Aleoko miaina ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena ary hahazo fiadanana amin' ny farany.

Hippolyte (Hip) Kouadio, Côte d'Ivoire:

Ny iray amin' ireo zavatra izay manampy ahy be tokoa dia ny fanambarana ho an' ny fianakaviana: "Ambaranay . . . fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin' ny fananahana."¹

Ny zavatra iray hafa izay manampy dia ny fomba fampianaran' ny Rahalahy antsika ny fahadiovam-pitondrantena. Mampitandrina antsika mikasika ny fomba fiantombohan' ny tsy fahadiovam-pitondrantena izy ary mampianatra antsika fa rehefa manararaotra ny vatana isika dia manararaotra ny fanahy. Ny Loholona Jeffrey R. Holland dia nampianatra fa ny Mpamony dia nanonitra ilay sary mba hahazoantsika indray

"Nanonitra ilay sarany mba hahazoantsika indray andro any vatana nitsangana tamin'ny maty ny Mpamony. Ny fomba ahafahantsika maneho fankasitrahana noho ilay sarany nonerany dia amin' ny alalan' ny fihazonana ny vatan-tsika ho madio."

andro any vatana nitsangana tamin' ny maty. Ny fomba hanehoantsika fankasitrahana noho ny fanonerany izany dia amin' ny alalan' ny fihazonana ny vatantsika mba hadio.²

Liz: Mahatsiaro resaka manokana izay nifanaovako tamin' ny olona iray aho fony teo amin' ny faha-15 taonako teo. Niresaka momba ny tsy finoako ny tokony hisian' ny firaisansara-nofo alohan' ny fanambadiana izahay ary tsaroako izy nilaza hoe: "Eny e! Saingy ahoana raha miseho fotsiny izany? Ahoana raha toa ao anatin' ilay alina iray ianao, mba te . . . fotsiny?" Saingy fantattro fa nanana safidy aho. Tsy misy zavatra "mitranga" fotsiny izany.

Tena mahagaga ho ahy ny fanomezan' ny Ray any an-danitra antsika ny fahafahana misafidy sy ny didy mba hanafahana antsika ary i Satana dia manao izay azony atao mba hamatorana sy hameperana antsika. Ireo fotoana izay noresahan' ny namako eto dia mikasika ny hoe mety hisian' ny zavatra "hitranga" any amin' ny fetysy rehefa nisotro ny olona dia mandeha tsiroaroa avy eo. Noho izany dia tsy mirotsaka ao anatin' ireny toe-javatra ireny aho. Ny safidy dia tsy tokony hatao any amin' ny farany rehefa hiteny hoe eny na tsia ianao. Efa vitaina aloha ny safidy rehefa manontany ny tenanao ianao hoe: "Handeha ho any amin' ilay fetysy ve aho?"

Maro ny olona izay rehefa tsy mieritreritra ilay zavatra mialoha ary tsy mieritreritra ny vokany no hanao izay tiany hatao ao anatin' ilay fotoana. Saingy raha toa ianao milaza hoe, "Izao no tiako ho vokany amin' ny farany, noho izany dia hanao ireto safidy ireto aho," dia tsy ho tratran' ny olana maro ianao.

Niresaka momba ny fahafahana misafidy sy ny didy ianao. Saingy moa ve ireo fanelempihavanana—fanekempihavanana' ny batisa na fanelempihavanana' ny tempoly—manampy anao hiaina ireo fitsipikao?

Fae: Mieritreritra ny fainana tahan' ny nanaovana batisa ahy aho sy ny fahatakarana bebe kokoa ny

fainana ankehitriny rehefa nanao fanelempihavanana aho. Tena mahavariana ny fomba ahafahantsika ho voavela heloka noho ny Sorompanavotana. Rehefa mahatsiaro ny fanelempihavanana aho dia mieritreritra ny fomba ahafahako mibebaka sy ho lasa tsara kokoa ary handroso hatrany.

Anya: Any amin' ny tempoly indrindra indrindra no ahitanao ilay tanjona mandrakizay. Ny tempoly dia manampy anao hieritreritra momba ny mandrakizaina fa tsy ny androany fotsiny, dia manao safidy tsara ianao.

Lizzie: Isika dia mino ny ankamaroan' ny fotoana fa ny firaisansara-nofo dia ratsy, nefo tsy izany mihitsy. Tsy maintsy ankatoavin' ny fahefana marina fotsiny izany, sy atao amin' ny fotoana tokony hanaovana azy ary miaraka amin' ilay olona tena izy. Izany no votoatin' ny fanelempihavanana. Manao fanoloran-tena ianao. Milaza ianao hoe: "Tena vonona handray ity dingana ity aho eo amin' ny fainako." Manampy ahy ny fanelempihavanana satria fantattro fa manao zavatra mifanaraka amin' izay tokony hataoko aho. Ary fantattro fa raha manao izay tian' ny Ray any an-danitra hataeo aho dia ho faly kokoa Izy.

Jonathan Tomasini, France: Ho toy ny tsy mahatoky eo anatrehan' ny tenako sy eo anatrehan' Andriamanitra aho raha toa ka mandika ny fanelempihavanana. Ny fanelempihavanana' ny fanambadiana dia manampy ahy hahita fa izaho dia te hanolotra ho an' ilay vehivavy vadiko olona iray izay manana fifehezan-tena, sy nanoman-tena mba ho vady tsara ary nitandrina ny tenany ho madio.

Maro ireo fanehoan-kevitra eto amin' izao tontolo izao—izay ny ankamaroan' izy ireo dia toa mandresy lahatra sy sarotra tsikeraaina—mikasika ny maha lany andro ny fahadiovan-pitondrantena. Inona avy ireo fanehoan-kevitra henonao ary inona no fihetsika nasehonao tamin' ireo izay mihantsy ny fitsipikao?

Lizzie: Nandritra ny taona farany nianarako tao amin' ny sekoly ambaratonga faharoa dia tsaroako



NY FITSIPIKA SY NY FA- NALAHIDY

"Ny fitsipika dia mijanona hoe

tsy manao firaiana ara-nofo alohan' ny fanambadiana ary fahatokiana tanteraka ao anatin' ny fanambadiana. Kanefa dia samy hafa amin' ny an' izao tontolo izao ny antsika, na dia hambaniana aza ny fitsipika arahantsika, na dia miroboka ao anatin' ny fakam-panahy aza ny hafa dia tsy hiroboka isika ary tsy afaka hiroboka. . . .

"Manana ny fanomezana ny Fanahy Masina izay nomena anao ianao. Hisy ireo bitsika fanehoana fankatoavana na fampitandremana rehefa misy fanapahan-kevitra tianao ho-raisina. Ny Fanahy Masina dia afaka mitarika anao hanalavitra ny ratsy ary mitondra anao miverina raha nirenireny ianao ary tsy nahita ny lalanao. Aza adino fa zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ianareo. Tsy afaka ny hanagadra anao mandrakizay i Satana. Manana foana ny fanalahidin' ny fibbahana ianao mba hamohana ny varavarana' ny fonja."

Filoha Boyd K. Packer, Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "The Standard of Truth Has Been Erected," *Liahona*, Nôv. 2003, 26.

ny mpampianatra iray izay nanome "torohevitra" ho anay. Vao nahavita ny sekoly ambaratonga faharoa izy dia tonga dia nanambady ary ratsy fiafara na izany, saingy nolazainy marina taminay fa "maro ireo trondro ao an-dranomasina." Ny tiany holazaina dia hoe maro ireo zavatra azontsika andramana, ary maro ireo olona azo andramana iarahana. Tsaroako fa tafintohina aho satria nahateny izany ilay mpampianatra ahy. Nanomboka tamin' izay fotoana izay dia nieritreritra aho hoe, eny tena maro tokoa ny olona saingy tsy mila olona maro aho.

Jonathan: Nisy olona iray fantatro nilaza fa rehefa miaraka aman' olona izy dia te hahafantatra raha toa ka fa mifandanja tsara amin' izany olona izany izy eo amin' ny lafin' ny firaiana ara-nofo. Ny ohatra iray nozarainy dia ilay fiarahany tamin' ny lehilahy iray izay tiany ary rehefa lasa mpisakaiza izy ireo dia tsy tsapany hoe afaka miaraka izy ireo ary tsy nahomby ny fiarahan' izy ireo. Nampiasainy izany zavatra niainany izany mba hanohanany ny heviny ary toa saika nampino izany. Tamin' ny farany dia nohazavaiko taminy hoe afaka mifankafantatra tsara amin' ny fomba hafa ianareo ary raha manao izany ianareo ary manorina fahatokiana rehefa miaina ny lalân' ny fahadiovam-pitondrantena dia hisy fahafaha-miaraka bebe kokoa rehefa mivady ianareo.

Anya: Ny hevitra tena iraisan' ny ankamaroan' ny olona izay henoko foana dia ny hoe rehefa mifankatia fotsiny ny olona roa dia ekena! Ny firaiana ara-nofo dia fanehoam-pitiavana fotsiny ihany.

Martin: Ny tenin' ny Filoha Spencer W. Kimball no zavatra tonga ao an-tsaike rehefa maheno ilay fialan-tsiny hoe, "Mifankatia izahay" aho. Nilaza izy fa matetika mihtisy ilay faniriana mafy te hanao firaiana ara-nofo no miditra an-tsokosoko ao an-tsaina rehefa mieritreritra ny olona fa mifankatia lalina izy ireo.³ Izay no zava-mitranga ho an' ny olona maro rehefa manao firaiana

ara-nofo alohan' ny fanambadiana izy ireo: Misy faniriana mafy te hanao firaiana ara-nofo ao na dia mieritreritra aza izy ireo fa mifankatia. Raha toa ka tena nifankatia tokoa izy ireo dia tokony ho nifanaja sy nifanohana ary nahatakatra fa misy ny fotoana hanaovana firaiana ara-nofo. Ary ho ahy ny firaiana ara-nofo alohan' ny fanambadiana dia mampiseho fa tsy tena hifanohana mafy araka ilay fieri-treretanareo azy ianareo. Satria raha tsy afaka mifanampy mba hiaina ny fitsipikareo ianareo ankehitriny, dia ahoana moa no fomba hifanohanana-reo any aoriana?

Kaylie: Ny olona sasany izay tsy mino an' Andriamanitra dia maha-tsapa fa ny Baiboly sy ny lalân' ny fahadiovam-pitondrantena dia nilaozan' ny toetr' andro. Tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa aho dia nanana namana izay tena tsy nino an' Andriamanitra na mihevitra fa ny olona dia tsy afaka mamantatra hoe misy Andriamanitra na tsy misy—ary nanana namana iray aho izay tsy tena nino loatra ireo fampianarana avy ao amin' ny finoany. Niaina fotsiny araka izay nitiavany azy izy sy izay tsapany fa nety taminy. Ny firaiana ara-nofo araka ny heviny dia fahafinaretana ho an' ny tena ary izay zavatra mametra izany fahafinaretana izany dia tsy ilaina.

Taitra ilay namako araka ny eritretritro fa nino ny Baiboly sy ny didin' Andriamanitra aho, saingy niezaka aho nanampy azy hahatakatra fa tsy zavatra mifono famerana ny didy. Iainako izy ireo satria mitondra fifaliana ho ahy. Na dia tsy nitovy hevitra aza izahay dia najainy aho ary nijanona ho mpinamana be izahay.

Liz: Ireo fanehoan-kevitra rehetra ireo dia misy valiny ao amin' ny fitsipika fototry ny filazantsara. Rehefa mino ianao fa misy Andriamanitra, rehefa mino ianao fa misy drafitra lehibe, rehefa mino ianao fa misy ny fahatsapana ho tompon' andraikitra, rehefa mino ianao fa misy olona tia anao any ary mieritreritra ny momba anao, ary rehefa mino ianao fa manana lanjany

anaty satria zanak' Andriamanitra—dia tena handray ny tenanao ho manan-danja ianao ary hanaja ny vatanao. Rehefa tsy mahafantatra na mino ireo fitsipika ireo ny olona dia mandeha any amin' olon-kafa sy any amin' ny toerana hafa izy ireo mba hamantarany ny maha izy azy.

Inona avy ireo hery nitarika na ohatra izay nanampy anao hanolo-tena hiaina ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena?

Hip: Nanana namana iray nifampizara efitrano iray tamiko aho ary efa nifamofo tamin' olona izy. Indray andro dia niresaka momba ilay fanambadiany atsy ho atsy izahay ary nisy olona iray nanontany hoe: "Inona avy ireo fanoloran-tena izay eritreretinareo roa fa hanampy anareo ho matanjaka?" Ny valinteniny dia hoe: "Mety hanimba ny fiarahanay ny tsy fanajana ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena." Noho izany dia nanapa-kevitra izahay fa tsy hanao zavatra izay mety tsy hahazoanay aina ny fanaovana azy eo anoloan'

ny eveka na ny ray aman-dreninay." Mbola misy fiantraikany amiko izany hatramin' izao.

Jonathan: Noho izaho efa tanora mpitovo ankehitriny dia mora kokoa ny mihibaino ireo mpaminany sy misaintsaina mikasika ireo zavatra izay lazain' ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana. Alohan' izany anefa dia mihevitra aho fa misy andraikitra maro izay tokony hiantsohan' ny ray amandrenintsika sy fianakavantsika. Ny Fiangonana dia afaka manome fampahalalana sy zavatra lehibe hafa, saingy ireo ohatra avy amin' ny fianakaviako dia tena nanampy ahy hahatsapa fa ny filazantsara dia zavatra tsara ary mitondra hafaliana ho antsika.

Liz: Rehefa nihalehibe aho, ny mpi-kamban' ny Fiangonana nitovy taona tamiko izay mba akaiky indrindra dia nipetraka adiny iray sasany avy teo amin' ny nisy ahy. Saingy ny zavatra tena ankasitrahako dia ny hoe, na dia tsy nisy afa-tsy izaho irery aza, dia tonga tamin' ny fiaraha-mientana ifampizarana ireo mpitarika ahy. Tonga nannatika ny seminera foana izy ireo ary tonga nampianatra ahy foana—isaky ny tonga ny fotoana. Tsy mbola niteny velively izy ireo hoe: "Eny ary! Tsy manana afa-tsy mpianatra iray isika ka dia tsy hianatra isika androany." Mazava ho azy fa nianatra zavatra maro aho, saingy ny zavatra tena tsaroako dia ny tsy fanapahan' ireo mpitarika ahy ireo ny fanaovana izany. Ary noho izy ireo dia nanana fahafahana nahatsapa ny Fanahy aho.

Mihevitra aho fa tsy ho vitantsika velively ny haneho fankasitrahana tanteraka ny fanomezana ny Fanahy Masina. Na dia nanana ny ray amandreniko sy ny fianakaviako ary ireo mpitarika ahy aza aho, dia irery aho tany an-tsekoly. Saingy niaraka tamiko ny Fanahy. Noho izany na inona na inona mihazona ny Fanahy eo amin' ny fiainan' ny olona iray dia ho hery mitarika lehibe mba hanam-piana ilay olona hanaja ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena izany.

Lizzie: Ny iray amin' ireo hery mitarika lehibe indrindra nananako

dia ny fahazoako fijoroana ho va-volombelona manokana. Raha tsy mifotra mafy tsara ao amin' ny filazantsara ianao dia tena mora ny mandray lalana hafa. Saingy rehefa manomboka manao izay ananana fotra mafy orina iorenan' ny filazantsara ianao dia hanaraka ny zavatra hafa rehetra.

Hip: Rehefa te-hatanjaka arabatana ianao dia manao fanazaranten-a ary rehefa manao fanazaranten-a ianao dia mahazo vokany. Raha ampiharintsika eo amin' ny lafyny ara-panahy izany dia mila manao fanazaranten-a ara-panahy isika. Maro ireo zavatra izay tsy maintsy ataontsika ao anatin' ny fanazaranten-a ara-panahy, toy ny famakiana ny soratra masina sy ny fanaovana izay rehetra vitantsika mba hananana ny Fanahy. Mila mametraka tanjona tsara koa isika ary manao asa hanatrarrana ireo tanjona ireo. Saingy tsy afaka miasa irery isika mba hanatrarrana ireo tanjona ireo. Manana ny Tompo izay miaraka amintsika isika. Mahazo hery sy Fanahy avy Aminy isika mba handresena ireo olana. Dia afaka manaraka ny fian-gaviana nataon' ny Filoha Thomas S. Monson isika:

"Aza avela hanimba ny nofinofinao ireo zavatra mitondra firehetampo. Tohero ny fakam-panahy."

"Tsarovy ireo teny avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna hoe: 'Ny fahartsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana.'"⁴ ■

FANAMARIHANA

1. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Ensign*, Nov. 2010, 129.
2. Jerey ny Jeffrey R. Holland, "Of Souls, Symbols, and Sacraments," ao amin' ny *Brigham Young University 1987–88 Devotional and Fireside Speeches* (1988), 77–79.
3. "Ao anatin' ilay fotoana hanotana dia hadino ilay fitiavana madio ary miditra an-tsokosoko ny faniriana mafy hanao firaisana ara-nofo. Ilay fitiavana dia nosoloina fanirian' ny nofo sy firehetampo tsy voafehy. Lasa nekena ilay fotopampianaranana izay tadiavin' ny devoly mafy ho apetraka, dia ny hoe voamarina ny firaisana ara-nofo alohan' ny fanambadiana" (*Teachings of Spencer W. Kimball*, ed. Edward L. Kimball [1982], 279).
4. Filoha Thomas S. Monson, "Be Thou an Example," *Liahona*, May 2005, 113.



"Tsy raisiko ho toy ny zavatra mifono famerana ny didy. Iainako izy ireo satria mitondra hafaliana ho ahy."

“Inona no dikan’ ny hoe manaja ny fisoronan’ Andriamanitra?”

Ny fisoronana dia ilay hery izay entin’ ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy mananteraka ny Asany. Hery faran’ izay lehibe indrindra eto an-tany izany. Amin’ ny alalan’ ny fisoronana no hanatantehana ôrdô-nansy, hanomezana tsodrano, hanatantehana ny asa atao any amin’ ny tempoly, hitoriana ny filazantsara ary hanantosana fahagagana.

Solontenan’ ny Mpamonjy ireo mpihazona ny fisoronana, noho izany dia manaja ny fisoronana izy ireo amin’ ny alalan’ ny fanaovana izay zavatra mety ho nataon’ ny Mpamonjy raha toa Izy tety. Manaja ny fisoronana izy ireo amin’ ny alalan’ ny fananana fainana mendrika izany. Manaja ny fisoronana izy ireo amin’ ny alalan’ ny fiakanjony sy ny zavatra ataony, ny fiteniny, ny asa fanompoany ary ny eritreriny koa aza.

Afaka manaja ny fisoronana daholo isika amin’ ny alalan’ ny hanatantehana amim-pahatokiana ny antsotsika, amin’ ny alalan’ ny fanajana ireo izay mihazona ny fisoronana, amin’ ny alalan’ ny fanajana ny asa izay tontosain’ izany ary amin’ ny alalan’ ny fanajana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana izay hanampiany antsika ny fandraisana azy.

Miasà Toy ny Solontenan’ Andriamanitra



Rehefa manomboka mahatakatra isika fa tena zava-dehibe ny nanomezan’ Andriamanitra antsika izany fanomezana izany, dia ho lasa mora amintsika ny manaja ny fisoronana: manaoa asa amim-pankasitrahana ary hajao ilay hery izay nomena anao. Manontania tena hoe: “Raha toa ka mahafantatra ny olona rehetra manodidina ahy fa mihazona ny herin’ Andriamanitra aho, dia hieritreritra bebe kokoa Azy ve izy ireo sa zara

raha hieritreritra Azy?” Izany no atao hoe manaja ny fisoronana—mahatsapa fa solontenan’ Andriamanitra ianao ary manao izay tsara vitanao mba hanao zavatra amin’ ny fomba izay maneho fanajana ny fitokisana napetraka teo aminao.

Mason R., 19 taona, Colorado, Etazonia

Aoka lanao ho Tsara Toetra



Amin’ ny maha-zatovovavy ahy dia afaka miteny aho hoe tsy mila manaja ny fisoronana. Saingy tena mila manaja izany ny zatovovavy rehetra. Manaja ny fisoronana isika amin’ ny alalan’ ny fanehoana hatsaran-toetra. Manaja ny fisoronana isika amin’ ny alalan’ ny fanampiana ny zatovolahy hanana eritreritra madio. Manao akanjo maotina isika ary mampiasa fiteny madio. Amin’ ny alalan’ ny fanaovana izany dia manampy ireo zatovolahy isika mba hanaja ny fisoronana. Noho izany dia manaja ny fisoronana koa isika.

Marisa B., 14 taona, Arizona, Etazonia

Ataovy ny Adidinao amin’ Andriamanitra

Ny fomba voalohany hanajana ny fisoronana raha araka ny hevitro dia ny fanaovana ireo zavatra izay mety ho nataon’ ny Mpamonjy Tenany raha toa Izy ka tety an-tany satria solontenan’ i Jesoa Kristy isika. Midika izany fa isika dia mananteraka ireo fanoloran-tena sy andraikitra, ary fampanantenana izay nataotsika tamin’ Andriamanitra rehefa notendrena ho ao amin’ ny fisoronana isika. Amin’ ny alalan’ ny fanajana ny fisoronana dia manarakana ilay didiny isika mba “[h]itsangana ary [ha]mirapiratra mba hahatonga ny fahazavan[tsika] ho faneva ho an’ ireo firenena” (F&F 115:5). Manampy ny hafa isika mba hahafantatra fa misy mpanompon’ Andriamanitra nomem-pahefana maro eto an-tany.

Bismarck B., 18 taona, Santo Domingo, République Dominicaine

Ny valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ny fotopampianaran’ ny Fianganana.

Manehoa Fanajana ny Fisoronana

Izaho dia mihevitra fa ny hoe manome voninahitra ny fisoronana dia ny fananana fanajana sy fahatokiana eo amin' ny fampiasana ny fisoronana. Rehefa manana mpikambana ao amin' ny Fisoronana Aharôna izay manaja ny fisoronana sy ny fanasan' ny Tompo ianao toy ny anananay an' izany koa ao amin' ny paroasinay dia afaka miaina karazan-javatra lehibe eo amin' ny fizarana sy fanomanana ny fanasan' ny Tompo. Manao lobaka fotsy miaraka amin' ny karavato avokoa izahay. Fantatray fa misy fiantraikany lehibe eo amin' ny paroasy izany ary nisy fiantraikany teo amiko. Fantatro fa ny fihazonana ny fisoronana no hany zavatra tsara indrindra niseho teo amin' ny fainako hatramin' izay.

Hansen B., 15 taona, Texas, Etazonia

Aza Mampandefitra ny Fitsipikao

Ny hoe manaja ny fisoronana koa dia midika hoe tsy mametraka ny tenanao ao anatin' ny toe-javatra izay fantatratra fa mety hampandeferanao ny fitsipikao. Rehefa nianatra ny Testamenta Taloha izahay tao amin' ny seminera dia nahita tao amin' ny Genesisy 39 ny ohatra nasehon' i Josefa tany Egypta izay nanaja ny fisoronany tamin' ny alalan' ny fanalavirany an' ireo fanangolena nataon' ny vadin' i Potifara.

Jeunes Soyez Forts ary manao akanjo maotina.

Joseph B., 16 taona, Texas, Etazonia

Tohano ny Fisoronana

Ny hoe manaja ny fisoronana ho ahy dia midika hoe manaja sy manohana ilay fanomezana izay nomen' ny Tompo azy ireo ny zatovolahy. Rehefa mahita zatovolahy iray manaja ny fisoronana aho dia mahatsapa fiadanana bebe kokoa ary manaja bebe kokoa

izany zatovolahy izany. Nomen' ny Ray any an-danitra ny fisoronana izy ka dia mahatsapa aho fa ny adidin' ny zatovolahy dia tsy hoe mihazona izany fotsiny fa manohana an' izany koa.

Melinda B., 16 taona, Washington, Etazonia


Tsarovy ny Mpamony



Ny fisoronana no hany herin' Andriamanitra marina eto an-tany ary mampiseho antsika ny lalana hiverenana any Aminy. Rehefa mieritreritra ny fanajana ny fisoronana isika dia mieritreritra ny fanarahana ireo fampianaran' ny Filoha Thomas S. Monson ary ireo Apôstôly hafa. Ny fomba tsara indrindra hanajana ny fisoronana dia ny manao ireo zavatra izay nampianarina antsika izay manome fahafahana antsika mba hahatsiaro ny Mpamony. Rehefa mahatsiaro Azy isika dia hijaraka amintsika ny Fanahiny. Ny fananana ny Fanahy dia manome fahafahana antsika mba hifikitra amin'

ny tanjona sy ho ohatra eo amin' ny fitsipiky ny filazantsara.

Kilasin' ny Sekoly Alahady: Kylie E., Jaiten B., Joseph E., Alexandra R., Kaylie V., Alisha F., and Haylee W. (tsy misy sary); Idaho, Etazonia



MASINA IZANY

"Ny zatovolahy sy zatovavvy . . . dia tokony hanaja ny [fisoronana] ary hahatsapa fa zavatra masina izany, . . . satria amin' ny alalan' ny fahamasinan' izany fahefana izany no hanatanterahana ireo ôrdônsin' ny filazantsara manerana an' izao tontolo izao ary any amin' ny toerana masina tsirairay rehetra ary tsy afaka ho tanterahana izy ireo raha tsy misy izany. Ireo izay mihazona izany fahefana izany koa dia tokony hanaja izany ao anatin'. Tokony hanana fainana ao anatin' ny fahamarinana izy ireo mba ho mendrika an' ilay fahefana izay narotsaka ao anatin' izy ireo."

Filoha Joseph F. Smith (1838–1918), Enseignement du Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith (1998), 144.

FANONTIANIANA MANARAKA

"Inona no tokony holazaiko amin' ireo tsy mpikamban' ny Fiangonana izay manontany hoe fa maninona ny sasany amin' ireo mpikambana ao amin' ny Fiangonana no tsy miaina ny fitsipika iainantsika?"

Alefaso alohan' ny 15 Nôvambra ny valinteninao any amin' ny liahona@ldschurch.org na any amin' ny:

*Liahona, Questions & Answers 11/12
50 E. North Temple St., Rm. 2420
Salt Lake City, UT 84150-0024, USA*

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

Tsy maintsy hita ao amin' ny e-mail na taratasy alefano ireo fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireo sy ilay fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatôka na distrika, (5) ny fanomezan-dalanao natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan' ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin' ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

AOKA IANAO
HO HENDRY ARY
HO NAMANA





**Nataon'
ny Loholona
Robert D. Hales**

Ao amin' ny
Kôlejin' ny Apôstôly
Roambinifolo

Mianara ary mikatsaha fahalalana sy fahendrena ao anatin' ny fahatanoranao. Ary ampaherezo sy ampanhanjaho ireo manodidina anao.

Raha tena tianao ny ho afaka hanana fainana tsara, dia haniry ny hanaraka ilay torohevitra hita ao amin' ny soratra masina ianao: "Mianara fahendrena amin' ny fahatanoranao, eny mianara ny hitandrina ny didin' Andriamanitra amin' ny fahatanoranao" (Almà 37:35). Azo fehezina araka izao manaraka izao ilay dingan' ny fianarana:

Manomboka amin' ny alalan' ny fahalalana fototra daholo isika rehetra. Ampantsika fahalalana izany miaraka amin' ilay fianarana azo avy any ampiaranana sy avy amin' ny famakiana. Ampantsika an' ireo zavatra niainantsika izany. Ary dia tonga eo amin' ny dingana fahaefatra isika: fahendrena. Eo izao tontolo izao no mijanona. Saingy manana zavatra izay tsy ananan' izao tontolo izao isika. Tao anatin' ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana dia nomena ny fanomezana ny Fanahy Masina isika. Ny fananana lalandava ny fanomezana ny Fanahy Masina mba hampianatra

sy hitarika antsika dia mifototra amin' ny fanehoantsika fahatokiana amin' ireo lalàna, sy ôrdônansy ary fane-kempihavanana izay ataantsika mandritra ny batisa, ary mifototra amin' ny fanoloran-tena ataantsika matetika mandritra ny favoriana fanasan' ny Tompo sy amin' ireo fanekempihavanana ny fisoronana sy tempoly. Ny Fanahy dia mitarika antsika mba hanao asa sy hanao zavatra. Manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy sy talenta daholo isika rehetra (jereo ny F&F 46).

Ny fahendrena ampiana fanomezam-pahasoavana ara-panahy dia mitondra fahatakarana ao am-po. "Ny voaloham-pahendrena dia izao; mahazo fahendrena; eny lanio ny fanananao rehetra hamidy fahalalana tsara" (Ohabolana 4:7). Zava-dehibe ny mamboly fahendrena sy fahatakarana ao anatin' ny fahatanoranareo.

Nisy zavatra niainana iray nadritra ny fahatanorako izay nampianatratra ahy mikasika ny fahendrena. Izaho dia ankizilahy niaina tany an-tanan-dehibe. Noho izany dia nalefan' ny raiko niasa tany amin' ny toeram-pambolena sy fiompian' ny dadatoako tany amin' ny faritra andrefan' i Utah aho. Rehefa tany aho dia tsy takatro velively hoe nahoana ireo omby ompiana izay manana safidy handehanana ao anatin' ilay tany mirefy an' arivony hektara no

manatsofoka ny lohany eo anelanelan' ireo tariby miranirany mba hihi-nana ny vilona any amin' ny faritra ilan' ilay fefy. Efa mba nieritreritra ve ianao hatramin' izay hoe tena mitovy amin' izany isika? Isika dia misisika ny handeha foana mba hahitana ny toerana ivelan' ny faritra farany azo aleha, indrindra mandritra ny fahatanorantsika. Amin' ny maha olombelona antsika—ilay olona araka ny nofo—dia mirona amin' ny fisishiana ny handeha hatreny amin' ilay tariby miranirany ary mampiditra ny lohantsika eo anelanelany. Nahoana no manao izany isika?

Afaka mahazo fifaliana lehibe tokoa isika na dia tsy misisika mandeha mihoatra ny faritra farany azo aleha aza. Tsarovy, "Ny fahendrena no zava-dehibe voalohany," ary amin' ny alalan' izay fahendrena izay dia "aza manakany amin' ny alehan' ny ratsy ary azo mizotra amin' ny lalan' ny ratsy. Manalavira azy, aza mandalo eo akory, mivilia azy, ka mizora (Ohabolana 4:14–15). Aza manakaiky izany. Aza atsofoka eo anelanelan' ny fefy tariby miranirany ny lohanao.

Manana Namana Tsara Ve Ianao?

Hahatsikaritra ianao fa ao anatin' ireo fampianarana mikasika ny fahendrena ireo dia mampianatra koa mikasika ny fisafidianana namana tsara ny bokin' ny Ohabolana: "Aza

mankany amin' ny alehan' ny ratsy ary aza mizotra amin' ny lalan' ny ratsy (Ohabolana 4:14). "Anaka, aza miara-dalana aminy ianao; arovy ny tongotrao tsy hankamin' ny alehany: fa ny tongony mihazakazaka ho amin' ny ratsy" (Ohabolana 1:15–16).

Ahoana no ahafantarao fa manana namana tsara ianao? Homeko fitsapana roa ianao. Raha mampihatra ireto fitsapana ireto ianao dia tsy handeha amin' ny lalana hafahafa velively sy tsy ho tafala amin' ilay "lalana ety sy tery izay mitondra mankany amin' ny fainana mandrakizay" (2 Nefia 31:18).

1. Ny namana tsara dia manamora ny fainana ny didy rehefa miaraka amin' izy ireo ianao.

Ny tena namana dia manome hery sy manampy anao mba hiaina ireo fitsipiky ny filazantsara izay hanampy haharitra hatramin' ny farany.

2. Ny tena namana dia tsy hanery anao hifidy hoe, na ny fombany na ny fomban' ny Tompo

izay hanala anao eo amin' ny lalana ety sy tery. Ny fahavalo dia mirenireny eto antany ary maniry mafy ny hahalavo antsika tsirairay. Raha toa ka mitondra anao eo amin' ny lalan' ny ratsy ny namanao dia ihalao izao ankehitriny izao izy ireo. Fidio amim-pahendrena ny namanao.

Karazana Namana Manao Ahoana Ianao?

Hametrakta fanontaniana sarotra iray aho: karazana namana manao ahoana *ianao*?

Ny fainana dia mihoatra lavitra noho ny famonjena ny tenantsika. Nirahina mba hampitraka sy ham-pahery an' ireo rehetra manodidina antsika isika. Ny Tompo dia maniry ny hiverenantsika rehetra miaraka any Aminy.

Ianao dia jiro mpitsilo lalana ary tsy misy zavatra mampidi-doza kokoa noho ny hoe simba ilay jiro mpitsilo lalana. Tsarovy hoe izany ianao: ianao dia hazavana ho an' izao tontolo izao, ho an' ny namanao ary ho an' ny anadahinao na rahalahinao na ny



Aoka ianao ho hazavana ho an' izao tontolo izao ary hitarika an' ireo manodidina anao eo amin' ny lalan' ny fahamarinana. Izy ireo dia miantehitra aminao toy ireny hoe mpitsilo lalana mahatoky ireny ianao.

anabavinao na ny rahalahinao. Ianao no ianteheran' izy ireo.

Ny Ohabolana 4 dia manohy hoe:

"Fa ny lâlan' ny marina dia toy ny fi-poak' andro maraina, izay mihamazava mandra-pitataovovanon' ny andro.

"Ny alehan' ny ratsy fanahy dia toy ny aizim-pito: tsy fantany akory izay manafintohina azy" (andininy 18–19).

Tsy fantany marina ny antony mahatafintohina azy ireo. Tsy manana hazavana sy fitarihana izy ireo.

Moa ve fantatrao hoe manao ahoana izany hoe miantehitra amin' ny jiro mpitsilo lalana izany rehefa tsy eo ilay jiro? Tonga ny haizina ary very isika.

Rehefa tsy manana herinaratra ny mpanamory fiaramidina iray dia tsy manana mpanondro izy afa-tsy ireo zavatra izay tsy mandeha amin' ny herinaratra. Tena mahatsapa ho tsy manan-kery tanteraka izy rehefa ao anatin' ilay fiaramidina tsy ahitana afa-tsy sezä tokana eny amin' ny 12.200 m eny ana habakabaka ka atopaton' ny rahona sy ny sisa eny. Tsy manana lalana mari-potra aleha izy. Efa niaina zavatra toy izany aho ary faly fa eto. Zavatra niainana izay tsy hohadinoiko velively izany. Mety ho hiaina toe-javatra toy izany koa ianao indray andro any. Tsy misy zavatra mampidi-doza kokoa noho ny jiro mpitsilo lalana simba, indrindra fa rehefa miantehitra amin' ilay hazavana ianao.

Moa ve misy olona miantehitra amin' ny hazavanao mba hitarika azy? Aoka ianao ho ohatra tsara. Aoka ianao ho hazavana ho an' izao tontolo izao ary hitarika an' ireo manodidina anao eo amin' ny lalan' ny fahamarinana. Izy ireo dia miantehitra aminao toy ireny hoe mpitsilo lalana mahatoky ireny ianao. Aoka ianao ho eo rehefa mila anao ny olona iray.

Ny Fanahy no jiro mpitari-dalana izay mitondra hafaliana. Enga anie mba tsy handa hiaraka amintsika ny Fanahy noho ny fitondrantenantsika. Tena mivavaka aho mba tsy ho irery velively isika ary tsy halahelo ao anatin' ity izao tontolo izao izay "maizina sy mahonena" (1 Nefia 8:4).

Enga anie ny fitahian' ny Tompo hirotsaka aminareo rehefa miezaka mianatra sy mikatsaka fahalalana ary fahendrena ao anatin' ny fahatanoranareo ianareo. Enga anie koa ianareo hahazo fahendrena sy fahatakarana ao am-ponareo mikasika ny fahamarin'an' ny filazantsara amin' ny alalan' ny fankatoavana ary koa amin' ny alalan' ny hazavan' ny Fanahy, ny Fanahy Masina. Aoka ianao ho namana tsara. Ampitrakao sy ampatanjaho ireo izay manodidina anao. Ataovy ho toerana tsara kokoa ity izao tontolo izao ity satria tety ianao. Ampio ireo namana hijanona ao amin' ilay lalana ety sy tery, haharitra hatramin' ny farany ary hiverina amim-boninahitra. ■

MIAKANJO fa Handeha Handihy

Nataon' i Crystal Martin

Tratran' ny fakam-panahy hanaraka ny fanaon' ny rehetra aho, saingy nahatsapa avy eo fa tokony ho ohatra aza aho.

Tamin' izaho zatovo dia matetika no sarotra ny niaina ny filazantsara. Vitsy ny mpikamban' ny Fiagonana tao amin' ny faritra nipetrahanay ary ireo namako izay tsy mpikamban' ny Fiagonana dia nanasarotra ny fijanonako teo amin' ny lalana marina indraindray.

"Tokony hanao an' ity ianao. Ham-pivoaka ny lokon' ny masonao izany." hoy ny iray tamin' ireo namako tamiko talohan' ny handehanana handihy. Nihazona akanjo lava izay nokasainy hampindramina ahy izy, saingy tsy nisy tanany izany. Nanapakevitra ny hanao ilay akanjo lava niaraka tamin' ny palitao aho.

Rehefa tonga tao amin' ilay toerana handihizana aho dia tsy nisy olona nanao akanjo lava nisy tanany ary nahatsapa ho toy ny niavaka aho. Rehefa nanomboka nihanafana dia nilaza tamiko ilay namako hoe tokony hanala ilay palitao aho ary ho tsara kokoa aza ny bikako amin' izay.

Raha iny saika hanamarin-tena amin' ny fanalana ilay palitao iny aho dia nahatsiaro ny tsodranon' ny patriarika nomena ahy. Nilaza tamiko ny tsodrano fa ho maro ireo fakam-panahy handalo eo amiko ary raha lavo aho dia olona maro no hanaraka ahy. Tam'in' izay no nahatsapako fa mila mijanona amin' ilay lalana marina aho—tsy hoe ho an' ny tenako fotsiny fa ho an' ny hafa izay manakisitraka ny fihetsiko. Nanapa-kevitra ny tsy hanala an' ilay palitao aho.

Indraindray aho dia nihomehezana noho ny tsy fanavako ireo zavatra izay atao' ny olona hafa rehetra, saingy nitoetra ho matanjaka aho ary voatahy noho izany. Taty aoriana dia nahafantatra aho fa maro ireo olona nankasitraka ny fihetsiko. Ny namako sasany aza dia nilaza fa najain' izy ireo aho noho ny fanarahako ny fitsipiko. Niala tsiny izy ireo noho ny filan' izy ireo sotasota tamiko satria aho tsy nanao ireo zavatra izay

nataon' ny hafa rehetra tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa.

Satria aho nanaraka ny fitsipiky ny Fiagonana dia niezaka ny ho ohatra aho ary afaka niaina an' izany hoe manao asa fitoriana izany ary nampianatra ny filazantsara tamin' ny hafa. Tsy ho afaka nitarika ny hafa mihitsy aho raha toa ka tsy nijanona teo amin' ilay lalana marina. ■



NY FITSIPIKY NY AKANJO

"Aza ampidinina velively ny fitsipika arahinano mikasika ny akanjo. Aza ampiasaina ny fotoana iray manokana mba hialana tsiny hanaovana akanjo tsy maotina. . . . Ny zatovavavy dia tokony hisoroka . . . ny akanjo izay tsy manarona ny soroka."

Jeunes Soyez Forts (bokikely, 2011), 6, 7.

Akanjo sy Bika Aman' endrika:

“AOKA NY FANAHY MASINA HITARIKA”



Nataon' i
Mary N. Cook

Mpanolotsaina
Voalohany ao
amin' ny Fiadidian'
ny Zatovovavy
Maneran-tany

Amin' ny maha-solontenan' i Kristy antsika, dia maneho fana jana ny vatantsika isika "amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toe rana rehetra" amin' ny alalan' ny fanarahana fitsipika vitsivitsy.

Naoakanjo maotina foana i Kim. Inday andro aho nanontany ny heviny mikasika ny hoe, inona no atao hoe zipo maotina, lobaka maotina, ary akanjo filomanosana maotina ho azy. Raha tokony hanome ireo refy marin' ny jongy sy ny vozon' akanjo izahay dia nifanakalo hevitra kosa mikasika an' ireo fitsipika manodidina ny fahamaotinana sy ny olana eo amin' ny fitadiavana akanjo maotina nefo tsara. Nankafy ny fizarana hevitra mikasika ny fitadiavana fomba hanalavana ny zipo ao anatin' ny saina tia mamorona izahay. Farany dia nilaza i Kim hoe: "Raha vao ampidiriko ny akanjo iray ka tsy mahazo aina aho dia matetika midika izany fa tsy maotina ilay izy ary tsy hahazo aina aho raha hanao izany. Nianatra aho fa tsy tokony hividy izany velively. Averiko fotsiny eny amin' ny fitoerany izany."

Rehefa miezaka ny miaina amimpahamendrehana i Kim dia afaka mitarika azy eo amin' ny fisafidianany ny akanjony ny Fanahy Masina. Miaina amimpahalalahantana ny fitsipiky ny fahamaotinana izy ary tsy miezaka manova ny fitsipiky ny akanjo sy bika aman' endrika. Takany fa tempoly ny vatany

(jereo ny 1 Korintiana 3:16) ary manana andrai ktra hikarakara, sy hiaro ary hampitafy izany araka ny tokony ho izy.

Rehefa aorina ny tempoly iray dia misy fikarakarana lehibe atao mba hahazoana antoka fa voaro sy voahaingo tsara anatin sy ivelany izany. Ny fanalahidin' ny fandrafetana ny tempoly dia ny fahatakarana fa ny tempoly dia *maneho* ny Tompo—tranony izany. *Manaja* ny tempoly ho toy ny trano masina isika izay ireo mendrika ihany no afaka midi tra ao. *Manome voninahitra* ny tempoly isika satria ireo ôrdônsy sy fanekepihavanana izay andraisantsika anjara dia manao izay ahafahantsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Ny vatanao dia sarobidy kokoa noho ny tempoly faran' izay tsara indrindra eto antany. Zanakalahy na zanakavavy malalan' Andriamanitra ianao! Ireo fitsipika ireo ihany koa—fanehoana, fanajana, fanajana lalina—dia tena miantefa bebe kokoa amin' izany mba hikarakana sy hiarovana ny vatanao.

Fanehoana

Isaky ny mandray ny fanasan' ny Tompo isika dia mitondra eo amintsika ny anaran' ny Mpamonjy. Solontenany eto an-tany isika. Ny iray amin' ireo torolalana ao amin' ny *Jeunes Soyez Forts* dia milaza hoe: "Afaka mampiseho amin' ny [Tompo] ny fahafantarao ny maha-sarobidy ny vatanao ianao amin' ny alalan' ny akanjonao sy ny bika aman' endrika. Afaka mampiseho ianao fa mpianatr' i Jesoa Kristy ary tianao Izzy."¹

Rehefa namaky izany fanambarana izany ny zatovovavy iray dia nanapa-kevitra izy fa tsy te handeha amin' ny lalan' ny tsy

fahamaotinana izy na dia hoe hanakaiky izany fotsiny aza. Tonga dia nesoriny daholo izay zavatra tao amin' ny fitoeran' akanjony ka tsy nifanaraka tamin' ny maha-solontenan' ny Mpamony. Hoy izy hoe: "Ho tena nahirantsaina aho raha toa ka tsy nanandrana akory ireo akanjo tany amin' ny fivarotana ireo izay fantatro fa tsy tokony hanaovako. Nahoana no manaiky alaim-panahy? Ny fitsipiky ny fanehoana dia nanampy azy handray izany fanapahan-kevitra hentitra izany.

Fanajana

Amin' ny maha-solontenan' i Kristy antsika dia maneho fanajana ny vatantsika isika "amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zav-drehetra ary amin' ny toerana rehetra" (Môsiâ 18:9) amin' ny alalan' ny fanekena ny hanaraka fitsipika vitsivitsy. Ny Tompo dia miaiky fa ireo izay madio ihany no afaka miditra ao amin' ny tempoly. Ny safidinao ho masina dia porofon' ny fanajanao ny Tompo sy ny vatanao.

Tokony haneho fanajana ny vatan' ny hafa koa isika ary manampy azy ireo hanana fiaianana masina. Ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza hoe: "Ny [zatovovavyl] dia mila mahatakatra fa rehefa manao akanjo tery loatra na fohy loatra na mampiseho tratra bebe loatra izy ireo dia tsy hoe afaka mam-pita hafatra diso amin' ny zatovolahy ifanera-serany fotsiny, fa mampitoetra maharitra ao an-tsainy ilay hevitra diso hoe ny lanjan' ny vehivavy dia tsy miankina afa-tsy amin' ilay herin-tsintony manaram-batana. Tsy ao anatin' ilay famaritana marina momba ny zanakavavy mahatokin' Andriamanitra velively izany ary tsy ho ao anatin' na oviana na oviana."²

Ry zatovovavy, hajao ny vatanao ary ampio ny hafa, indrindra ireo zatovovavy, mba hihazona eriteritreritra sy fihetsika tsara. Hajao ny vatanao rehefa mahafantatra ianao fa ny fainana amim-pahamarinana *isan' andro* dia manome lanjany *mandrakizay* anao.

Fanajana Lalina

Ny Loholona Robert D. Hales avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra antsika hoe: "Toy ny fanehoan' ny tokotanin' ny tempoly ny maha-masina sy ny fanajana ny zavatra atao ao anatin' ny

tempoly no hanehoan' ny fitafantsika koa ny hatsaran' ny ao anatintsika. Ny fomba fiankan-jontsika dia maneho ny fanajantsika tanteraka na tsia . . . ireo ôrdônanisy sy fanekempihavanaugh mandrakizay ary maneho ny fiomanantsika na tsia mba handray azy ireo."³

Aseho ny fanomezanao voninahitra an' ilay sorompanavotan' ny Mpamony amin' ny alalan' ny fanaovanao "ny akanjonao tsara indrindra fitondra Alahady" mba handraisana anjara amin' ny ôrdônaninsin' ny fanasan' ny Tompo. "Ny zatovolahy dia tokony hanao akanjo maneho fahamendrehana rehefa mandray anjara ao amin' ny ôrdônaninsin' ny fanasan' ny Tompo."⁴ Ry zatovovavy, manaovala akanjo maotina.

Mitsangana! Aoka ianao ho ohatra eo amin' ny fanaovana akanjo maotina na any an-trano na any an-tsekoly na eny amoron-dronomasina na any am-pandihizana na rehefa manao fanatanjahan-tena. Araka ny ohatra nasehon' i Kim rehefa misafidy ny akanjonao ianao dia avelao ny Fanahy Masina hitarika anao ao anatin' izay fanapahan-kevitra raisinao. "Manontania tena hoe: 'Hahazo aina ve aho amin' izao fitafiko izao raha toa ka teo ny Tompo?'"⁵

Raha miaina an' ireo fitsipika telo ireo ianareo—fanehoana, fanajana, ary fanomezam-boninahitra—rehefa misafidy ny akanjonareo ianareo dia "hamirapiratra" (Fotopampiana-rana sy Fanekempihavanana 115:5) amin' ny maha-solontena malalan' ny Mpamony. ■

FANAMARIHANA

1. *Jeunes Soyez Forts* (bokikely, 2011), 6.
2. M. Russell Ballard, "Mothers and Daughters," *Liahona*, Mey 2010, 20.
3. Robert D. Hales, "Modesty: Reverence for the Lord," *Liahona*, Aug. 2008, 20.
4. *Jeunes Soyez Forts*, 8.
5. *Jeunes Soyez Forts*, 8.



NAMPAHATANJAHAN' NY

TENY

Mijoro ho vavolombelona mikasika ny fotoana nampianaran' ny soratra masina azy sy nankaherezany azy ary nitarihany azy ireo zatovo.



**MANAMPY AMIN'
NY FOTOAM-
PAHASAHIRANANA
NY SORATRA MASINA**

"Ny soratra masina dia toy ny fonosam-pahazavana izay manazava ny saintsika ary manome toerana ho an' ny fitarohana sy ny fanentanam-panahy avy any ambony. . . . Misy hery lehibe mety azo avy amin' ny fitadidiana ny soratra masina. Ny fitadidiana soratra masina iray dia toy ny manorina finamanana vaovao iray. Izany dia toy ny mahita olona vaovao izay afaka manampy amin' ny fotoam-pahasahiranana, ary afaka manome fanentanam-panahy sy fankaherezana ary afaka ho tonga loharanom-paharisihana amin' ny filana fiovana."

Loholona Richard G. Scott of the Quorum of the Twelve Apostles, "The Power of Scripture," *Liahona*, Nov. 2011, 6.

Nangataka ny zatovo izahay mba hilaza aminay mikasika ny fotoana iray izay nitondran' ny soratra masina iray nataon' izy ireo tsianjery fanampiana azy ireo araka ny nolazain' ny Loholona Richard G. Scott ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny fihaonamben' ny Fiagonana tamin' ny Ôktôbra 2011 (jereo ny faritra eo amin' ny sisiny.) Indreto ny sasan-tsasany amin' ireo valinteniny.



Fiadanana ho an' ny Fanahiko

"Anaka, fiadanana anie ho an' ny fanahinao; ny fahorianao sy ny fijalianao dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy" (F&F 121:7).

Ny soratra masina izay nanome ahy fankaherezana lehibe indrindra nandritra ny taona maro dia ny Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 121:7, raha tao amin' ny Fonjan' i Liberty ny Mpaminany Joseph Smith nitahalo tao anatin' ny ranomaso mba hahazo fanampiana avy amin' ny Ray any an-danitra. Notadidiako izany andinin-tsoratra masina izany nandritra ny seminera ary mamerina izany ato an-tsaiko aho rehefa mila fankaherezana. Mampahatsiahy ahy izany fa tia ahy ny Raiko any an-danitra ary fantany ny fitsapako. Nampiasaiko io andinin-tsoratra masina io mba hitondra fiadanana ho ahy rehefa ao anatin' ny fotoana misy fahasorenana sy fahalemena.

Izany andinin-tsoratra masina izany dia nanampy ahy rehefa tany anaty lanonana aho ka lasa niova amin' ilay endrika fantattro fa tokony halaviriko izany. Nanda tamimpanajana an' ireo namako aho rehefa nangataka ahy mba hisotro sy hifoka izy ireo. Io andinin-tsoratra masina io dia nanome hery izay nilaiko mba hijoroako amin' ny finoako.

Io andinin-tsoratra masina io koa dia nanampy ahy handray fanapahan-kevitra sarotra. Mpinamana tsy azo sarahina izaho sy izay namako izay nandritra ny dimy

Hatanjaka ireo zavatra malemy.

Volana vitsivitsy talohan' ny fitsapam-pahaizana hidirana ao amin' ny sekoly ambaratonga faharoa dia tsy na-hatsapa hoe vonona aho. Azoko antoka fa tsy ho tanteraka ny hoe hahomby. Noho izany dia nitodika tany amin' ny Ray any an-danitra tamin' ny alalan' ny vavaka aho. Rehefa nivavaka aho dia tonga tao an-tsaiko ireto teny ireto: "Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. Omeko ho an' ny olona ny fahalemena mba hahazoany miety; ary ampy ho an' ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin' izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy." (Etera 12:27).

Nahatsapa aho fa rehefa mivavaka amin' ny Ray any an-danitra mba hahazo hery hiatrehana ireo olana sy fitsapania dia mitahy ahy Izy ary manampy handresy ny fahalemeko. Ny fanambarako ny olako tamin' ny Tompo no fanapahan-kevitra tsara indrindra azoko noraisina. Mpampianatra lehibe izy ary fantattro fa nanampy ahy izy.

Irvin O.


16 taona, El Salvador


taona. Niaraka nanao fanatanjahan-tena izahay, sy niaraka nandeha nanao dia lavitra ary nivoaka isaky ny faran' ny herinandro. Saingy nanomboka nivoaka niaraka tamin' ny vondron' ny mpinamana efa lehibebe nefo tsy tiako hiarahana izy. Tamin' ny farany dia nasainy nisafidy aho hoe na hanana azy ho namana na hifikitra amin' ny fi-noako mikasika ny Tenin' ny Fahendrena sy ny lalàn' ny fahadiovam-pitondrantena. Tena kivy aho. Tsy fantattro ve lively hoe ho mafy toy izany ny fijoroako amin' ny zavatra inoako. Saingy nisafidy ny haka namana vaovao aho ary nitazona tao an-tsaiko foana ny fampanantenan' ny Ray any an-danitra tamin' i Joseph Smith hoe hilamina tsara ny zava-drehetra.

Tsy misy zavatra manan-danja hafa tokony hampandeferako ny finoako ary miaina fifaliana marina sy maharitra aho rehefa misafidy ny tsara. Io soratra masina io dia nampatanjaka ny fijoroako ho vavolombelona ary nanome fanampiana rehefa nilaiko izany.

Lauren J.

16 taona, Arkansas, Etazonia





Mivavaha Hatrany

"Mivavaha mandrakariva mba hahazoanao mivoaka ho mpandresy; eny, mba hahazoanao mandresy an'i Satana ary mba hahazoanao mandomitra ny tanan' ireo mpanompon'i Satana, izay manohana ny asany" (F&F 10:5).

Io andinin-tsoratra masina io dia manampy amin' ny fiatrehana an' ireo fakam-panahy. Rehefa mitady hanao zavatra izay fantattro fa ratsy aho dia tonga ao an-tsaiko io andinin-tsoratra masina io sy ny hafatra fonosiny. Isaky ny mivavaka aho aorian' ny fahazoako izay bitsika izany dia mahazo ny fanampiana izay ilaiko mba handresena an' ireo fakam-panahy izay atrehako.

Jesse F.

17 taona, Utah, Etazonia

Momba Anao Hatrany Aho

"Mahareta amin' ny fahorianana, fa ho tojo maro ianao; nefy iareto ireny fa indro, Izaho momba anao hatrany amin' ny faran' ny andronao" (F&F 24:8).

Fitahiana ho ahy ny fitadidiavana io soratra masina io, indrindra rehefa nahatsapa ho natahotra sy irery aho. Isaky ny mahatsiaro izany aho dia mahazo herimpo ary mahazo aina kokoa.

Amin' ny maha zatovolahy sy zatovovavy antsika dia mila fitarihana sy fanohanana isika, indrindra rehefa miatrika fitsapana sy olana. Na dia toa tsy azo antoka loatra na mahakivy aza ny fiainana indrain-drav dia fantattro fa afaka matoky ny Tompo aho ary mahazo fihina mamy avy Aminy.

Fony aho mbola kely dia nam-pianarina tany an-trano sy tany amin' ny Kilonga fa ny Tompo dia ho eo akaikiko foana raha toa manao ny anjarako aho.

Noho ireo fampianarana ireo ary koa ity soratra masina ity dia fantattro fa afaka miantehitra Aminy foana aho.

Sofia I.

15 taona, Uruguay

MAMETRAHA TANJONA

Mametraha tanjona mba hitadidy soratra masina vitsivitsy Afaka mitadidy ireo soratra masina fehezina ao amin' ny seminera ianao na izay hita ao amin' ny Devoirs Envers Dieu (Adidy amin' Andriamanitra) na Mon Progrès Personnel (Ny Fivoaran' ny Tena Manokana).



SARY: MAHITSY SY TERY

ILAY LALANA

Maro ireo lalana azo isafidianana, saingy iray monja ihany
no mitondra any amin' ny fiainana mandrakizay.

(Jereo ny 2 Nefia 9:41; 31:17-21; Almà 7:9.)



Miroso amin' ny Dingana rehefa avy ao amin' ny

INONA NO ZAVATRA REHETRA HITA AO AMIN' NY ZATOVOLAHY



Ny Fisoronana Aharôna—Manampy ny Hafa ho an' ny Mpamony

Mizara ny fanasan' ny Tompo
Manangona ireo fanatitra avy amin'
ny fifadian-kanina
Manamafy orina ny fianakaviana

Devoirs Envers Dieu (Adidy amin' Andriamanitra)


Mianatra sy manao zavatra vaovao
Mizara amin' ny hafa
Manao izay hananana fifandraisana
akaiky kokoa amin' ny Ray any
an-danitra

Jeunes Soyez Forts

Fitsipika entina hampahatanjahana anao

Manomana ny Tenanao

Hanao asa fitoriana
Hanambady sy ho raim-pianakaviana



Fandehanana any amin' ny Tempoly

Hatao batisa ho an' ireo izay efa
nodimandry
Hiomana hanao fanekempihavanana
Hahatsapa ny Fanahy

Fiaraha-mientana

Manompo ao amin' ny Kôlejy
Fialamboly ao anatin' ny Fiaraha-
mientana Ifampizarana!

Ry zatovolahy kely malala isany ao amin' ny Kilonga

Rehefa feno 12 taona ianareo dia ho tonga eo amin' ny taona handraisana
ny Fisoronana Aharôna. Tena zava-dehibe izany. Rehefa omen' Andriamanitra ny
fisoronanay ianao dia holazainy hoe matoky anao Izy. Ho andraikitrao masina ny
manompo toy ny hanompoan' ny Mpamony.

Izao no fotoana hanombohana ny fiomanana. Jereo sy henoy ireo mpihazona ny
fisoronana manodidina anao rehefa manamasina sy mizara ny fanasan' ny Tompo

izy ireo, rehefa manao batisa, manome tsodrano, manao
asa fitoriana, ary mitarika ny fianakaviana. Ataovy foana
izay tsara indrindra vitanao mba hiainana ireo fitsipiky ny
filazantsara. Dia ho vonona tsara amin' ilay andro lehibe
iray ianao izay handraisanao ny Fisoronana Aharôna.



Amim-panajana,
David L. Beck
Filohan' ny Zatovolahy maneran-tany

Manaraka Kilonga

Rehefa tonga ny fotoana hidirana ao amin' ny Zatovolahy na Zatovovavy dia ireto misy zavatra sasantsasany hiseho izay tokony ho andrandrainao!

INONA NO ZAVATRA REHETRA HITA AO AMIN' NY ZATOVOVAVY?

Namana Vaovao

Mianatra sy miaraka miala voly
Mifanohana

Fampitomboana ny Finoanao an' i Jesoa Kristy

Mijoro amin' ny fahamarinana
Fizaranao ny fijoroana vavolombelona
anananaao

Jeunes Soyez Forts

Fitsipika entina hampahantanjahana anao

Mon Progrès Personnel (Fivoaran' ny Tena Manokana)

Zavatra vaovao tokony hianaranra
Fametrahana tanjona sy fivoarana
eo amin' ny fahamasinana

Fandehanana any amin' ny Tempoly

Hatao batisa ho an' ireo izay nodimandry
Hahatsapa ny Fanahy Masina
Hiomana hanao fanekempihavanana

Fiara-ha-mientana

Miaraka manompo
Fialamboly ao anatin' ny
Fiara-ha-mientana Ifampizarana!

Fiomananao amin' ny maha Zanakavavin' Andriamanitra Anao

Ho tonga mpitarika sy
ohatra tsara
Ho tonga vady sy renim-pianakaviana mahatoky



Ry zatovovavy kely ao amin' ny Kilonga

Tena mientanentana izahay mikasika an' ilay andro izay hidiranareo ao amin' ny Zatovovavy! Zanakavavy sarobidin' ny Ray any an-danitra ianareo. Ao amin' ny Zatovovavy ianareo dia hianatra ny hijoro ho toy ny vavolombelony amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra. Hahazo rojo ianao izay hampahatsiahy anao mba hijoro amin' ny fahamarinana ary avelao ny hazavan' ny Mpamorony hamirapiratra manerana an' izao tontolo izao. Ny boky Mon Progrès Personnel nomena anao dia hanampy anao handalina ny soratra masina, hametraka tanjona, ary hivoatra eo amin' ilay lalana mankany amin' ny tempoly. Ireo zavatra ireo dia hanampy anao hiomana ho vady sy reny ary ho mpitarika lehibe eo amin' izao tontolo izao.

Amim-panajana,
Elaine S. Dalton
Filohan' ny Zatovovavy maneran-tany



SARY © BUSATH PHOTOGRAPHY



Nalaina avy tamin'
ny tantara marina iray

Ry Amiga Malala

Maneho ny fiarahabana avy aty Mexique! Tena faly aho naharay ny taratasinao ary nandre fa efa atsy ho atsy ny tsingerintaona nahaterahaao. Toa somary sahiran-tsaina kely ihany ianao amin' ny hoe handao ny Kilonga. Mamela ahy ianao hiresaka momba ny fotoana nidirako tao amin' ny Zatovovavy?

Izaho koa dia sahiran-tsaina tamin' ny hoe handao ny Kilonga. Niahayah aho hoe mety tsy hanana namana. Nampatahotra ahy ny hoe iray amin' ireo ankizivavy zandriny indrindra aho fa tsy mba hoe zokiny indrindra.

Saingy nizotra tsara ny zava-drehetra. Nanao dihidinika tamiko ny eveka talohan' ny tsingerintaona nahaterahako ary rilaza tamiko fa ho zavatra tsara nianona tao amin' ny Kilonga. Soa ihany fa hitari' ny iray tamin' ireo mpitarika tao amin' ny Zatovovavy tao aho. Hoy izy hoe: "Efa fantattro fa ho hitako ato ianao!

Avia, fa tonga ny fotoana hanatrehana ny fotoam-pianaranana." Niarahaba ahy Rahavavy Diaz nandritra ny fotoana fanombohana ary nanome ahy boky telo izay lasa tiako: Jeunes Soyez Forts, Mon Progrès Personnel, ary diary iray. Rehefa njery ny nanodidina ar' ilay efitrano aho dia nahatsapa fa nahantatra ny sasany tamiri' ireo ankizivavy tany amin' ny Kilonga. Ny sasany tamini' ireo ankizivavy izay tsy fantattro dia niarahaba ahy. Vetivety dia nahatsapa fiadanana aho fa tsy tahotra.

Nizotra tsara tsikelikely ny zavatra rehetra taoriani' izany. Zavatra niavaka ho ahy ny fiaraha-mientana ifampizarana satria nampianatra ahy ny fomba hiainana ny filazantsara izy ireo sy ny fomba hanampiana ny fianakaviana sy ny namana. Ary tena mahafinaritra ny mandeha milasy isan-taona! Noho izaho efa Ravintsara ankehitriny dia manantena ny hahavita ny Mon Progrès Personnel atsy ho atsy. Tsy andriko ny hanaovako an' ilay rojon' ny Zatovovavy mba hahafahani' izany mampahatsiahy ahy hoe tena lasa nanakaiky bebe kokoa ny Ray any an-danitra aho mandritra ny fotoana maro.

Noho izany dia aza matahotra ry namako. Avelaro ny elatraz dia manidinà any amin' ny Zatovovavy. Mampanantena aho fa tsy hanenina ianao.

Amim-pitiavana
Maribel

Mitsena **Vanim-potoana** **Vaovao eo amin' ny Fiaianana**

Natain' i Marissa Widdison

Gazetibokin' ny Fiagonana

Moa ve ianao mipetraka any amin' ny faritra izay hiovon' ny hazo loko hio manana amin' ny ririnina? Ireto mpi namana efatra ireto dia mipetraka any amin' ny faritra ahitana izany. I Noah B., Dylan L., Patrick M., ary Ben M. dia mipetraka any amin' ny Nosy Prince Edward daholo izay any am-povoan-dranomasin' ny faritra akaikin' ny morontsirak' i Canada. Toy ireo hazo ireo dia mivonona hiatrika an' ilay vanim-potoana vaovao eo amin' ny fiaianana ireto ankizilahy ireto. Samy hifandimby ho feno 12 taona alohan' ny faran' ny taona izy rehetra ireo ary midika izany hoe handao ny Kilonga ary ho tonga soa ao amin' ny Zatovolahy. Ireto ny zavatra tsy maintsy nolazain' izy ireo mikasika ny hoe mitombo taona dia mandeha mandroso amin' ny dingana manaraka.

Aoka ianao Hitoetra amin' ny Maha-ianao Anao

Rehefa nifindra tany amin' io toerana io i Noah dia nampian' ireo namany vaovao izy mba hizatra amin' ny fiaianana teo amin' ilay

nosy. Ankehitriny amin' ny mahazokiny indrindra azy ao amin' ilay vondrona dia manampy azy ireo mba hizatra amin' ny fiaianana ao amin' ny Zatovolahy izy. "Niahiah y mikasika ny fandraisana ahy sy ny fomba ahalalako ny hafa aho," hoy i Noah raha niresaka nikasika ny Zatovolahy. "Nanampy tokoa ny fandehanana nanatrika ireo fiarahamientana." Ny hiran' ny Kilonga tian' i Noah indrindra dia mikasika ny miaramilan' i Helamàna ary toy izany no ahitany ny kôlejin' ny fisoronana—miaraka miray hina.

Inona no toroheviny? "Aoka ianao hitoetra amin' ny maha-ianao anao."

Hajao ny Fisoronana

Ho an' i Patrick ny fandraisana ny fisoronana dia tsy resaka hoe nahatratra sokajin-taona iray ianao. Re-saka fahamendrehana sy fiomanana izany. "Tsy hoe mandray fotsiny ny fisoronana ianao satria 12 taona," hoy i Patrick. "Mila miomana ianao."

I Dylan dia mahatakatra ny mahazava-dehibe ny fiomanana. Miezaka ny tonga 15 minitra mialoha any am-piangonana izy mba hiomanana ara-panahy amin' ny fizarana ny fanasan' ny Tompo. "Nizara ny

fanasan' ny Tompo in-telo na in' efatra aho ary isaky ny nanao izany dia nokasihan' ny Fanahy ny foko. Mieritreritra aho fa tsy maintsy ho zatra an' izany," hoy ny filazany

Nilaza i Ben fa ny fizarana ny fanasan' ny Tompo dia mampa-hatsiay azy ny Fanasana Farany: "Nijoro teo i Jesoa. Mijoro eo amin' ilay toerana nisy an' i Jesoa isika ary tiany mba ho eo isika."

Manàna Tanjona ho any amin' ny Tempoly

I Ben dia manao asa mba hahzoana ny mari-pankasitrahana ao amin' ny Devoirs Envers Dieu ary miandrandra ny hanao batisa ho an' ny maty vao voalohany. "Mbola tsy tao anatin' ny tempoly aho, saingy ny olon-kafa dia mijoro ho vavolombe-lona foana mikasika ny fahatsapana zavatra mitondra hafanana sy zavatra tsara rehefa avy any," hoy i Ben.

Vao haingana i Noah no nanao ny fitsidihany voalohany ny tempoly. Nolazainy fa ireo zatovolahy ao amin' ny kôlejiny dia nandray azy ho toy ny fianakaviana. "Mety ho sahirantsaina ianao, saingy hisy olona hanampy anao any," hoy izy. "Hahatsapa fandraisana tsara ianao." ■




Ô Avia, Ry Jesoa Tompo

Amim-pahatsorana

$\text{♩} = 72-84$

Nalaina avy tamin'ilay sangan'asa novokarin'ny Fiangonana hoe
*Savior of the World: His Birth and Resurrection (Ilay Mpamorjin' Izao
 Tontolo Izao : Ny Nahaterahany sy ny Nitsanganany tamin'ny Maty)*




1. Ô A-via, ry Je-soa Tom-po, Te - ha-hita A-nao 'za - hay!
 2. Ô A-via, ry Tom-po ti - a, Von-jeo 'reo 'zay ory am - po.
 3. Ô, a-via, r'i-lay Mpa-mon - jy, Ha - za - va - na vao ma - raina.

Ato an - tra-non'omby i - zao no Toe-ran' hi - tse-nana A - nao.
 Za - nak' on - dry be fi - ti - a, Tia - vo sy ha - min-drao fo.
 Za - na - kao 'za - hay voa - von - jy, Ka fa - fa - o ny ta - raina!

Ny hai-zinay, o - vao ma-zava, Ô A - via, ry Mpa-na-zava!
 Ton - gava a - ry man-ja - kà A - mim-bo - ni - na - hi - tra,
 Ton - gava a - ry man-ja - kà A - mim-bo - ni - na - hi - tra,

A - via ato an - tra-non' om - by; Ô A - via, Je - soa!
 Mba hi - de - ra - nay A - na - o; Ô a - via, Je - soa!
 Mba hi - de - ra - nay A - na - o; Ô a - via, Je - soa!

*Ny Savior of the World: His Birth and Resurrection dia nosoratana ary noforonina teo
 ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo.*



*Mizara hevitra
vitsivitsy mikasika
io lohahevitra
io ny Loholona
Dallin H. Oaks
avy ao amin' ny
Kôlejin' ny Apôs-
toly Roambinfo.*

Nahoana no **ZAVA-DEHIBE** ny fanarahako an' i **JESOA KRISTY** amim-pahatokiana na aiza na aiza misy ahy?

I Jesoa Kristy no
Zanaka Lahitokan'
Andriamanitra sy
Zanaka Malalany.

Izy no Mpahary antsika.
Izy no Fahazavan' izao
tontolo izao. Izy no
Mpamony antsika
tamin' ny fahotana
sy fahafatesana.

Fahalalana manan-danja
indrindra eto an-tany
izany ary afaka
mahafantatra izany ho
anao manokana ianao.

Mpanara-dia an' i Jesoa
Kristy isika. Tsy misy ny
marimaritra iraisana.



Azaoao ampiasaina ity lesona sy asa atao ity hianarana bebe kokoa mikasika ny tarigetran' ny Kilonga amin' ity volana ity.

Afaka Mahazo Anjara

amin' ireo Fitahiana avy amin' ny Fisoronana ny Rehetra

Rehefa nandika ny Bokin' i Môrmôna i Joseph Smith dia nanana fanontaniana izy sy i Oliver Cowdery mpitantsorany. Nandeha nivavaka mikasika izany tany an' ala izy ireo. Rehefa nivavaka izy ireo, "dia nidina teo amin' ny rahon' ny hazavana ny iraka iray avy any an-danitra." I Jaona

Mpanao Batisa io iraka io. Napetrany teo amin' ny lohan' i Joseph sy i Oliver ny tanany ary nomeny ny Fisoronana Aharôna izy ireo. Dia nodidian' i Jaona Mpanao Batisa i Joseph sy i Oliver mba hifampanao batisa. Fotoana fohy taorian' izay dia tonga teto an-tany ny Apôstôly Petera, Jakôba ary Jaona ary na-nome ny Fisoronana Melkizedeka an' i Joseph sy i Oliver. Teto an-tany indray ny fisoronan' Andriamanitra. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:68–72.)

Afaka mahazo tsodrano sy ôrdônansy lehibe isika amin' ny alalan' ny fisoronana. Tafiditra ao anatin' ireo tsodrano ireo ny tsodrano omena ny zazakely vao te-raka, ny tsodrano omena



ny marary ary ny tsodrano omena ny zanaka amin' ny alalan' ny rainy na ireo mpihazona ny fisoronana mendrika hafa. Tsy maintsy mandray ôrdônansin' ny fisoronana vitsivitsy isika mba hiverenana any amin' ny Ray any an-danitra. Ny sasany amin' ireo ôrdônansy ireo dia ahitana ny batisa asitrika, ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ireo ôrdônansy masin' ny tempoly izay afaka mamehy ny fianakaviana hiaraka mandrakizay. Any amin' ny tempoly koa dia azo atao ny manatanteraka ôrdônansy ho an' ireo olona izay efa nodimandy nefy tsy nahazo ireo fitahian' ny filazantsara. Afaka mahazo anjara amin' ireo fitahiana avy amin' ny fisoronana ny rehetra! ■



Hira sy Soratra Masina

- Mifidiana hira mikasika ny fisoronana avy ao amin' ny *Chants pour les enfants*
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:35

ASAO ATAO MIKASIKA NY FNT **Manampy ny Olona ny Fisoronana**

Ny fisoronan' Andriamanira dia ilay hery hanompoana sy hitahiana ny olona amin' ny alalan' ireo ôrdônanisy sy tsodrano. Ataovy ao anatin' ireto sary ireto ny sarin' ny tenanao mandray anjara ao anatin' ilay zava-miseho.




Ianao Irery Ihany

Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:68–73 ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy. Ampiasao ireo andinin-tsoratra masina ireo mba hanampy anao hameno ny banga etsy ambany etsy. Soraty eo amin' ny taratasy iray hafa ireo zavatra izay nianaranao avy amin' ny famakiana ireo andininy ireo.

1. "Ny Fisoronana Aharôna . . . dia mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny _____, ary ny filazantsaran' ny _____."
2. _____ no natao batisa voalohany.
3. I Oliver Cowdery dia nanao batisa an' i _____.
4. I Jaona Mpanao Batisa dia niasa teo ambany fitarihan' i _____, _____, ary _____.
5. Taty aoriania i Petera sy i Jakoba ary i Jaona dia nanome ny Fisoronana _____ an' i Joseph sy i Oliver.

Manamasina sy mizara ny fanasan' ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana. Ataovy ny sarin' ny tenanao mipetraka eo amin' ny seza vonona ny handray ny fanasan' ny Tompo.

Azo omena ny marary ny tsodronon' ny Fisoronana. Ataovy ny sarin' ny tenanao matory eo am-pandriana fa marary.



Azo fehezina miaraka amin' ny alalan' ireo ôrdônanisy any amin' ny tempoly ny fianakaviana. Ataovy ny sarin' ny fianakaviana eo anoloan' ny tempoly.

Ôrdônansin' ny fisoronana ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ataovy ny sarin' ny tenanao mijoro eo anoloan' ny fitoeran-drano fanaovana batisa.

Jaona, 5. Melkizedek. Smith, 4. Petera, sy i Jakoba ary i Oliver Cowdery, 3. Joseph 2. I Oliver Cowdery, 1. Anjely, fibebahana; Valiny: 1. anjely, fibebahana;

Fitahiana Roa Avo Heny

Fantaro i Sophie sy Elodie A. avy any Antananarivo, Madagasikara.

Nataon' i Richard M. Romney

Gazetibokin' ny Fiagonana

ISophie sy i Elodie kambana roa vavy izay folo taona dia mipetraka any Madagasikara. Nosy lehibe iray any afovoan-dranomasin' ny morontsirak' i Afrika izany. Manana tantara marina tena tiany ny fianakavian' izy ireo. "Raha vao nihaona vao voalohany tamin' ny misiônera ny raiko dia nahafantatra fa marina ny Fiangonana," hoy i Elodie. "Olona niova fo vetivety izy." Natao batisa volana vitsivitsy taty aorianana ny reniko.

Talohan' ny nahaterahan' ireo ankizivavy ireo dia nifady hanina ny ray aman-dreniny ary nivavaka mba hahazo vavikely iray. "Ary dia nahazo vavikely roa i Mama fa tsy iray," hoy i Sophie.

Dia fitahiana avo roa heny no nisy nanomboka tamin' izay! ■



Ny fianakavian' i Sophie sy i Elodie dia nanangom-bola nandritra ny telo taona mba handehanana any amin' ny Tem-polin' i Johannesburg, Afrika Atsimo mba hofehezina miaraka. Tsy maintsy manao dia eo amin' ny 2100 km izy ireo ary miampita ny Ranomasimbe Indiana mba hahatongavana any.





Manana toeram-pitsaboana eo akaikin' ny tranony ny renin' izy roa vavy. Izy ireo dia manampy amin' ny alalan' ny famafana sy ny fihazonana izany mba hadio.



Manana saka roa i Sophie sy i Elodie ary tian' izy ireo ny misafosafo azy.



Eo amin' ny sainan' i Madagaskara, ny fotosy dia maneho ny fahadiovana, ny mena dia maneho fahaleovan-tena ary ny maitso dia maneho fanantenana.



Ny gidro sy ny tanalahy dia biby roa hita any Madagasikara.

Moa Ve Aho Tsy Mba Azo Atao **BATISA** Koa?

"Ary ny zanany dia hatao batisa ho famelana ny fahotany rehefa feno valo taona ary handray ny fametrahan-tanana" (F&F 68:27).

Ry Nuno sy Miriam, moa veianareo vonona ny hanaraka ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy ary hatao batisa amin' ny Asabotsy ho avy izao? Hoy ny fanontanian-drahavavy Silva.

Tsy nino ny zavatra henony i Paulo. Vao avy nanasa ilay rahalahiny sy anabaviny 10 taona mba hatao batisa ireo rahavavy misiônera!

"Eny!" "Eny!" hoy ireto kambana namaly tamim-pifaliana.

Tsy nitsahatra nitsiky i Miriam. Nokapohan' i Nuno ny felatanandrahavavy Lopes anankiray ho mariky ny fiarahabana. Nitsikitsiky avy eo amin' ilay sezä lehibeny menamena i Bebe.

Nampianatra an' i Paulo sy ny iray tampo aminy tao amin' ny tranon-drenibeny ireo misiônera rahavavy nandritra ny herinandro vitsivitsy. Izany dia any amin'ny nosy Sao Miguel izay maitso mavana sy misy tsio-drivotra-1600 km miala eo amin'ny tanin'i Portugal. I Paulo dia tia manokatra ny tapany ambonin' ny varavarana fidirana ao amin' ny renibeny ary maka ilay tsio-drivotry ny ranomasina sady mitazana ny Rahavavy Lopes sy Rahavavy Silva miakatra ny lalana mba hampianatra azy ny filazantsara.

Nilaza ireo rahavavy misiônera ireo hoe ho lesona miavaka ny androany. Fantatr' i Paulo tamin' izay ny antony. I Nuno sy i Miriam dia hatao batisa toy ny nampianaran' i Jesoa mihitsy! Te-hanaraka ny ohatra

nasehon' ny Mpamonjy koa i Paulo.

"Ry Rahavavy, moa ve aho azo atao batisa koa amin' ny Sabotsy ho avy izao?" hoy izy nanontany tamim-paniriana mafy, ary nihazona ilay Bokin' i Môrmôna aseho antsary izay teo akaikiny.

Nitsiky Rahavavy Silva saingy naneho fandavana tamin' ny lohany. "Miala tsiny ry Paulo. Nilaza tamintsika ny Tompo fa mila atao batisa daholo isika rehetra saingy aorian' ny fahafenoantsika valo taona ihany. Satria vao enin-taona monja ianao dia tsy mbola tompon' andraikitra amin' ny safidinao."

"Kanefa anie ry rahavavy," hoy i Paulo nanohitra, "Efa niaraka nivavaka sy namaky ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny fianakaviako aho toy ny nampanarinareo ahy." Mandeha any amin' ny Kilonga isankerinandro miaraka amin' i Bebe sy Dadatoa Mário aho. Fantattro fa marina ny Fiagonana! Moa ve aho tsy mba azo atao batisa miaraka amin' i Nuno sy i Miriam?"

"Nanao ezaka tsara ianao mba hiainana ireo didy sy hianarana momba ny filazantsara," hoy Rahavavy Lopes. "Saingy mbola mila miandry roa taona ianao vao azo atao batisa."

Nanomboka namaivay ny tendan' i Paulo ary nirotsaka ny rano-masonry. Nitsambikina izy ary lasa nihazakazaka tany aminy tany amin' ny rihan-trano ambany tafo izay





fatorian' izy sy ny iray tampo aminy.

Rehefa avy nitomany teo amin' ny ondany nandritra ny minitra vitsy izy ireo dia naheno olona niakatra ny tohatra mankany amin' ny rihantrano ambany tafo i Paulo. Nipetraka teo amin' ny fandrianan' i Paulo i Dadatoa.

"Inona no olana ry Paulo?" hoy i Dadatoa Mário nanontany.

"Nilaza Rahavavy Silva sy Rahavavy Lopes fa tsy azo atao batisa aho, kanefa i Nuno sy i Miriam azo atao," hoy i Paulo. "Te ho mpikamban' ny Fiangonana aho! Tiako ny mihira ny hira ao amin' ny fihirana mandritra ny fivoriana fanasan' ny Tompo ary mianatra momba ny soratra masina any amin' ny Kilonga. Tsy te ho avela irery aho."

"Ry Paulo, afaka ny ho anisan' ny ao amin' ny Fiangonana ianao na dia mbola tsy tonga amin' ny taona tokony hanaovana batisa anao aza," hoy i Dadatoa Mário taminy tamim-pitiavana.

"Amin' ny fomba ahoana e?" hoy i Paulo nitomany teo amin' ny ondany.

"Eny ary! Fantatrao fa manomana fandaharana mandritra ny fivoriana fanasan' ny Tompo ny Kilonga," hoy i Dadatoa Mário. "Nilaza tamiko ny mpampianatra anao ao amin' ny Kilonga fa mitady mpilatsaka an-tsitraro hijoro ho vavolobelona izy mandritra ilay fandaharana." Anisan' ny fomba iray ahafahanao mandray anjara ao amin' ny fiangonana izany," hoy ny fanazavan' i Dadatoa Mário.

"Marina ve?" Nipetraka i Paulo ary nanatrika ny dadatoany. Nierireritra nandritra ny minitra vitsy izy. "Angamba afaka mijoro ho vavolobelona koa aho mandritra ny batisan' i Nuno sy i Miriam!"

"Hevitra tena tsara izany!" hoy i Dadatoa Mário. "Na dia mbola kely aza ianao ka tsy azo atao batisa dia afaka manana fijoroana ho vavolobelona."

Nitsambikina avy eo amin' ny fandrianany i Paulo dia nihazakazaka nidina ny tohatra.

"Ho aiza ianao ry Paulo?" hoy i Dadatoa Mário niantsoantso.

"Handeha hanao fanazaran-tena

hijoro ho vavolobelona amin' ireo misiônera aho!" hoy ny navalin' i Paulo tamim-pifaliana. "Handeha hizara izany aho mandritra ny fiandrasako ny hanaovana batisa ahy!" ■



"Ny faharetana dia midika hoe miandry sy maharitra ao anatin' ny fahavitrihana. Midika izany hoe miara-mitoetra amin' ny zavatra iray ary manao izay rehetra vitantsika—miasa, manantena ary mampihatra ny finoana."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf,
Mpanolotsaina Faharoa ao
amin' ny Fiadidiana Voalohany,
"Continue in Patience," *Liahona*,
Mey 2010, 57.**

Miakanjo Toy ny Diakona

Nataon' i Hilary M. Hendricks

Nalaina avy tamin' ny tantara marina iray

1. Tsingerintaona nahate-rahan' i Eli androany. Efa-taona izy.

Afaka efa-taona fanampiny dia hatao batisa ianao.

Ary efa-taona aorian'izany dia ho lasa diakona ianao ary ho afaka mizara ny fanasan' ny Tompo.

3.


Moa ve ny diakona manao pataloan' ilay lehilahy igagana amin' ny tanjany sy ny hakingany rehefa hiangona?

Tsia. Manao pataloa tsara ny diakona.

4.

Moa ve ny diakona manao ambonin'akan-jon' ilay lehilahy igagana amin' ny tanjany sy ny hakingany rehefa hiangona?

Tsia. Manao lobaka fotosy sy karavato ny diakona.



5.

Te-hanao lobaka fotsy
sy pataloха tsara aho.

Te hiakanjo toy ny
diakona aho.

Nampian' i Neny i Eli mba hanao pataloха
tsara, lobaka fotsy ary karavato.



6. Tany am-piangonana dia nampifanindrian' i Eli ny tanany rehefa njery an' ireo diakona nizara ny fanasan' ny Tompo izy.



7. Rehefa nentin' ny diakona iray teo amin' i Eli ilay fanasan' ny Tompo, dia naka tapa-mofa iray izy dia natolony an' i Neny ilay viliabe.

8. Nitsiky tamin' i Eli i Neny. Faly izy fa nanampy. Nahatsapa ho toy ny diakona izy.



SARY MIAFINA

Te hiakanjo toy ny diakona i Eli. Ampio izy hahita ireo zavatra ao amin' ny efiranony izay hanampy azy hiakanjo toy ny diakona.





Mandray ireo ôrdônanśin' ny famonjena isika amin' ny alalan' ny fisoronana.

"Ary ireo rehetra izay mandray ity fisoronana ity koa dia mandray Ahy, hoy ny Tompo" (F&F 84:35).

Vaovaom-piangonana

Tsidiho ny news.lds.org mba hahafantarana bebe kokoa momba ny vaovaom-piangonana sy ny zava-miseho.

Mampifandray ny Tantaram-pianakaviana sy ny Asa Atao any amin' ny Tempoly ireo Zatovo Bireziliana

Nataon' i Melissa Merrill

Vaovaom-piangonana sy Zava-niseho.

Nahatsikaritra zavatra iray izay lasa miseho matetika i José A. Moscão: ireo zatovo izay tonga any amin' ny Tempolin' i Campinas Brésil dia toa "nandany fotoana ela nipetrahana sy niandrasana."

Rahalahy Moscão, talen' ny foiben' ny tantaram-pianakaviana izay mifanila amin' ny tempoly, dia nahafantatra fa noho ny halaviran-dalana tsy main-tsy diavin' ny zatovo maro mba hahatongavana any amin' ny tempoly dia nanao diabe miaraka ny anka-maroan' izy ireo ary nijanona teo nandritra ny andro maro. Tsy azo nialana ny fotoana teo anelanelan' ireo fotoana anatrehany ny ao amin' ny toerana fanaovana batisa sy ny fotoam-pisakafoanana ary ny fiandrasana ny ray aman-dreniny sy ny mpitarika azy ireo izay nandray anjara tamin' ny fanaovana ôrdônanasy hafa tao amin' ny tempoly.

Saingy angamba, hoy izy nieritreritra, afaka manolotra safidy hafa ho an' ny zatovo izy ankoatry ny fandehandehanana eo an-tokotanin' ny tempoly isaky manana fotoana malalaka izy ireo.

Dia nataony izany.

Fanasana

Nanomboka nanasa zatovo mba ho ao amin' ny foibe izy ary nanolo-tena ny hampianatra azy ireo ny fanaovana firaketana anarana faobe na indexation ao amin' ny FamilySearch.

Menatra na tsy niraika ny sasany tamin' ny voalohany. Saingy nilaza Rahalahy Moscão fa rehefa niresaka tamin' izy ireo izy mikasika ny famonjena ny olona ao anatin' ny haizina sy ny fitondrana ny anaran' izy ireo ho eo amin' ny hazavana ho fanka-toavana ny tenin' ny mpaminany velona dia nano-hina ireo zatovo izany (jereo ny David A. Bednar, "Hitodika ny Fon' ny Zanaka," *Liahona* sy *Ensign*, Nôv. 2011, 24–27).

Zava-dehibe ny fahitana ny tempoly sy ny foiben' ny tantaram-pianakaviana ao amin' ny toerana iray ihany satria izany dia manamafy amin' ny fomba azo tsapain-tanana fa ny asa atao any amin' ny tempoly sy ny asa atao mikasika ny tantaram-pianakaviana dia lafin-javatra roa ao anatin' ny ezaka iray lehibe. Izany hoy i George A. Oakes,

filohan' ny Tempolin' i Campinas Brésil, dia zavatra iray izay manomboka ianaran' ny zatovo ao amin' ny distrikan' ny tempoly.

"Talohan' ny fanantitranterana ny fanaovana izay hampandraisana azy ireo anjara amin' ny tantaram-pianakaviana sy ny firaketana anarana faobe, dia niompana tamin' ny fanaovana batisa ho an' ny maty fotsiny ihany ny tena anton' ny dian' izy ireo tany amin' ny tempoly. Ankehitriny dia lasa tafiditra ao anatin' ny asa ataon' izy ireo ny firaketana anarana faobe," hoy izy.

Fampidirana

Rehefa tonga ao amin' ny foibe ireo zatovo dia ampahafantarín-dRahalahy Moscão sy ireo misiônera miasa an-tsitrano ao amin' ny foibe azy ireo ao anatin' ny fanoroan-dalana fohy sy tsotra ireto torolalana manaraka ireto:

- Lasa mpamonjy eo an-tendrombohitra Ziona izy ireo (jereo ny Obadiah 1:21).
- Mankatò ny antson' ny mpaminany iray izy ireo (jereo ny "Hitodika ny Fon' ny Zanaka").
- Mamonjy ny olona hiala ao amin' ny haizina izy ireo—ilay haizin' ireo sary efa hadino hatry ny ela sy ireo boky firaketana feno vovoka izay mipetraka any amin' ireo birao sy trano fiangonana. Ny firaketana anarana faobe dia mamoaka ireo anarana ireo ho eo amin' ny hazavana ary mahatonga azy ireo ho azo karohana mba hahafahan' ny fianakaviany mahita azy ireo.
- Rehefa mirotsaka ao amin' ity asa ity izy ireo dia handray anjara ao amin' ny lafiny iray hafa amin' ity "lohahevitra faran' izay be voninahitra indrin-dra ity amin' ireo lohahevitra rehetra izay hita ao amin' ny filazantsara maharitra mandrakizay dia ny batisa ho an' ny maty izany" (F&F 128:17).
- Hampiasa ny fotoany izy ireo ao anatin' ilay asa lehibe fanavotana ny maty, izay mitahy ny fianakaviana.
- Anisan' ny fianakavian' Andriamanitra isika rehetra izao. Noho izany rehefa mirakitra ny anaran' ireo olona tsy fantany ireo izy ireo dia mbola manampy ny fianakaviany ihany.

Mandritra
*ny dia atao
any amin' ny
tempoly dia
mandray anjara
amin' ny fira-
ketana anarana
faobe ao anatin'
ny FamilySearch
eny anelane-
lan' ny fotoana
anatrehany ny
ao amin' ny
toerana fanao-
vana batisa ireo
zatovo ao amin'
ny distrikan'
ny Tempolin' i
Campinas Brésil.*



- Raha vao mahatakatra ny fomba fandraisana anjara ao amin' ny firaketana anarana faobe izy ireo dia manana fahafahana hampianatra ireo olona ao amin' ny fianakaviany sy ireo tanora hafa ao amin' ny paroasiny sy ny sampana misy azy ireo mba handray anjara koa.

Dia ampiasan-dRahalahy Moscão sy ireo misiônera ireo solosainan' ny foibe mba hampisehoana an' ireo zatovo ny fomba fanombohana ny firaketana anarana faobe sy ny fomba fampidirana sy fampiasana ilay logiciel rehefa tonga any an-trano izy ireo. Raha vao takatr' izy ireo izany hoy Rahalahy Moscão dia "manomboka mirakitra anarana miaraka amin' ny hery tsy misy toy izany" izy ireo.

Fientantanana ao anatin' ilay Asa

Hita taratra eo amin' ny tarehimarika izany fientantanana izany. Tao anatin' ny roa volana voalohan' ny taona 2012 dia nahatafiditra anarana miisa 6.370 ireo mpitsidika, ka ny 3.305 tamin' izany dia noraketin' ny zatovo teo amin' ny 12 ka hatramin' ny 18 taona. Raha ny marina, mba hanomezana fahafaham-po ny fitomboan' ny fahalianana eo amin' ny firaketana anarana faobe, dia matetika ny foiben' ny tantaram-pianakaviana ao Campinas no manalava ilay ora fisokafany mahazatra izay amin' ny 8 ora maraina ka hatramin' ny 6 ora hariva, ka lasa mbola misokatra izany hatramin' ny 10 ora alina.

Kanefa tsy hoe avelan' ireo zatovo any akory ny firaketana anarana faobe rehefa mandoa ny tempoly izy ireo. Rehefa tonga any an-trano izy ireo

dia manohy ilay anjara asany ao anatin' ilay an-tsoin-dRahalahy Moscão hoe "ilay andian-tafiky ny mpirakitra anarana mavitrika mihoatra ny 170.000 izay ananan' ny Fiagonana ankehitriny." Maro no mahatanteraka tanjona ao anatin' ny Devoirs Envers Dieu sy ny Mon Progrès Personnel amin' ny alalan' ny asa firaketana anarana faobe ataony.

Hery Mitarika amin' ny Tsara

Tamin' ny voalohandohan' ity taona ity dia nanao dia nankany amin' ny tempoly niaraka tamin' ny reniny sy ny rahavaviny i Isabela A., izay 16 taona ary avy any Vila Velha, Espírito Santo, Brésil. Ny andro faran' izany dian' izy ireo izany dia nanamarika ny herintaona nahafatesan' ny renibeny. Natao batisa isoloana tena ho an' ny renibeny i Isabela ary ny reniny no nanao ireo ôrdônan'sin' ny tempoly hafa ho azy.

Nanazava i Isabela hoe: "Tsapako nandritra ilay dia fa nila nanao zavatra tsara aho. Naniry ny hianatra hanao firaketana anarana faobe aho ary nahazo fanampiana avy tamin-dRahalahy José Moscão.

"Ka rehefa natao batisa ho an' ny renibeko aho dia nahatsapa lalina ny Fanahy. Nahatsapa aho fa maro ireo olona any ankoatry ny voaly no sasa-miandry ary nila ny fanampiako izy ireo. Nahatsapa aho fa afaka manome ampahany kely amin' ny fotoanako mba hanompoana ary afaka manao zavatra maro ho an' ireo olona ireo. Asam-pitivana ny firaketana anarana faobe." ■

Mba hahalalana bebe kokoa momba io tantara io dia tsidihio ny news.lds.org.

Naorina ny Tsatòka Voalohany any Inde

Nataon' ny Loholona E. Jack sy Rahavavy Pamela Kellerstrass

Misiônan' i Bangalore Inde

Azo tsapain-tanana ny fientanentanana sy fankasitrahana rehefa nivory tao amin' ny Toeram-pivorian' i Novotel tao Hyderabad, Inde, ireo mpikambana mihoatra ny 1500 noho ny fanorenana ny Tsatòkan' i Hyderabad, Inde, izay tsatòka voalohany ao amin' io firenena io, tamin' ny 27 Mey 2012. Ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo no niahys izany ary niaraka taminy ny Loholona Donald L. Hallstrom avy ao amin' ny Fiadian' ny Fitopololahy sy

ny Loholona Anthony D. Perkins avy ao amin' ny Fitopololahy izay Filohan' ny Vondrom-paritr' i Azia. Notronin' ny vadiny avy ireo mpitarika tsirairay tamin' io fihaonambe io.

I John Gutty no notohanana ho filohan' ny tsatòka niaraka tamin' i Suresh Natarajan ho mpanolotsaina voalohany ary Rajaratnam Bushi ho mpanolotsaina faharoa. Ny patriarika voalohan' i Inde dia ilay filohan' ny distrika teo aloha, i Prasad Rao Gudey.

Rehefa nandray fitenenana

Tanora tokan-tena 600 latsaka kely avy any Inde sy Népal ary Sri Lanka no nivory tao anatin' ny fihaonambe iray talohan' ny fanorenana ny tsatòka voalohan' i Inde.



SARY NALAIN' | JAMES DAIRYPIE

teo anivon' ilay favorian' ireo Olomasina faran' izay lehibe indrindra hatramin' izay tany Inde i Randy D. Funk, izay filohan' ny Misiônan' i Bangalore Inde dia nilaza hoe: "Zava-miseho tena lehibe ao anatin' ity andro manan-tantara ity izao, andro izay ho tsaroantsika foana. Ho

Ny fiadian' ilay Tsatòka vaovaon' i Hyderabad Inde izay vao naorina (ankavia mankany ankavanana): Suresh Natarajan, mpanolotsaina voalohany; John Gutty, filoha; Rajaratnam Bushi, mpanolotsaina faharoa.



tsaroantsika foana fa nisy Apôstolin' ny Tompo tonga teto."

Ny Loholona Perkins dia naneho ny fitiavana avy amin' ny Fiadian' ny Vondrom-paritr'i Azia ary nilaza hoe, "Hitan-tsika izao ny fiantombohan' ny asa iray mahagaga eto amin' ity firenena ity." Ny fitomboan' ny Fianganana sy ny fananganana tsatôka dia tanterahina araka ireo fitsipika mandrakizain' ny filazantsara sy ireo lamin' ny fisoronana izay napetraka."

Raha nilaza ny Loholona Hallstrom fa izy dia vavolombelona faharoa amin' ny fiantsoana ny fiadian' ny tsatôka vaovao, dia nazavainy ilay dingana mifono fanambarana eo amin' ny fisafidianana ny mpitarika vaovao ao amin' ny tsatôka. Amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny Fitopololahy azy, hoy izy, dia notendrena izy ary tonga tsy niaraka tamin' ny fitongilana atsy na aroa na fihevitra mialoha. Tonga araka ny fomban' ny Tompo izy ary miantehitra amin' ny Fanahiny mba hahazo fanambarana. "Ny sitrapon' ny Tompo dia ny haha-filohan' ny tsatôka ny Filoha Guttu," hoy ny Loholona Hallstrom.

Rahavavy Kristen Oaks izay niaraka tamin' ny vadiny dia niresaka momba ny fampianaranana ny ankizy mba hinoan' izy ireo "satratra nahafantatra izany ny renin' izy ireo" (jereo ny Almà 56:48).

Ny Loholona Oaks izay mpandahateny farany nandritra ilay favoriana dia naneho ny fankasitrahany tamin' ny firenen'i Inde, izay firenena iray ahitana fahalahalhana ara-pivavahana ka nanome fahafahana ireo mpikambana ao amin' ny Fianganana "hivory sy hiresaka momba ireo fitsipiky ny finoantsika."

Nijoro ho vavolombelona ny


Loholona Oaks fa nahazo fijo-roana ho vavolombelona avy amin' ny Fanahy izy fa nomanin' ny Tompo sy nofidiany ireo mpitarika izay voantso ireo. Niresaka koa momba ireo andraikitra vaovao eo anivon' ny tsatôka ny Loholona Oaks.

Ny mpaminany Isaia ao amin' ny Testamenta Taloha dia nam-pitaha an' i Isiraely tamin' ny lay iray izay nialofan' ireo zanak' i Isiraely, hoy izy. "Ny Fianganana ankehitriny no ilay lay. Fantatsika rehetra fa ny lay iray

fokon' i Isiraely, ka amin' ny alalan' izany no ahazoana fitahiana lehibe," hoy ny Loholona Oaks. "Ny tsodranon' ny patriarika koa dia manambara fitahiana sy fampantanenana izay azontsika antenaina raha toa ka mahatoky isika."

"Rehefa miroborobo ny Fiangonana aty Inde dia ho tonga ny fotoana izay hahazoan' ny mpaminany fitaomam-panahy hanorina tempoly aty Inde," hoy izy nanohy. "Ny tsatôka rehetra miorina dia mampitombo ny

Nandritra ny fitsidihan' ny Loholona Oaks sy ireo mpitarika hafa ao amin' ny Fianganana an' i Hyderabad, Inde, dia ni-haona tamin' ireo mpikambana an-jatony avy tany Inde sy Népal ary Sri Lanka izy ireo.



dia tsy maintsy tohanana amin' ny alalan' ny tsatôka maromaro. Ankehitriny rehefa lasa tsatôkan' i Ziona i Hyderabad, dia ho antenaina ianareo handroso sy hanome fanohanana lehibe koka eo amin' ny lafin' ny fahafolonkarena sy ny misiônnera."

Vokatry ny fitsanganan' ny tsatôka dia ho afaka ny hahazo tsodranon' ny patriarika ireo mpikambana ao Hyderabad. Ny Loholona Oaks dia nanazava ny zavatra hita ao anatin' ny tsodranon' ny patriarika, ka ireo fitahiana dia nofaritany ho toy ny "soratra masina ho an' ny tena manokana."

"Ny tsodranon' ny patriarika dia manambara hoe taranak' iza no misy anao ao amin' ireo fitahiany." ■

fanampoizana fa hisy tempoly iray indray andro any. Rehefa maneho fahamendrehana sy fanoloran-tena ny olona dia ho tonga ny tempoly."

Teo am-pamaranana dia nomen' ny Loholona Oaks ny tsodrano: "Ao anatin' ity tsatôka voalohany ao amin' ity firenena lehiben'i Inde ity dia mitsodrano anareo aho mba hahatsiaro ireo fampianaranana tamin' ity fotoana ity. Mitsodrano anareo aho mba hahatsiaro ireo fanekempihavanana izay nataonareo fony ianareo natao batisa. Mitsodrano anareo aho mba hanana fahatsiarovana sy fahavononana hitandrina ny didin' Andriamanitra mba hahafahanareo mahazo ireo fitahiany." ■

Nitokana ny Foibe Vaovao Fanofanana Misiônera tany Philippines ny Apôstôly Iray

Ilay Foibe Fanofanana Misiônera any Philippines izay notokanan' ny Loholona Russell M. Nelson avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo tamin' ny 20 Mey 2012, dia afaka mampiantrano misiônera hatramin' ny 144 avy any Philippines, Cambodge, Hong Kong, Inde, Indonésie, Mongolie, Pakistan, Sri Lanka, Taiwan, ary Thailande. Ireo misiônera ireo dia hofanina amin' ny alalan' ny fiteny any amin' ny firenena niaviany.

Ireo tranobe anankiroa izay mandrafitra ilay foibe vaovao dia ahitana efitrano lehibe fivoriana, efitrano kely ho an' ny fandikanteny, efitrano manokana hikirakirana ireo solosaina, toerana fanasan-damba, efitrano fampianarana efa misy fitaovana ho an' ny haino aman-jery, efitrano fatoriana ho an' ireo misiônera, sy trano fianaranana ary birao.

Tao anatin' ny fanolorana ny vavaka f nokanana an' ilay trano vaovao dia naneho ny fankasitrahana ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ny Loholona Nelson ary fankasitrahana an' ireo misiônera sy ny mpikamban' ny Fiagonana mahatoka maneran-tany izay tia ny Tompo sy manompo Azy. Nangataka tsodrano izy ho an' ny Repoblikan' i Philippines "mba hanokatra foana ny varavarana handraisana" ireo mpanompon' ny Tompo rehetra ary nivavaka mba hananan' ny vahoakan' io firenena io "fahalahalaha sy

fahatsiarovan-tena hivoatra ara-nofo sy arapanahy ao anatin' ny fahamarinana."

Ny Tempolin' i Manaus Brésil no tempolin' ny Fiagonana faha-138 Maneran-tany ary Fahenina any Brésil

Ny finoana sy ny fanoloran-tenan' ireo Olomasin' ny Andro Farany mipetraka any Brésil, izay ahitana mpikambana mihoatra ny iray tapitrisa dia azo oharina amin' ny Renirano Amazone hoy ny Filoha Uchtdorf—izay samy mikoriana lalina sy matanjaka.

Nandritra ny 20 taona mahery izay, ireo mpikamban' ny Fiagonana avy any Manaus izay tanàna mitoka-monina ao anivon' ireo renirano lehibe sy ireo ala kitroka mandolava, dia nanao diabe miaraka mba handehanana any amin' ny tempolin' i São Paulo, Brésil—dia izay mandritra ny 15 andro mandroso ary toy izay koa miverina ka atao amin' ny alalan' ny sambo sy ny fiara fitaterambahoaka—ary taty aoriania dia tany amin' ny tempolin' i Caracas, Venezuela—izay dia 8 andro amin' ny alalan' ny fiara fitarerambahoaka.

Ny Loholona Claudio R. M. Costa ao amin' ny Fitopololahy no filohan' ny Misiônan' i Manaus Brésil rehefa

nisokatra izany tamin' ny 1990.

"Matoky aho fa ho feno olona isan' andro ny Tempolin' i Manaus, satria tia ny tempoly ireo olona ireo," hoy ny Loholona Costa.

"Mampianatra ny zanany hitia ny tempoly izy ireo. Tena sarobidy ho azy ireo ny tempoly."

Mankalaza ny Faha-50 Taona nahazoany ny Fahaleovan-tenany sy ny Tsatòkany Voalohany ireo Mpikamban' ny Fiagonana Samôana

Tamin' ny 1 Jiona 2012 dia Olomasin' ny Andro Farany teo amin' ny 350 teo tany Samôana niaraka tamin' ny Samôana hafa no nitanjozotra tao anatin' ny fampisehoana an-dalambe nanaraka an' ireo araben' i Apia ho fankalazana ny fahaleovan-tena. Dimampolo taona lasa izay tamin' ny 1962 no nahazoan' ity firenena ity ny fahaleovan-tenany tamin' i Nouvelle Zélande.

Nandray anjara tamin' izany ireo fikambana, sekoly, fiagonana teo an-toerana ary fikambana iraisam-pirenena. Ireo mpianatra Olomasin' ny Andro Farany dia nampifalfaly ireo mpijery an' alinkisa tamin' ny alalan' ireo vondron' olony nanao ilay filaharana.

Saingy izany faran' ny herinandro izany dia nahitana fankalazana zavatra iray hafa ho an' ireo Olomasin' ny Andro Farany Samôana. 50 taona lasa koa izay no nano-renana ny tsatòka voalohany tao amin' io firenena io tany Apia.

Ny Alahady 3 Jiona, ny Loholona James J. Hamula sy ny Loholona Kevin W. Pearson avy ao amin' ny Fitopololahy, izay samy mpikambana ao amin' ny Fiadian' ny Vondrom-paritra Pasifika, dia nandray fitene-nana teo anoloan' ireo Olomasin' ny Andro Farany sy vahiny nandritra ny fivoriana iray manokana izay nampitaina mivantana tany amin' ireo trano fivoran' ny Olomasin' ny Andro Farany nanerana io firenena io.

Raha mijery ny ho avy, ireo Olomasin' ny Andro Farany aty Samôana dia mikatsaka ny hanohy hanompo sy hanamafy orina ny fianakaviansika, ny tanànany ary ny fireneny hoy ny Loholona Hamula, izay Filohan' ny Vondrom-paritra. "Mampitolagaga ny fivoarantsika amin' ny maha Fiagonana antsika eto ary mivoatra isika any amin' ny fianakaviansika sy eo amin' ny fainantsika manokana rehefa mikatsaka ny hanaraka ireo fampianarana sy ohatra nasehon' i Jesoa Kristy," hoy izy. ■

Misiônera hatramin' ny 144 avy any Philippines, Cambodge, Hong Kong, Inde, Indonésie, Mongolie, Pakistan, Sri Lanka, Taiwan, ary Thailande no hofanina amin' ny fiteny any amin' ny firenena niaviany ao amin' ilay Foibe Fanofanana Misiônera vaovao any Philippines.



Manorina ny Fijoroako ho Vavolombelona izany

Izaho dia namaky sy nandalina tamim-pahavitrihana ny *Liahona* nanomboka tamin' ny 1967 ary nanampy ahy hivoatra ara-panahy izany. Miandry an' ilay gazetiboky aho isam-bolana mba hahazoako hery sy hahatsapako ny bitsiky ny Fanahin' ny Tompo ary hanorenako ny fijoroako ho vavolombelona momba ny filazantsara. Tiako manokana ilay hoe "Imiter et Honorer Notre Famille Céleste" (*Liahona*, Feb. 2012, 80). Afaka namantatra ny tenako aho tamin' ny alalan' ny zavatra nolazain' ilay mpanoratra satria izaho koa dia mpanao sary.

Fabio Fajardo, Colombie

Mpampianatra sy Namana

Tiako ny *Liahona*—mampianatra ahy sy manohana ahy ary manitsy ny fiainako izany. Rehefa mamaky zavatra tsara aho amin' ny maraina dia miezaka ny ho tsara kokoa mandritra ny tontolo andro. Matanjaka kokoa ny fitiavako sy ny finoako rehefa mamaky ny gazetiboky aho. Omeko ny namako ho toy ny fanomezana koa ny *Liahona*. Misaotra betsaka noho ny maha-mpampianatra sy namana azy!

Anastasia Naprasnikova, Ukraine

Alefaso ao amin' ny
liahona@ldschurch.org azafady
 ny fanamarihana na torohevitra
 avy aminao. Mety hasiam-panovana
 ny firafitry ny fanamarihana avy
 aminao noho ny halavany sy mba
 ho mora azo.

Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan' ny mpianakavy. Ohatra amin' izany ireto manaraka ireto:



"Manomana Antsika amin' ny Hoavy ny Fiainana ao anatin' ny Fitsitsiana," pejy 12: Vakio ireo lafin-javatra enina voalaza ao amin' io lahatsoratra io izay ahafahantsika ho lasa mizaka tena. Inona avy ireo voina tampoka na olana izay azontsika sorohina amin' ny alalan' ny fananana fizakan-tena eo amin' ireo lafin-javatra ireo? Asao ireo olona ao amin' ny fianakaviana mba handinika ombam-bavaka hoe inona amin' ireo lafin-javatra ireo no ilain' izy ireo hatsaraina sy hametrahana tanjona mba hampitomboany ny fizakan-tenany eo amin' ireo lafin-javatra ireo.

"Fahadiovam-pitondrantena ao anatin' ilay Izao Tontolo Izao Maloto Ara-pitondrantena," pejy 42: Ifanakalozy hevitra amin' ireo olona ao amin' ny fianakaviana ireo fanontaniana napetraka ao amin' ilay lahatsoratra. Mizarà fitsipika na zavatra niainana izay nampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fahadiovam-pitondrantena. Ifanakalozy hevitra ireo fomba ampiharana ny

torohevitra avy amin' ilay lahatsoratra.

"Aoka lanao ho Hendry ary ho Namana," pejy 48: Manomboha amin' ny alalan' ny famakiana ny fitsapana nomen' ny Loholona Hales mba hamantara ny hoe namana tsara. Mifanakaloza hevitra mikasika ny maha-zava-dehibe ny fahatongavana ho namana tsara. Asao ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana mba hieritreritra fomba telo ahafahany ho tonga namana tsara.

"Ry Amiga Malala," pejy 60, ary **"Mitsena Vanim-potoana Vaovao eo amin' ny Fiainana,"** pejy 61: Vakio ny mikasika an' ireo ankizy ao amin' ny Kilonga ireo ary ny fomba hiomanany hiditra ao amin' ny Zatovovavy sy Zatovolahy. Ifanakalozy hevitra amin' ny maha-fianakaviana izay zavatra nataon' ireo ankizy ireo mba hiomanana. Asao ireo olona ao amin' ny fianakaviana mba hamaky ilay boky kely *Mon Progrès Personnel* na ny *Devoirs Envers Dieu* ary hitady asa atao izay mahaliana azy ireo ny hanatareraka azy amin' ny ho avy.

Takarivan' ny Mpianakavy iray, Lesona Roa

Indray alina dia tonga tao aminay mba hanao takarivan' ny mpianakavy ny ray amandreniko sy ny raibe sy renibeko avy any amin' ny reniko. Tia mandray anjara ny tsirairay amin' ireo zanako telo ary tamin' izay alina izay dia anjaran' ilay zanako lahy fito taona ny manao ny lesona. Nanomana zavatra kely hanaovana famelabelarana hisarihana ny maso izahay ary nanamboatra sary mikasika ny Fahariana ary nandalina sy namerina njery ny zavatra ho ampianariny. Vonona sy nientantana ilay zanako lahy.

Nihaino tsara ny zavatra nohazavain' ny zanako lahy izahay rehetra nandritra ny lesona. Rehefa vita ny azy dia nanapa-kevitra i Samuel izay telo taona teo fa te hanome lesona koa izy. Ka dia nalainy ireo sary ary ireo zavatra hanaovana famelabelarana hisarihana ny maso dia nalaminy teo ambonin' ny latabatra indray.

Nanome leson' ny takarivan' ny mpianakavy ho anay i Samuel tao anatin' ilay feony malefaka ary indraindray niaraka tamin' ireo teny izay zara raha voatonona. Na dia tsy nanomana aza izy dia tena nihaino. Nohazavainy taminay ny fomba nahariana ny tany ary nolazainy taminay ny fitiavan' i Jesoa Kristy antsika tsirairay avy.

Variana izahay nahita fa mora taminy ny nampianatra ilay lesona—ary toy ny nataon' ilay rahalahiny mihitys no nataony. Variana sy faly ny ray aman-dreniko sy ireo raibeko sy renibeko. Afaka nahita ny fitiavan' ireo ankizy kely ireo ny filazantsara izahay rehetra—ary ny fitiavan' i Jesoa Kristy azy ireo.

Lizbeth Sánchez Fajardo, Mexique

MITOHY NY FAHATONGAVAN' IREO ZAVATRA TSARA

Nataon' i Caitlin A. Rush

Zoma alina nitovitovy tamin' ny hafa ihany tamin' izay. Nipetraka njery sarimehitsika tao ao amin' ny efitrano fonenako izaho sy ireo namako akaiky ary niresaka moramora matetitetika, dia nihomehy mafy avy eo. Nomeno ny tontolo nanodidina ny fahatsapana fifaliana avy amin' ny fo ary tsy nahatana ny fitsikiako aho rehefa nihodinkodina tao an' efitrano ireo tantara sy hevitra. Ny sasany tamin' ireo olona ireo dia olona nihaona tamiko tamin' ny taona lasa ary ny sasany efa fantatro nandritra ny 25 taona niainako.

Nisy fotoana izaho sy ny iray tamin' ireo namana hatry ny ela ireo nifampizara fahatsiarovana mikasika ny sasany tamin' ireo namanay tany amin' ny sekoly ambaratonga faharoa taona vitsivitsy lasa izay. Rehefa niresaka izahay dia nieritreritra aho fa tena nalahelo an' ireo namako ireo ary tena nifaly tokoa izahay sy tena nifanakaiky tokoa. Ankehitriny dia samy nahazo mari-pahaizana izahay ary nandeha nipetraka tany amin' ny toerana samihafa manerana an' izao tontolo izao ary niatrika toe-javatra izay tsy noeritreretinay velively. Nisento noho ny fahatsapana alahelo nandalo aho, dia nanopy maso tany amin' ireo endrika nihomehimehy nanodidina ahy tao an' efitrano tamin' izany fotoana izany ary taitra tamin' ilay eritreritra tonga tampoka manao toy izao aho hoe: *mitohy ny fahatongavan' ireo zavatra tsara*.

Izany eritreritra tsotra izany dia lasa lalina ihany ho ahy tamin' izay, indrindra noho izaho nanana fahasahiranana foana niatrika fiovana ary misalasala hamotsotra zavatra tsara. Malahelo ny lasa aho na dia mbola toy ny ankehitriny aza izany ary maniry mafy ny hianoka tanteraka an' ireo fotoana izay iainako ao anatin' ny fahatsiarovan-tena sy fahavononana aho. Fantattro fa rehefa manana zavatra tsara



Amin' ny maha olona iray ahy izay malahelo an' ilay ankehitriny toa mive-rina haingana dia haingana any amin' ny lasa dia feno fankasitrahana an' ilay mpampahatsiay aho izay milaza fa ifaliana fotsiny aloha izao fotoana izao ary andrandraina ny hoavy.

aho ary tiako hazonina izany dia tsy havotso-tra velively. Ity Zoma alina mifono hakamoana sy fifaliana ity dia iray amin' ireo fotoana tsara ireo. Matetika rehefa mahita ireo zavatra tsara ireo aho dia tonga dia manomboka mieritre-ritra fa mandalo ny zava-drehetra ary ho very ao anatin' ny fotoana sy ny toe-javatra iainana izany amin' ny farany.


Saingy tsy niseho izay alahelo anaty izay tam-in' ity alina ity. Rehefa nipetraka nangina ary nohodidinin' ireo olona tiako aho dia nahafan-tatra fa na dia tsy maintsy mifarana ho azy aza ny zavatra tsara ary tsy isalasalana fa tsy main-tsy hisy ireo zavatra sarotra maro amin' ny ho avy, dia mitohy ny fahatongavan' ireo zavatra tsara. Ary ho tonga foana izy ireo—rehefa avelako ho tonga. Na ireo olona tiako aza dia lasa mandroso koa. Ho feno olona vaovao sy mahatalanjona ny banga ary ho feno toe-javatra hiseho izay tsy noeritreretiko velively.

Sarotra indraindray ny mandroso, saingy tsy maintsy manao izany isika. Ary ny fan-drosoana dia tsy midika hoe fanadinoana ny finamanana sy fanelena ny fahatsiarovana mba hanjavona. Midika izany hoe manokatra ny fontsika handray fifaliana bebe kokoa sy zavatra bebe kokoa iainana.

Herinandro vitsivitsy taorian' izany Zoma izany dia nisaorana ny fiadidian' ny tanora mpitovo tao amin' ny sampana nisy ahy. Toy ny tsapan' izay olona rehetra avy amin' ny sampana kely iray, dia sarotra taminay ny nierireritra ny zavatra hitranga rehefa tsy afaka miantehitra amin' ireo lehilahy sy vehi-vavy izay lasa tianay sy nahatokisanay ireo ny sampanay. Saingy nakimpoko ny masoko ary naveriko tao anatiko ireo teny izay nanaitra ahy tamin' izay Zoma izay: *mitohy ny fahatongavan' ireo zavatra tsara*. Nahazo fanka-herezana tamin' ilay fiovana aho ary vonona tamin' izany.

Lalan' ny Tompo ny fiovana. Tiany isika ho faly sy hivoatra ary hientantana handroso eo amin' ny fainantsika. Dia lavitra iray ny fainana ary raha mbola mianoka amin' ny ankehitriny isika sy miomana amin' ireo fanamby tsy azo ihodivirana, dia tsy maintsy mandroso hatrany, mitoetra ao anatin' ny fananana eritreritra tsara, ary ny fontsika misokatra amin' ny traikera maro sy zavatra tsara izay tsy isalasa-lana fa eny an-dalana. ■

Hisy karazan' olona voalaza ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny laharana maromaron' ny *Liahona* amin' ity taona ity. Mba hahafahan' izy ireo ho mafy sy ho mora ampiasaina dia hetezo sy apetaho amin' ny lakôly amin' ny taratasy matevina, na amin' ny harona taratasy kely na amin' ny hazo vita sokitra izany. Ampirimo ao anaty valopy na harona ireo andian-tsary ireo miaraka amin' ny efamira izay mampahafantatra ny toerana ahitana ilay tantara ao amin' ny soratra masina mifanaraka amin' ireo sary ireo.



Notarihana tany amin' ny
Tany Nampanantenaina ny Jaredita

Etera 1–3, 6



Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambini-folo dia nampianatra fa "ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia naorina sy nokolokoloina tamin' ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ny ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' izao Tontolo izao"). Mba hahitana hevitra mikasika ny fampiharana ireo fitsipika ireo eo amin' ny fainanao sy ny fianakaviana dia jereo ny pejy 4, 16, 20, ary 22.